REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Torolàlana momba ny paikady ara-pitantanan-draharaha ho an'ireo Kaominina

Aogositra 2018

LE CONTENU DE LA PRÉSENTE PUBLICATION RELÈVE DE LA SEULE RESPONSABILITÉ DE SON AUTEUR ET NE PEUT EN AUCUN CAS ÊTRE CONSIDÉRÉ COMME REFLÉTANT L'AVIS DE L'UNION EUROPÉENNE.

CE MANUEL EST RÉALISÉ PAR LE PROJET *NY FANJAKANA HO AN'NY DAHOLOBE* (NFD) FINANCÉ PAR L'UNION EUROPÉENNE ET PUBLIÉ AVEC LE CONCOURS DU PRODECID

Fanoroam-pejy

		PEJY
I	**IREO TANDRIFIM-PAHEFAN'NY KAOMININA**	7
II	**IREO RAFITRY NY KAOMININA**	11
II.1	RAFITRA MPANAPA-KEVITRA	11
II.1.1	Ireo anjara raharahan'ny Filankevitra	11
II.1.2	Fandaminana sy fomba fiasa	12
II.1.2.1	Isan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra	12
II.1.2.2	Firafitry ny biraon'ny Filankevitra	12
II.1.2.3	Lisitra momba ny fiamboniana araka ny arofenitra	13
II.1.2.4	Ireo fotoam-pivorian'ny Filankevitra	14
II.1.2.4.1	Fehin-kevitra	14
II.1.2.4.2	Faharetan'ny fotoam-pivoriana	14
II.1.2.5	Fanaikàna ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra	14
II.1.2.5.1	Fehin-kevitra	14
II.1.2.6	Ireo vaomiera	17
II.1.2.7	Fanatanterahana ireo fivorian'ny Filankevitra	17
II.1.2.8	Fitànana an-tsoratra ireo fivoriana	17
II.1.2.9	Fombafomba fankatoavana sy fifidianana ireo fanapahana	18
II.1.2.10	Fandroahana mpikambana iray	19
II.1.2.10.1	Fehin-kevitra	19
II.1.2.10.2	Fombafomba fampiharana	19
II.1.2.11	Fametraham-pialan'ny mpikambana iray ao amin'ny Filankevitra	19
II.1.2.12	Fitsipika anatin'ny Filankevitra	20
II.2	RAFITRA MPANATANTERAKA	25
II.2.1	Fandraisan'ny Ben'ny Tanàna ny asany	25
II.2.1.1	Fiandohana sy fiafaran'ny fotoam-piasan'ny Ben'ny Tanàna	25
II.2.1.2	Ny famindram-pahefana	25
II.2.2	Ny amin'ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna	32
II.2.2.1	Ireo fahefana manokana	33
II.2.2.2	Ireo fanomezam-pahefana maharitra avy amin'ny Filankevitra	34
II.2.2.3	Ireo fanomezan-dàlana voafetra ara-potoana avy amin'ny Filankevitra	34
II.2.2.4	Ireo fahefana ampiasaina amin'ny anaran'ny Fanjakana	35
II.2.3	Fanomezam-pahefana sy fanomezam-pahefana hanao sonia	36
II.2.4	Fanendrena sy fanafoanana fanendrena	38
II.2.5	Fahabangan-toerana	40
II.3	NY FOKONTANY	41
II.3.1	Ny amin'ny fandaminana	41
II.3.2	Ny amin'ireo anjara raharaha	42
II.3.3	Fepetra ara-bola	42
II.4	NY RAFITRA FIKAONAN-DOHA	43
II.4.1	Tanjona	43
II.4.2	Firafitra	43
II.4.3	Fanendrena ireo mpikambana	43
II.4.4	Fomba fiasa	44
III	**IREO SORA-DRAHARAHAN'NY KAOMININA SY NY FANARAHAMASO AZY IREO**	45
III.1	IREO SORA-DRAHARAHAN'NY FILANKEVITRA	45
III.1.1	Ny fanoràtana	45
III.1.2	Ny firaketana an-tsoratra	47
III.2	IREO SORA-DRAHARAHAN'NY BEN'NY TANÀNA	47
III.2.1	Sora-draharaha tsy mivaly	48
III.2.1.1	Ny fanoràtana	48
III.2.1.2	Ny fanomezan-daharana sy ny fanakilasiana	50
III.2.1.3	Ny firaketana an-tsoratra	50
III.2.2	Ireo fifanarahana	50
III.3	NY AMIN'NY FAMPITÀNA SY NY FANARAHAMASO IREO SORA-DRAHARAHA	51
III.3.1	Ny amin'ny fampitàna	51

		PEJY
III.3.2	Ny amin'ny toetoetra mampanankery	52
IV	**FANDAMINANA IREO SAMPAN-DRAHARAHAN'NY KAOMININA**	53
IV.1	RINDRAN-DAMIN'NY KAOMININA	53
IV.2	TABILAON'ISA	54
IV.3	IREO TAKILAN'ASA	55
IV.4	FITSIPIKA ANATINY IFAMPIFEHEZANA	56
V	**NY SEKRETARIA ARA-PANDRAHARAHANA**	61
V.1	NY FANORATANA IREO TARATASY ARA-PANJAKANA	61
V.1.1	Fepetra ankapobe	61
V.1.2	Fitsipika momba ny fanomezan-daharana ny taratasy	62
V.2	NY FITANTANANA IREO TARATASY MIDITRA NA MIVOAKA	63
V.2.1	Taratasy miditra	63
V.2.2	Làlan'ny taratasy alefa	64
V.3	**Fanakilasiana**	65
VI	**FITANTANANA NY MPIASA**	67
VI.1	SOKAJIN'IREO MPIASAN'NY KAOMININA	67
VI.1.1	Ny amin'ireo mpiasam-panjakana raikitra	68
VI.1.2	Ny amin'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra	68
VI.1.3	Ireo mpiasa noraisina araka ny Fehezan-dalàna momba ny Asa	68
VI.1.4	Ny amin'ny fiafaran'ny fifanarahana	73
VI.2	FITANTANANA NY FIVOARANA ARAK'ASA	74
VI.2.1	Fanombanana sy fanomezan'isa	74
VI.2.2	Fialan-tsasatra	77
VI.2.3	Fanomezan-dàlana tsy hiasa	80
VI.2.4	Fiofanana arak'asa	80
VI.2.5	Sazy ara-pitsipi-pifehezana	82
VI.3	RAFI-PITSIPIKA MOMBA NY KARAMA SY NY TAMBIN-KARAMA	82
VI.3.1	Rafi-pitsipika momba ny karama	82
VI.3.1.1	Fanomezan-karama ireo mpiasam-panjakana sy mpiasam-panjakana tsy tena raikitra	82
VI.3.1.2	Fanomezan-karama ireo mpiasa fehezin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa	83
VI.3.1.3	Ny taratasin-karama	85
VI.3.2	Rafi-pitsipika momba ny tambin-karama	86
VII	**FITANTANANA IREO FANANAN'NY KAOMININA**	89
VII.1	TANIM-PANJAKANA TSY AZO AMIDY SY TANIM-PANJAKANA AZO AMIDY	89
VII.1.1	Tanim-panjakana tsy azo amidy	89
VII.1.2	Tanim-panjakana azo amidy	90
VII.2	PAIKADY FANOKANANA NA FANESORAM-PANOKANANA	90
VII.3	PAIKADY FANAKILASIANA SY FANESORAM-PANAKILASIANA	90
VII.4	FAMINDRAM-PITANTANANA	91
VII.5	NY FANOKANANA HO AN'OLON-TSOTRA NY TANIM-PANJAKANA TSY AZO AMIDY	91
VII.6	FOMBA FITANTANANA NY TANIM-PANJAKANA AZO AMIDY	93
VIII	**FITANTANANA IREO RAHARAHAM-PANJAKANA IFOTONY**	97
VIII.1	FITONDRAN-DRAHARAHA	97
VIII.1.1	Fitondran-draharaha mivantana	97
VIII.1.2	Fitondran-draharaha mahaleotena	98
VIII.2	NY FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA EO AMIN'NY FANJAKANA SY NY TSY MIANKINA	98
IX	**IREO RAHARAHAM-PANJAKANA HEFAIN'NY KAOMININA**	101
IX.1	RAHARAHA ARA-PANJAKANA	101
IX.1.1	Fanamarinan-tsonia sy fanamarinana araka ny lalàna	101
IX.1.2	Fanomezan-dàlana handevina sy hanao famadihana	103
X	**NY FITANDROANA NY FILAMINANA ARA-PITONDRANA**	107
X.1	FITANDROANA NY FILAMINANA ARA-PITONDRANA	107
X.1.1	Ny Ben'ny Tanàna, manam-pahefana miadidy ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana	107
X.1.2	Ireo sampan-draharahan'ny polisy monisipaly sy kaominaly	108
X.1.3	Andraikitry ny Ben'ny Tanàna mikasika ny filaminana, ny fahatoniana sy ny fahasalamam-bahoaka	108
X.1.4	Fitandroana ny filaminana mikasika ireo làlana	108
X.1.5	Ny famaizana ireo fandikan-dalàna	109
XI	**FISOLOANTENAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY KAOMININA**	111

Sasin-teny

Tafiditra anatin'ireo laharampahamehan'ny Governemanta malagasy ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitantanana ifotony. Izany dia vokatry ny fampiharana ny Pôlitika ankapoben'ny Fanjakana voatsinjara anatin'ny Paikady natao Din'asa (PND), izay mikendry ny hanangana *"Madagasikara, Firenena moderna sy mandroso"*. Isan'ireo fanamby lehibe hotratrarina amin'izany ny hanomezana ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjarama-pahefana ireo tantsoroka ilaina ho fanamafisana ny fahaleovan-tenan'izy ireo ara-pitantanan-draharaha sy ara-bola, amin'ny andaniny, sy ny hahafahan'izy ireo hahatontosa tsy misy tomika ireo iraka mifandraika amin'ny fampandrosoana ifotony, amin'ny ankilany.

Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nifantoka hatramin'ny taona 2014 ny amin'ny fanavaozana sy ny fanamafisana ireo rijan-tenin-dalàna mikasika ny fanapariaham-pitondrana sy ny fitsinjaram-pahefana. Ho fanamorana ny fampiharana izany, ireo didy aman-dalàna vaovao dia nadika ho paikady tsotra sy mifanaraka amin'ireo fepetra momba ny fomba fiasan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana malagasy. Ho famaliana izany filàna izany no nahatonga ny Fandaharan'asa Fanavaozana ho amin'ny Fahombiazan'ny Fitondran-draharaham-panjakana (PREA) sy ny Ministeran'ny atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana handray an-tànana ny famolavolana ny torolàlana momba ny paikady ara-pitantanan-draharaha natao ho an'ireo Kaominina, Faritra ary Faritany.

Izao torolàlana momba ny paikady ara-pitantanan-draharaha ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izao, izay notontosaina mifanaraka amin'ireo fepetra entin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery, dia fitaovana hoenti-miasa izay mikendry nindrindra ny :

- hanomezana toromarika sy fanazavana mikasika ny fitantanan-draharahan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- hanamafisana ny fahombiazana sy ny fahitsian'ny fitantanam-draharahan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba hanatsarana ny kalitaon'ireo raharaham-panjakana ary ;
- hanamafisana ny Tany tan-dalàna, ny fahaiza-mitantana sy ny fangaraharana amin'ny fitantanana ireo raharaha ifotony.

Tiana ny manoritra fa izao torolàlana izao dia mbola azo anaovam-panavaozana arakaraky ny fivoaran'ny tontolon-dalàna sy didy amam-pitsipika.

Etoana dia toloram-pisaorana feno ny Vondrona Eropeana, avy amin'ny Fandaharan'asa *Ny Fanjakana ho an'ny Daholobe (NFD)*, noho ny tolo-tànana ara-teknika nataony ary koa ny Fiaraha-miasa Alemà noho ny fanapariahana ireo torolàlana ireo.

Eto am-pamaranana dia manainga ireo mpikambana ao amin'ny Rafitra mpanatanteraka sy ny Filankevitr'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo Solontenam-panjakana ary koa ireo Mpitsara ao amin'ny Fitsarana miadidy ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mba handalina ny vontoatin'ny torolàlana ary hampihatra izany antsakany sy andavany mba hanatsarana ny fanolorana ireo raharaha fototra andrasan'ny mponina ary koa ilaina ho fampandrosoana ny firenentsika.

Le Président du Conseil d'Orientation
et de Suivi du PREA

RALALA Roger

Le Ministre de l'Intérieur et de la
Décentralisation

RAZAFIMAHEFA Tianarivelo

TOKO

I

Ireo tandrifim-pahefan'ny Kaominina

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 141 andàlana farany sy 149 amin'ny Lalàmpanorenana ; Andininy 14, 26 sy ny manaraka amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 2 hatramin'ny 43 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015.

Araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 149 amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy 26 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, *ireo Kaominina dia mandray anjara amin'ny* fampandrosoana ara-toe-karena, ara-tsosialy, ara-kolotsaina sy momba ny tontolo iainana ao anatin'ny fari-piadidiam-paritra misy azy ireo. Ny fanomezana ireo tandrifim-pahefana dia manome alàlana ny Kaominina handray sora-draharaha fitantanana sy didy amam-pitsipika momba ireo sahan'asa voakasika.

Ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ampian'ny fanjakana no mitandro indrindra ny filaminam-bahoaka, ny fiarovana ny fiaraha-monina, ny fitantanan-draharaha, ny fanajariana ny tany, ny fampandrosoana ara-toe-karena, ny fiarovana ny tontolo iainana ary ny fanatsarana ny fari-piainana (andininy 141 amin'ny Lalàmpanorenana, andininy 14 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014).

Tandrify ny fahefan'ireo Kaominina ireto sehatr'asa manaraka ireto :

LAH°	TANDRIFIM-PAHEFANA	RIJAN-TENY FITSIAHY
01	Mamaha ireo raharaha ara-pitantanan-draharaha sy ara-pitantanam-bolan'ny Kaominina	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
02	Mamolavola ny teti-pivoarana ho fampandrosoana ny Kaominina	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
03	Mandrafitra ny drafi-panajariana ny Kaominina sy ny fitantanana ny fampiasan-tany	Andininy 31 amin'ny lalàna laharana faha-2015-051 tamin'ny 3 febroary 2016 ; Andininy 28 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
04	Manome ireo fanomezam-pahefana momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe	Lalàna laharana faha-2015-052 tamin'ny 3 febroary 2016
05	Manatanteraka sy mitantana ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana mampidi-bola : toerana malalaka falehan'ny besinimaro sy tsena, tsenan'omby, fihantsonan'ny fiara fitaterana, toerana famonoam-biby, toerana fampilalaovana ny ankizy, fihantsonan'ny fiara, toerana maitso	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014; Andininy 29 amin'ny lalàna laharana faha-2015-051 tamin'ny 3 febroary 2016
06	Mitantana ny fari-pananan'ny Kaominina : tanim-panjakana tsy azo amidy, tanim-panjakana azo amidy, fanana-mifaka sy fanana-manaraka ary fitandroana ny tanim-panjakana tsy azo amidy	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 36 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 12 hatramin'ny 18 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008

LAHº	TANDRIFIM-PAHEFANA	RIJAN-TENY FITSIAHY
07	Mitantana ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana miompana amin'ny sosialy, ny fanabeazana, ny kolo-tsaina, ny fanatanjahan-tena, sy ny fahasalamana : akanin-jaza, sekoly fanabeazana fototra, sekoly ambaratonga faharoa, tobim-pahasalamana ifotony	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
08	Mitantana ny famatsian-drano, ny fanadiovana, ny fidiovana	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 6, 8,10, 12, 19, 20 amin'ny lalàna laharana faha-95-035 tamin'ny 3 oktobra 1995 ; Andininy 21 et 42 amin'ny lalàna laharana faha-98-029 tamin'ny 20 janoary 1999
09	Manatontosa sy mitantana ireo làlana, làlan-kely mampifandray, tetezana, baka ho an'ny tombontsoan'ny Kaominina	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 29 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
10	Mitantana ny fanangonana sy ny fikarakarana ireo fako avy any an-tokantrano	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 29 amin'ny lalàna laharana faha-2015-051 tamin'ny 3 febroary 2016
11	Manatontosa sy mitantana ireo vala sy sehatra fialam-boly	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
12	Mitantana ireo mpiasan'ny Kaominina	Andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
13	Mitantana ny tetibolan'ny Kaominina	Andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
14	Mamaritra ireo fandaharan'asa momba ny toeram-ponenana sy mitantana ireo trano fonenana ara-tsosialy	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
15	Miantoka ny fampiroboroboana ny fizahan-tany eny ifotony	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
16	Miaro, manome lanja sy mitantana ny tontolo iainana sy ireo loharanon-karena voajanahary	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Lalàna laharana faha-97-017 tamin'ny 8 aogositra 1997 ; Lalàna laharana faha-96-025 tamin'ny 30 septambra 1996
17	Misoroka sy miady amin'ny dorotanety sy ny fanimbana ny ala anatin'ny Kaominina	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
18	Miantoka ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 50 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 Andininy 37 sy 42 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
19	Miantoka ny firindran'ny fifamoivoizana	Andininy 38 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 ; Andininy 43 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
20	Mandamina ny ady amin'ny haintrano	Andininy 9 amin'ny lalàna laharana faha-2015-011 tamin'ny 1 aprily 2015
21	Manaramaso ny famonoam-biby, nyfitaterana sy ny fivarotana hena ary mitantana ny famonoam-bibin'ny Kaominina	Andininy 2 amin'ny didim-panjakana laharana faha-72-072 tamin'ny 28 martsa 1972 ; Didim-pitondrana iombonan'ny ministera laharana faha-24 657/2004 tamin'ny 23 desambra 2004
22	Manatontosa ireo asa sosialy ho an'ireo olona manana fahesembanana sy sahirana ara-pivelomana	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014

LAH°	TANDRIFIM-PAHEFANA	RIJAN-TENY FITSIAHY
23	Miantoka ny famporoboroboana ny kolotsaina mampiavaka	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ;
24	Misoroka ireo loza mety hitranga sy ny antambo	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 42 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
25	Miantoka ny fitantanana ny fananan-tany itsinjaram-pahefana	Andininy 29 sy 30 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 ; Lalàna laharana faha-2006-031 tamin'ny 24 novambra 2006 ; Didim-panjakana laharana faha-2007-1109 tamin'ny 18 desambra 2007
26	Mirakitra an-tsoratra ireo tranga momba ny sora-piankohonana	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
27	Manatanteraka ny fanisam-bahoaka	Andininy 28 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014
28	Manome ireo taratasy fanamarinana ara-panjakana : taratasy fanamarinana ny toeram-ponenana, ny fahavelomana, ny mahatokan-tena, sy ny fanamarinan-tsonia araka ny fanjakana	Andininy 32 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
29	Manome ny fanomezam-pahefana hitrandraka volamena sy hanokatra famakiam-bato	Didim-panjakana laharana faha-2006-910 tamin'ny 19 desambra 2006 ; Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999

TSARA HOMARIHINA : Ilaina ny mijery ireo takila isan-tsokajiny momba ny tandrifim-pahefana anatin'ny amboaran-dalàna ifehezana ireo tandrifim-pahefan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny Fisoloan-tenam-panjakana.

TSARA HO TADIDY

Feran'ny lalàna araka ny fitsinjaran'ireo tombontsoam-pirenena sy tombontsoa ifotony ireo tandrifim-pahefan'ny Kaominina.

TOKO

II

Ireo rafitry ny Kaominina

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 151 amin'ny Lalàmpanorenana ; Andininy 35 sy ny manaraka amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-008 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Andininy 72 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ireto avy ireo rafitry ny Kaominina :

- ny rafitra mpanapa-kevitra :
  - Filankevitra monisipaly ho an'ireo Kaominina ambonivohitra ;
  - Filankevitra kaominaly ho an'ireo Kaominina ambanivohitra.
- ny rafitra mpanatanteraka : ny Ben'ny Tanàna ho an'ireo Kaominina ambonivohitra sy ambanivohitra.

II.1 | RAFITRA MPANAPA-KEVITRA

II.1.1 Ireo anjara raharahan'ny Filankevitra

Ny Filankevitra no manapa-kevitra amin'ireto sahan'asa manaraka ireto :

- ny tetibola sy ny kaontim-panjakana ;
- ny fananganana ireo sampan-draharaha, vondrona sy orin-draharaha ifotony ;
- ny rindran-damina momba ireo sampan-draharahan'ny Kaominina ;
- ny fividianana, famindrana amin'ny olon-kafa sy fametrahana ho antoka ny fananan'ny Kaominina, ny fanorenana na fanafoanana ny zo ananana amin'ny fanana-mifaka, ny fizarana ireo fanana-mifaka iarahan'ny Kaominina manana amin'olon-kafa ka tsy azo saratsarahana ;
- ny fiantohana ireo fanaka sy trano ;
- ireo fepetra mikasika ny fampanofan-tany voafetra na trano mihofa ;
- ireo fisamboram-bola ;
- ireo tetikasa fanorenana na famerenam-panorenana, ireo fanamboarana goavana na fandravana ireo fanana-mifakan'ny Kaominina ;
- ny fanokafana na fanovàna ireo làlana sy arabe samihafa, ireo drafitra mikasika ny soritra atao fetran-dàlana ;
- ny fanekena handray fanomezana na tolotra ;
- ny famonoana ny fanoratana tany atao antoka sy ny fialàna amin'ireo fombafomba fanafahana amin'ny antoka ;
- ny fanekena hiombona antoka ;
- ny famaritana ireo fombafomba fandraisan'ny Kaominina anjara amin'ireo asa iaraha-manao amin'ireo Kaominina hafa ;
- ny famoizana na fampanofana ireo sampan-draharahan'ny Kaominina ;
- ny fandaminana sy ny fandraisana anjaran'ny Kaominina amin'ny fiarovana sy ny fandriampahaleman'ny tany ;

- ny fanapahan-kevitra mikasika ny fampidirana na ny fanohanana ireo fitoriana eny amin'ny Fitsarana ;
- ny fankatoavana ireo « dinan'asa » ;
- ny famerana ny tahan'ireo hetra sy haba ary koa ny saran'ireo raharaha ;
- ny fidirana anatin'ny fikambanana iarahan'ireo Kaominina miombon'antoka ;
- ny fanaovana fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny Vondrombahoakam-paritra any ivelany.

Ao anatin'ireo sehatr'asa ireo, dia tapahana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra ny fanapahan-kevitra.

II.1.2 Fandaminana sy fomba fiasa

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 73 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

II.1.2.1 Isan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 307 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Feran'ny andininy 307 amin'ny lalàna la harana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ny isan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra :

KAOMININA	ISAN'IREO MPANOLO-TSAINA	MASON-TSIVANA
Kaominina ambonivohitra	09	Isan'ny mponina latsaky ny 50.000
	11	Isan'ny mponina eo anelanelan'ny 50.001 sy 80.000
	13	Isan'ny mponina eo anelanelan'ny 80.001 sy 120.000
	15	Isan'ny mponina eo anelanelan'ny 120.001 sy 250.000
	19	Isan'ny mponina mihoatra ny 250.000
Kaominina ambanivohitra	05	Isan'ny mponina latsaka na mitovy amin'ny 10.000
	07	Isan'ny mponina mihoatra ny 10.000

II.1.2.2 Firafitry ny biraon'ny Filankevitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 77 andàlana 2 sy 79 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny Biraon'ny Filankevitra dia ahitàna :

- ny Filohan'ny Filankevitra ;
- ny Filoha Lefitry ny Filankevitra izay misolo toerana ny Filoha amin'ny fotoana tsy maha-eo an-toerana na tsy ahafahany ;
- ireo mpampaka-teny roa.

Amin'ny fotoam-pivoriana voalohany indrindra, ny Filoha, ny Filoha Lefitra sy ireo mpampaka-teny roa dia fidina, ho amin'ny fotoam-piasana manontolo, avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra, amin'ny alàlan'ny latsabato amin'ny anaran'olon-tokana indroa mihodina ary atao latsabato misaraka.

Ambara ho lany amin'ny fihodinana voalohany ny mpilatsa-kofidina nahazo ny antsasamanilan'ny vato. Raha tsy tanteraka izany, dia miroso amin'ny fihodinana faharoa izay andraisan'ireo mpilatsa-kofidina roa nitarika tamin'ny fihodinana voalohany ka ambara ho lany ny mpilatsa-kofidina nahazo vato be indrindra.

Raha mitovy ny isam-bato, dia ny mpilatsa-kofidina zokiny aman-taona no ambara ho lany.

II.1.2.3 Lisitra momba ny fiamboniana araka ny arofenitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 94 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Noho ireo fepetra entin'ny andininy 94 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, dia tsy maintsy arafitra ny lisitra momba ny fiamboniana araka ny arofenitra.

Noho izany, dia toy izao manaraka izao ny fiamboniana araka ny arofenitra :

1. ny Filohan'ny Filankevitra ;
2. ny Filoha Lefitry ny Filankevitra ;
3. ireo mpampaka-teny ;
4. ireo mpikambana hafa arakaraka ny sokajin-taona.

Rehefa vita rafitra izany lisitra izany dia alefa amin'ny alàlan'ny taratasy amin'ny Ben'ny Tanàna mba hampitaina amin'ny *Préfet de Police*, ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika, araka ny zava-misy.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny Lehiben'ny Mpanatanteraky ny Kaominina no hany tokana afaka manoratra amin'ny fomba ofisialy amin'ireo vondrona hafa, na amin'ny fifandraisana eo amin'ny samy Vondrombahoakam-paritra na ara-panjakana.

Ho an'ny tranga voakasika etoana, ny lisitry ny fiamboniana araka ny arofenitra dia avantana amin'ny Ben'ny Tanàna mba hampitaina amin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana.

MAODELIN'NY TARATASY FAMPITÀNA NY LISITRY NY FIAMBONIANA ARAKA NY AROFENITRA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....
N°.....

[Toeran'ny Kaominina], ny .....

Ny Filohan'ny Filankevitra
ho an'
Andriamatoa/Ramatoa Ben'ny Tanàna
ao amin'ny Kominina ambanivohitra .....

Antony : Lisitry ny fiamboniana araka ny arofenitra

Andriamatoa/Ramatoa .....,
Ho fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy 94 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy, dia voninahitra ho ahy ny mampita aminao manaraka izao ny lisitry ny fiamboniana araka ny arofenitra eo anivon'ny Filankevitry ny Kaominina :

1. Andriamatoa/Ramatoa ....., Filoha ;
2. Andriamatoa/Ramatoa ....., Filoha Lefitra ;
3. Andriamatoa/Ramatoa .....,Mpampaka-teny voalohany ;
4. Andriamatoa/Ramatoa ....., Mpampaka-teny faharoa ;
5. Andriamatoa/Ramatoa ....., Mpikambana ;
6. Andriamatoa/Ramatoa ....., Mpikambana ;
7. Andriamatoa/Ramatoa ....., Mpikambana.

Ny lalàna dia mametra fa izao lisitra izao dia apetraka ao amin'ny biraon'ny Kaominina ary azon'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra jerena amin'ny fotoana rehetra.
Miangavy anao ny tenako mba hampita izany amin'ny Solontenam-panjakana.

Ny Filoha,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

II.1.2.4 Ireo fotoam-pivorian'ny Filankevitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 74 hatramin'ny 83 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

II.1.2.4.1 Fehin-kevitra

Ny filankevitra dia voriana indroa isan-taona amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana :

- ny fotoam-pivoriana voalohany dia atokana ho an'ny fanolorana ny tatitry ny Ben'ny Tanàna momba ny zava-misy eo amin'ny Kaominina sy ireo asa tontosa, ny fanatanterahana ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra, ny fankatoavana ny kaontim-panjakana sy ny tetibola fanampiny. Tanterahina mandritra ny telo volana voalohany izany ;
- ny fotoam-pivoriana faharoa, atokana ho an'ny fankatoavana ny tetibola fiandohana, dia tanterahina mandritra ny tapa-bolana faharoa amin'ny volana aogositra.

Rehefa mitaky izany ny toe-draharahan'ny Kaominina, dia afaka mivory tsy ara-potoana ny Filankevitra noho ny fangatahan'ny Ben'ny Tanàna, ny antsasamanilan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra na ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana. Tsy afaka mihoatra ny indray mandeha isam-bolana ireo fivoriana tsy ara-potoana.

II.1.2.4.2 Faharetan'ny fotoam-pivoriana

Ferana ho folo (10) andro farafahabetsany ny faharetan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana kanefa azo itarina hatramin'ny dimy ambiny folo (15) andro izany ho an'ny fotoam-pivoriana natokana ho an'ny tetibola. Ferana ho telo (3) andro isaky ny fivoriana ny faharetan'ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana dia faritana arakaraka ny isa sy ny maha-zava-dehibe ireo raharaha anatin'ny lahadinika. Tokony ho fohy araka izay tratra ny fotoam-pivoriana mba ahafahana mitazona ny fetr'isa ilaina mandritra ny fotoam-paharetan'ny fivoriana sy mba hahafaha-mampivady ny fandraisana ajara ao amin'ny Filankevitra amin'ny asa aman-draharaha.

Tsy azo tanterahina ny fotoam-pivorian'ny Filankevitra raha toa ka tsy manatrika ny antsasamanilan'ireo mpikambana. Raha toa ka tsy tratra izany antsasamanilan'ireo mpikambana izany, dia ampiatoana ny fotoam-pivoriana ary ampanantsoina amin'ny vaninandro aoriana.

II.1.2.5 Fanaikàna ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 85 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

II.1.2.5.1 Fehin-kevitra

Antsoin'ny Filoha amin'ny alàlan'ny taratasy fampiantsoana farafahakeliny folo andro mialoha ny fotoam-pivoriana ara-potoana ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra. Azo afohezina izany fepotoana izany ka tsy atao latsaky ny iray andro feno ho an'ireo fotoam-pivoriana tsy ara-potoana.

Ampiarahina amin'ny fanaikàna an-tsoratra ny lahadinika, ny naoty famintinana ireo raharaha ilaina fandraisana fanapahan-kevitra ary koa ireo volavolam-panapahana.

Tondroina anatin'ny rejisitry ny fanapahana ny fanaikàna ary ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alàlan'ny peta-drindrina eo amin'ny foiben-toeran'ny Kaominina.

Raha toa ka, taorian'ny fanaikàna voalohany natao araka ny fitsipika, tsy tratra ny fetr'isan'ny antsasamanilan'ireo mpikambana, dia alefa ny fanaikàna fanindroany ka atao anatin'ny telo andro farafahakeliny ny fepotoana fanaikàna.

Amin'ny fanaikàna faharoa, dia afaka manapa-kevitra hatrany ny Filankevitra na dia tsy feno aza ny fetr'isan'ny antsasamanilan'ireo mpikambana.

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 25 sy 78 adàlana faharoa amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Feran'ny Filohan'ny Filankevitra ny lahadinika araka ny soso-kevitry ny Ben'ny Tanàna.

TSARA HO TADIDY

Faritana mazava ny lahadinika ka ireo adihevitra dia tsy tokony hivoana amin'ireo teboka voasoratra anatin'ny lahadinika. Ireo volavolam-panapahana dia tsy maintsy atolotry ny Filohan'ny Filankevitra amin'ny Ben'ny Tanàna ary atovana amin'ny lahadinika.

MAODELIN'NY TARATASY FANAIKÀNA HO AMIN'NY FOTOAM-PIVORIAN'NY FILANKEVITRA

FARITRA .....
KAOMININA AMBANIVOHITRA .....
N°.....

[Toeran'ny Kaominina], ny ……..

Ny Filohan'nyFilankevitra
ho an'
ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Filankevitry
ny Kaominina ambanivohitra ……..
- [Adiresin'ny tsirairay] -

Antony : Fanaikàna ho amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filankevitra

Ho fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy 85 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, dia voninahitra ho ahy ny manasa anao hanatrika ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filankevitra izay hatao ny ……. hatramin'ny …….. ao amin'ny efitrano fivorian'ny Filankevitra.

Ny lahadiniky ny fotoam-pivoriana dia mikasika ireto teboka manaraka ireto :

1. *Fanolorana ny tatitry ny Ben'ny Tanàna mikasika ny zava-misy ao amin'ny Kaominina sy ireo asa tontosa ;*
2. *Tatitra momba ny fanatanterahana ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra ;*
3. *Fankatoavana ny kaontim-panjakana.*
4. ……

Atolotra anatin'ny naoty famintinana ampiarahina amin'izao taratasy izao ireo raharaha ilaina andraisan'ny Filankevitra fanapahana.

Miangavy anao aho mba hamerina amiko mialoha ny ……. ny tapakila fanamarinam-paharaisana izao taratasy fanaikàna izao ary, raha toa ka misy ny tsy fahafahanao manatrika ny fotoam-pivoriana ka irinao ny hanome fahefana mpikambana iray hafa mba hifidy amin'ny anaranao, dia averina sy fenoina tsara ihany koa ny tapakila fanomezam-pahefana atovana amin'izao taratasy izao.

Ny Filoha,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Dika mitovy ho an'ny :
Andriamatoa/Ramatoa ……. *[Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana*]

«Ho fampahafantarana»

MAODELIN'NY TAPAKILA FANAMARINAM-PAHARAISANA NY TARATASY FANAIKÀNA HO AMIN'NY FIVORIAN'NY FILANKEVITRA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA AMBANIVOHITRA .....

TAPAKILA FANAMARINAM-PAHARAISANA

Izaho izay manao sonia etsy ambany, ..., dia manamarina fa naharay ny taratasy fanaikàna ho amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filankevitra izay hatao ny ..... hatramin'ny .....

[Sonia]

MAODELIN'NY TAPAKILA FANOMEZAM-PAHEFANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA AMBANIVOHITRA .....

FANOMEZAM-PAHEFANA

Izaho izay manao sonia etsy ambany, ..., dia manome fahefana an'Andriamatoa/ Ramatoa ....., hisolo tena ahy ary hifidy amin'ny toerako mandritra ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Filankevitra izay hatao ny ..... hatramin'ny .....

[Fanondroana ny Kaominina na ny toeram-ponenana], ny .....

[Sonia]

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 76 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny fivoriana voalohany ataon'ny Filankevitra ao aorian'ny fanavaozana ankapobe ireo mpikambana ao aminy dia antsoin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana, ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika, ao anatin'ny herinandro manaraka ny fanambaran'ny Fitsarana miadidy ny fifanolanana amin'ny Fanjakana amin'ny fomba ofisialy ireo voka-pifidinana.

Amin'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana voalohany ary mandram-pandrain'ireo mpikambana ao amin'ny birao ny asan'izy ireo, ny Filankevitra dia tarihin'ny zokiolona ary ny mpikambana zandriny indrindra no miantoka ny fitànana an-tsoratra.

II.1.2.6 Ireo vaomiera

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 100 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2017

Ireo vaomiera no manomana ireo asa sy adihevitra ataon'ny Filankevitra.Raha toa ka ilaina izany dia azon'izy ireo atao ny mampiantso ireo olona rehetra heveriny fa tokony handray anjara amin'ireo asa, kanefa ho fakan-kevitra fotsiny ihany izany.

Ireo volavolam-panapahana dia atolotra amin'ny Filankevitra miaraka amin'ny fanehoan-kevitry ny vaomiera mahefa.

Ny mpikambana tsirairay dia tsy maintsy miditra anatin'ny vaomiera iray farafahakeliny.

Ny Vaomiera tsirairay dia ahitàna :

- Filoha iray ;
- Filoha Lefitra iray ;
- Mpampaka-teny iray ;
- Mpikambana.

Fidin'ny Filankevitra ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera. Ny Filoha, Filoha Lefitra sy ny Mpampaka-teny dia fidina avy amin'ny sy fidin'ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera tsirairay.

Arakaraka ireo sehatr'asa tandrify azy, dia hadihadian'ireo vaomiera ireo volavolam-panapahana, ireo tatitry ny Mpanatanteraka ary koa ireo fitarainana alefan'ireo olom-pirenena any amin'ny Filohan'ny Filankevitra.

Ny Fitsipika anatin'ny Filankevitra no mametra :

- ny tandrifim-pahefan'ny vaomiera tsirairay ;
- ny isan'ireo mpikambana ;
- ny fomba fanendrena ireo mpikambana ;
- ny fitsipika mifehy ny fomba fiasan'ireo vaomiera.

Miankina amin'ny habetsahan'ny asa ny isan'ireo mpikambana (mifandanja amin'ny ankapobeny amin'ny habetsahan'ny tetibola). Noho ny fampiharana ny tetibola mifandraika amin'ny fandaharan'asa, dia mety ny mametraka vaomiera iray farafahakeliny isaky ny fandaharan'asa tsirairay ary raha toa ka misy izany dia vaomiera maromaro ho an'ireo fandaharan'asa izay manana asa samihafa. Ireo Kaominina dia tokony manangana farafaharatsiny vaomiera momba ny fitantanan-draharaha sy ara-bola ary vaomiera momba ireo asa fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy (Jereo torolàlana momba ny paikady ara-tetibola).

Ny fananganana ny vaomiera ho an'ireo Kaominina ambanivohitra, ho fanamoran-javatra, dia atao arakaraka ny filàn'ny fotoana sy ny isa voafetran'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra.

II.1.2.7 Fanatanterahana ireo fivorian'ny Filankevitra

Atao amin'ny fotoana sy ny toerana voatondro anatin'ny taratasy fanaikàna ireo mpikambana ny fivorian'ny Filankevitra. Ny Filohan'ny Filankevitra no mitarika ny adihevitra ary miantoka ny filaminan'ny fivoriana araka ireo fepetra voalazan'ny fitsipika anatin'ny Filankevitra. Azony atao ny mangataka raha toa ka ilaina izany ny tolo-tànana sy fanampian'ireo mpitandro filaminana.

Ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy mandray anjara amin'ireo asa sy adihevitry ny Filankevitra, ka izany dia ho filan-kevitra fotsiny ihany. Raketina anaty fitànana an-tsoratra ny fivoriana ireo fandraisam-pitenenany.Tsy maintsy misintaka anefa izy amin'ny fotoana andraisana ireo fanapahana.

Azo faranana mialoha ny fetra ny fotoam-pivoriana raha toa ka tapitra ny lahadinika.

II.1.2.8 Fitànana an-tsoratra ireo fivoriana

Soratan'ireo mpampaka-teny miaraka amin'ny mpiasan'ny Kaominina iray raha toa ka ilaina izany ireo fitànana an-tsoratra ny fivorian'ny Filankevitra. Ireo fitànana an-tsoratra dia ahitàna :

1. ny vaninandro nanaovana ny fivoriana ;
2. ny vaninandro nanaovana ny fanaikàna ny Filankevitra ;
3. ny isan'ireo mpikambana nanatrika ;
4. ny isan'ireo mpikambana tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny sy tsy nahatonga fialan-tsiny ary ireo mpikambana nanao fanomezam-pahefana ;

5. ny isan'ireo mpifidy sy ny vokatry ny latsabato ho an'ny fanapahana tsirairay ;
6. ny fizotran'ireo adihevitra ;
7. ireo zavatra namoa-tsampona nitranga sy ireo hevitra natosaka mandritra ny fivoriana ;
8. ny vontoatin'ireo fanapahana manontolo ;
9. ireo faniriana sy fanehoan-kevitra nankatoavin'ny Filankevitra.

Ireo fitànana an-tsoratra dia tehirizina araka ny laharana mifanjohy anatin'ny rejisitra na fanakilasiana antontan-taratasy ka ireo pejy dia voaisa sy vita rangopohin'ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika mahefa eo an-toerana, araka ny zavamisy. Ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alàlan'ny peta-drindrina ao amin'ny foiben-toeran'ny Kaominina ireo fitànana an-tsoratra.

Ireo fitànana an-tsoratra dia apetraka hankatoavin'ny Filankevitra amin'ny teboka voalohan'ny lahadiniky ny fivoriana manaraka ary soniavin'ireo mpikambana manatrika.

Tehirizin'ny Filohan'ny Filankevitra ireo fitànana an-tsoratra ny fivoriana.

TSARA HO TADIDY

Tsy tokony hafangaro amin'ny rejisitr'ireo fanapahana ny rejisitr'ireo fitànana an-tsoratra.

II.1.2.9 Fombafomba fankatoavana sy fifidianana ireo fanapahana

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 86 hatramin'ny 93 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ireo fanapahana dia raisin'ny maro an'isa amin'ireo mpikambana tonga nivory na voasolo tena. Raha misy ny fizarazaram-bato, afa-tsy amin'ny latsabato miafina, dia ny an'ny Filoha no mavesa-danja.

Ny zon'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra handatsa-bato dia ho an'ny isam-batan'olona. Na dia izany aza anefa, ny mpanolo-tsaina iray dia afaka manome fahefana ny mpikambana iray hafa hifidy amin'ny anarany amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahefana vita an-tsoratra. Tsy afaka mandray fanomezam-pahefana mihoatra ny iray ny mpikambana iray.

Raha ny tokony ho izy dia amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana ampahibemaso no anatanterahana ny fifidianana. Na dia izany aza anefa, dia tsy maintsy miafina ny latsabato :

- raha toa ka takian'ny ampahefatr'ireo mpikambana izany ;
- raha toa ka hanao fanendrena na fisoloan-tena. Amin'izany, raha toa ka tsy nisy mpikambana na dia iray aza nahazo ny antsasamanila taorian'ny fifidianana miafina indroa miantoana, dia tanterahina ny fihodinana fahatelo ary izay mahazo vato be indrindra no ambara ho lany (izany fomba fifidianana izany dia tsy azo tanterahina amin'ny fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny birao. Jereo 2.1.2.2. Firafitry ny biraon'ny Filankevitra). Raha misy fitovian'ny isam-bato azo, dia ny mpilatsa-kofidina zokiny indrindra no lany.

Asian-daharana amin'ny filaharana mifanjohy araka ny nankatoavana azy ireo fanapahana. Ny laharana dia ahitàna laharana manomboka amin'ny 1 ho an'ny fanapahana voalohany tamin'ny taona arahan'ny taona nankatoavana izay ahitàna tsipika mitsivalana fanasarahana eo anoloany (ohatra : 001/2017).

Ireo fanapahana dia ampitaina amin'ny Ben'ny Tanàna mba halefa amin'ny Solontenam-panjakana sy hotanterahina. Kilasian'ny Ben'ny Tanàna araka ny laharana mifanjohy nankatoavana azy ireo fanapahana ary tondroina amin'ny fanapahana ny vaninandro nampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana, ny vaninandro nanaovana peta-drindrina na nanaovana ny fampahafantarana. Kilasian'ny Ben'ny Tanàna miaraka amin'ny fanapahana ny fanamarinam-pandraisana ny taratasy izay nataon'ny Solontenam-panjakana. Ny toetra mampanankery ny fanapahana dia azo avy amin'ny fampahafantarana ny besinimaro na ny fampahafantarana ireo voakasika sy ny faharaisan'ny Solontenam-panjakana.

Ireo laharana, daty sy anton'ireo fanapahana dia raketina an-tsoratra ihany koa anatin'ny rejisitra voaisa sy vita rangopohin'ny Solontenam-panjakana.

II.1.2.10 Fandroahana mpikambana iray

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 95 sy 110 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

II.1.2.10.1 Fehin-kevitra

Aorian'ny fanasana azy hitondra ny fanazavany, dia azo roahina tsy ho mpikambana ho amin'ny fepotoana ambiny amin'ny fotoam-piasany, ny mpikambana rehetra ao amin'ny Filankevitra, izay tsy nandray anjara mandritra ny fotoam-pivoriana in-telo misesy kanefa tsy misy antony mari-pototra hitan'ny Filankevitra.

II.1.2.10.2 Fombafomba fampiharana

Tsy maintsy arahana ireto dingana manaraka ireto :

1. Tsy fanatrehana in-telo misesy ny fotoam-pivoriana, na dia teo aza ny faharaisana ny fanaikàna izay voamarin'ny tapakila fanamarinam-paharaisana vita sonian'ny nandefasana, ary voamarina tanatin'ireo fitànana an-tsoratra ny fivoriana ;
2. Taratasy ofisialy miaraka amin'ny fanamarinam-paharaisana alefan'ny Filohan'ny Filankevitra amin'ny mpikambana voakasika mangataka azy hitondra fanazavana mikasika ireo fahabangana miverimberina ;
3. Raha toa ka tsy nisy valin-teny na fanamarinana ampy, dia azon'ny Filankevitra atao ny mangataka ny fandroahana ny mpikambana voakasika amin'ny alàlan'ny fanapahana omban'antony izay milaza ireo fahabangana tsapa, ireo dingana nolalovan'ny Filohan'ny Filankevitra ary ireo valin-teny natolotry ny voakasika ;
4. Fampitàn'ny Filohan'ny Filankevitra ny fanapahana amin'ny Ben'ny Tanàna ;
5. Fampitan'ny Ben'ny Tanàna ny fanapahana amin'ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika, araka ny zava-misy ;
6. Fandraisana avy hatrany ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mahefa izay hefain'ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika, araka ny zavamisy, mba hankatoavana ny fahabangan-toerana sy ny fanendrena ny manaraka anatin'ny lisitra mba hamenoana ny toerana banga ;
7. Fampahafantaran'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ny fanapahan-kevitra anamarinana ny fahabangan-toerana sy ny fanendrena ny mpikambana vaovao amin'ny Filohan'ny Filankevitra, ka omena dika mitovy ny Ben'ny Tanàna, ny Ministera miadidy ny Atitany sy ny Ministera miadidy ny Fitsinjaram-pahefana.

II.1.2.11 Fametraham-pialan'ny mpikambana iray ao amin'ny Filankevitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 96 sy 110 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Toy izao manaraka izao ny paikady arahina :

1. Taratasy ataon'ny voakasika amin'ny Filohan'ny Filankevitra ;
2. Fampahafantaran'ny Filohan'ny Filankevitra ny Ben'ny Tanàna momba ny fametraham-pialana ;
3. Fandraisan'ny Ben'ny Tanàna ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika araka ny zavamisy ;
4. Fandraisana avy hatrany ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mahefa ataon'ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika, araka ny zavamisy, mba hankatoavana ny fahabangan-toerana sy ny fanendrena ny manaraka anatin'ny lisitra mba hamenoana ny toerana banga ;
5. Fampahafantaran'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ny fanapahan-kevitra anamarinana ny fahabangan-toerana sy ny fanendrena ny mpikambana vaovao, ka omena dika mitovy ny Ben'ny Tanàna, ny Ministera miadidy ny Atitany sy ny Ministera miadidy ny Fitsinjaram-pahefana.

TSARA HO TADIDY

Tsy ampiharina amin'ireo mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filankevitra ireo fepetra mikasika ny fandroahana sy ny fametraham-pialana voalazan'ireo andininy 95 sy 96 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014.

Araka ireo fepetra entin'ny andininy 111 amin'izany lalàna izany ihany, dia tanterahina ny fifidianana ampahany anatin'ny 120 andro manomboka ny vaninandron'ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ka tsy maintsy feno ireto fepetra telo manaraka ireto :

- tapitra ny lisitra hanaovana ny fanoloana ny mpikambana noroahina na nametra-pialana ;
- banga ny antsasak'ireo toerana ao amin'ny Filan-kevitra farafahakeliny ;
- mbola misy 24 volana ny faharetan'ny fotoam-piasana.

Amin'izany, dia afaka manapaka hatrany ireo mpikambana ambiny, tsy ilaina fetr'isa, ambaram-pivoahan'ny voka-pifidianana ampahany amin'ny fomba ofisialy.

II.1.2.12 Fitsipika anatin'ny Filankevitra

Ny fitsipika anatiny no mamaritra ireo fitsipika mikasika ireo fomba fiasan'ny Filankevitra. Anjaran'ny Filankevitra tsirairay ny mankato amin'ny alàlan'ny fanapahana ny fitsipika anatiny ao anatin'ny telo andro manaraka ny fidirany amperinasa, araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 90 andàlana 2 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014. Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy maintsy hita ao anatin'izany farafahakeliny :

1. ny fandaminana sy ny fomba fiasa ;
2. ireo fomba fifandraisana amin'ny rafitra mpanatanteraka ;
3. ireo vaomiera.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
_____

FARITRA .....
KAOMININA AMBONIVOHITRA/AMBANIVOHITRA .....

FANAPAHANA LAHARANA FAHA-..... /20....
anaovana fitsipika anatin'ny Filankevitra

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : ..... (...)
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : ... (...) :
- Andriamatoa/Ramatoa ..... ;

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : ... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa .....

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny : ... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa.....

Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny : .... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa .....

Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : ... (....)
- Andriamatoa/Ramatoa ..... nomen'Andriamatoa/Ramatoa ..... fahefana.

Ny *[daty atao an-tsoratra]* tamin'ny ..... ora, ny Filankevitra nampanantsoina araka ny taratasin'ny Filohan'ny Filankevitra tamin'ny ....., dia nivory ara-potoana tao amin'ny biraon'ny Kaominina ....., ka izany dia notarihin'Andriamatoa .....

Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna hahafahana manapaka ara-dalàna,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharanafaha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016,mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ..... avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ..... anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Rehefa hita fa ..... *[antonanton'ny fanapahana]* ;

Rehefa nohenoina ny fanehoan-kevitry ny vaomiera ..... *[vaomiera voakasika]*

Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha .....

Ny Filankevitra monisipaly/kaominaly, rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany.- Dia mankato izao fitsipika anatiny izao izay mamaritra ireo fombafomba mikasika :

1. ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny biraon'ny Filankevitra ;
2. ireo fitsipika fanaikàna ny fivorian'ny Filankevitra ;
3. ny fandaminana ireo fivorian'ny Filankevitra ;
4. ny fandaminana ireo latsabato ;
5. ireo fanontaniana am-bava, an-tsoratra sy fangataham-panazavana ;
6. ny fananganana sy ny fomba fiasan'ireo vaomiera.

TOKO VOALOHANY
NY AMIN'NY FANDAMINANA SY NY FOMBA FIASAN'NY BIRAON'NY FILANKEVITRA

Andininy 2 - Ny biraon'ny Filankevitry ny Kaominina ao ..... dia ahitàna :

1. ny Filoha ;

2. ny Filoha Lefitra ;

3. ireo Mpampaka-teny roa.

Andininy 3 - Fidiana misaraka ireo mpikambana ao amin'ny birao, amin'ny latsabato miafina misy fihodinana roa. Ambara ho lany amin'ny fihodinana voalohany ny mpilatsa-kofidina nahazo ny antsasamanilan'ny vato. Raha toa ka tsy nisy nahatratra ny antsasamanila, dia tanterahina ny fihodinana faharoa eo amin'ireo mpilatsa-kofidina roa nahazo vato be indrindra tamin'ny fihodinana voalohany. Amin'ny fihodinana faharoa, dia ambara ho voafidy ny mpilatsa-kofidina nahazo vato be indrindra. Raha mitovy ny isam-bato dia ambara ho lany ny mpilatsa-kofidina zokiny, araka ny voalazan'ny andininy 77 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014.

Andininy 4.-Raha toa ka misy fahabangan-toerana iray na maromaro amin'ireo mpikambana ao amin'ny birao, dia manao fifidianana vaovao mpikambana iray araka ireo fombafomba voalazan'ny andininy teo aloha.

Andininy 5.-Ny biraon'ny Filankevitra dia manana ny foiben-toerany ao amin'ny [Lapan'ny Tanàna].

Andininy 6.-Ny Filohan'ny Filankevitra no mitarika ireo fivorian'ny birao.

Andininy 7.- Ny Filoha Lefitra no misolo toerana ny Filoha amin'ireo asany amin'ny fotoana tsy maha-eo na tsy maha-afaka azy.

Andininy 8.-Ny Mpampaka-teny no miadidy ny fanoratana ireo fitànana an-tsoratra ireo adihevitra ka ampidirina anatin'izany ireo latsabato, ireo zavatra namoa-tsampona nitranga sy ireo hevitra natosaka mandritra ny fivoriana

TOKO II
NY AMIN'IREO FIVORIAN'NY FILANKEVITRA

Andininy 9 - Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Filankevitra, ny fotoam-pivoriana voalohany dia atao mandritra ny telo volana voalohany ary ny faharoa, mandritra ny telo volana faharoa.

Andininy 10 - Ny Filohan'ny Filankevitra dia afaka mampiantso fotoam-pivoriana noho ny fangatahan'ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra na ny Ben'ny Tanàna na ny Solontenam-panjakana. Ny Filoha dia tsy afaka mampiantso fotoam-pivoriana tsy ara-potoana mihoatra ny iray isam-bolana ary ny faharetany dia tsy mihoatra ny telo andro.

Sokajy voalohany
Ny amin'ny fanaikàna ireo mpikambana

Andininy 11 - Ny fanaikana an-tsoratra dia alefan'ny Filoha amin'ny adiresin'ny mpikambana tsirairay farafahakeliny folo andro mialoha ny fivoriana. Tsy maintsy ampiarahina amin'izany ny lahadinika sy ny famintinana ireo raharaha voasoratra anatin'ny lahadinika ary ireo volavolam-panapahana. Na dia izany aza anefa, ny fepotoana fanaikàna ireo mpikambana ho amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana dia azo ahena fa tsy latsaky ny ..... *(tondroina ny isan'ny andro kanefa tsy azo atao latsaky ny iray andro)* katroka.

Tsy maintsy ampitain'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra amin'ny sekretarian'ny Filankevitra ny adiresy izay andefasana ny taratasy fanaikàna. Tsy maintsy tafiditra anatin'ny faritry ny Kaominina ny adiresy.

Andininy 12 - Tsy afaka manapa-kevitra araka ny lalàna ny Filankevitra raha toa ka tsy eo anatrehan'ny antsasak'ireo mpikambana ao aminy farafahakeliny. Hamarinina mialoha ny latsabato tsirairay ny isan'ireo mpikambana manatrika. Raha toa ka latsaky ny antsasak'ireo mpikambana no manatrika, dia ravaina ny fivoriana ka mampiantso fivoriana vaovao izay farafahakeliny telo andro katroka aorian'ny vaninandro voatondro no anaikàna azy. Amin'ny fanaikàna faharoa, dia afaka manapaka ny Filankevitra na firy na firy ny isan'ireo mpikambana manatrika.

Tsy isaina ireo fanomezam-pahefana amin'ny famaritana ny isan'ireo mpikambana manatrika.

Sokajy 2
Ny amin'ny fandaminana ireo fivoriana

Andininy 13 - Tarihin'ny Filohany ireo fivorian'ny Filankevitra. Amin'izany dia iantohany ny filaminan'ireo fivoriana mba hiantohana ny fizotran'izy ireo antsakany sy andavany.

Andininy 14 - Ny Filohan'ny Filankevitra no manokatra sy mamarana ny fivoriana. Izy no manome anjara fitenenana ary mametra ny fepotoana andraisan'ireo mpikambana fitenenana.

Andininy 15 - Ny Filohan'ny Filankevitra dia afaka mandroaka ireo mpikambana mamo ary koa ireo izay manakorontana ankarihary nyfizotran'ireo fivoriana izay azony atao ny mampiato azy raha toa ka ilaina izany.

Andininy 16 - Manomboka amin'ny ora voatondro anatin'ny taratasy fanaikàna ny fivorian'ny Filankevitra. Raha toa ka tsy tratra ny fetr'isa ilaina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ao anatin'ny dimy ambiny folo minitra aorian'ny ora voatondro hivoriana, dia azon'ny Filoha ravaina ny fotoam-pivoriana.

Andininy 17 - Mandritra ny fivoriana, ireo mpikambana dia tsy maintsy maneho :

1. fahamendrehana amin'ny fanehoan-kevitra, tsy fanaovana fandranitana sy fiteny tsy misy fanajana ;

2. fanajana ny Filoha mitarika ny fivoriana ;

3. fanajana ny ora nifanomezana ;

4. fanajana ny fotoana fandraisam-pitenenana.

Andininy 18 - Mandritra ny fivoriana, sy amin'ny fotoana anaovana ny fifidianana momba ireo fanapahana, dia voarara ny fampiasana finday.

Raràna ny mifoka sigara sy mihinana paraky anatin'ny efitrano fivoriana.

Andininy 19 - Ny tsy fanajana ireo andininy 17 sy 18 etsy ambony dia ahafahana mandroaka ivelan'ny efitrano fivoriana izay manao izany sy mahavery ny zony.

Andininy 20 - Ny Solontenam-panjakana sy ny Ben'ny Tanàna dia afaka manatrika ireo fivorian'ny Filankevitra ary mandray anjara amin'ny adihevitra. Tsy maintsy misintaka izy ireo mandritra ireo fanapahana.

Azon'ny besinimaro atrehana ireo fivorian'ny Filankevitra.Tsy maintsy ahitàna toerana voatokana ho an'ny mpanao gazety ny efitrano fivoriana. Tsy maintsy mitandro ny fahanginana ny besinimaro sy ireo solontenan'ny mpanao gazety.

TOKO III
NY AMIN'NY FANDAMINANA IREO LATSABATO

Andininy 21 - Ireo fanapahana dia ankatoavin'ny maro an'isa amin'ireo mpikambana manatrika na voasolotena. Raha misy fitoviam-bato, dia ny an'ny Filoha no mavesa-danja.

Andininy 22 - Ny zo hifidy ananan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra dia an'ny isam-batan'olona. Ny mpikambana iray tsy afa-manatrika ny fivorian'ny Filankevitra dia afaka manome fahefana mpikambana iray hafa, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahefana vita an-tsoratra, mba hifidy amin'ny anarany. Na dia izany aza anefa, dia tsy afaka mandray fanomezam-pahefana mihoatra ny iray ny mpikambana iray.

Andininy 23 - Atao amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana ireo fifidianana ao anatin'ny Filankevitra. Azo tanterahina ihany koa anefa ny latsabato miafina raha toa ka mangataka izany ny ampahefatr'ireo mpikambana. Tsy maintsy atao ny latsabato miafina ho an'ireo fifidianana fanendrena na fanesorana olona.

Andininy 24 - Raha toa ka mahakasika mpikambana iray ireo fanapahana horaisina, na amin'ny anarany manokana, na amin'ny maha-nomem-pahefana azy, dia tsy maintsy misintaka izy amin'ny fotoana andraisana ny fanapahana.

TOKO IV
NY AMIN'IREO FITANANA AN-TSORATRA

Andininy 25 - Ireo adihevitra mandritra ny fotoam-pivoriana dia raketina anatin'ny fitànana an-tsoratra.

Andininy 26 - Ireo fitànana an-tsoratra dia tsy maintsy ahitàna ny dika manontolon'ireo fanapahana, ireo faniriana sy fanehoan-kevitra nankatoavin'ny Filankevitra. Ankatoavina amin'ny teboka voalohany amin'ny lahadinika momba ny fotoam-pivoriana manaraka ireo fitànana an-tsoratra.

Soniavin'ireo mpikambana rehetra mandritra ireo fotoam-pivoriana izy ireo.

Andininy 27 - Averina adika anatin'ny rejisitra na kilasiana anatin'ny fanakilasiana antontan-taratasy voaisa sy vita rangopohin'ny Solontenam-panjakana ireo fitànana an-tsoratra.

TOKO V
NY AMIN'IREO FANONTANIANA AM-BAVA, AN-TSORATRA SY FANGATAHAM-PANAZAVANA

Andininy 28 - Ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra monisipaly/kaominaly dia afaka mangataka amin'ny Filohan'ny Filankevitra ny hanoratana anaty lahadiniky ny fivoriana manaraky ny Filankevitra ireo fanontaniana am-bava ho an'ny Ben'ny Tanàna. Ireo fanontaniana am-bava dia tsy maintsy mahakasika ny mombamomba ny Kaominina, ny fomba fiasan'ireo sampan-draharaha na ny fanatanterahana ireo fanapahana.

Andininy 29 - Ny fanoratana anaty lahadinika dia tapahana aorian'ny fanehoan-kevitry ny vaomiera mahefa. Tsy maintsy manaraka ny fanehoan-kevitry ny vaomiera ny Filohan'ny Filankevitra sy ny Ben'ny Tanàna.

Andininy 30 - Amin'ny fotoana rehetra, dia azon'ireo Mpanolo-tsaina anontaniana an-tsoratra ny Ben'ny Tanàna momba ny fanatanterahana ireo fanapahan'ny Filankevitra. Omena an-tsoratra ny valin-tenin'ny Ben'ny Tanàna ary ampitaina miaraka amin'ny Mpanolo-tsaina voakasika sy ny Filohan'ny Filankevitra.

TOKO VI
NY AMIN'IREO VAOMIERA

Andininy 31 - Ireo vaomiera dia atsangan'ny fitsipika anatiny.

Andininy 32.- Ny Filankevitra dia ahitàna vaomiera miisa ……. (isa hofaritana) :

1. ny vaomiera miadidy ireo raharaha ankapobe sy ara-bola ;

2. ny vaomiera miadidy ireo raharaha fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ;

3. ……

Ireo vaomiera dia ahitàna mpikambana miisa ……. (…).

Andininy 33 - Ny mpikambana tsirairay dia tsy maintsy tafiditra anatin'ny vaomiera iray farafahakeliny. Tapahan'ny birao maharitry ny Filankevitra ny fidirana anatin'ny vaomiera iray.

Andininy 34 - Ny vaomiera tsirairay dia ahitàna ny Filoha, ny Filoha Lefitra sy ny Mpampaka-teny. Fidin'ireo sy avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra izy ireo. Na manao ahoana na manao ahoana, ny isan'ireo mpikambana isaky ny vaomiera dia tsy azo atao latsaky ny dimy, ka tafiditra anatin'izany ny Filoha, ny Filoha Lefitra sy ny Mpampaka-teny.

Andininy 35 - Ny fivoriam-baomiera dia ampanantsoin'ny Filohany noho izy tenany na noho ny fangatahan'ny maro an'isa amin'ireo mpikambana ao aminy.

Ny taratasy fanaikàna miaraka amin'ny lahadinika dia avantana amin'ny mpikambana tsirairay anatin'ny vaomiera farafahakeliny dimy andro mialoha ny fotoam-pivoriana.

Ny Filohan'ny Filankevitra sy ny Ben'ny Tanàna dia ampahafantarina ny fotoam-pivoriana araka ireo fepetra fampihatra amin'ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera.

Andininy 36 - Ny fivorian'ny vaomiera dia tanterahina tsy atrehin'olon-kafa. Na dia izany aza anefa dia azony atao ny mampiantso ireo manam-pahaizana izay heveriny fa ilaina mba hanomanana tsara ireo fanapahan'ny Filankevitra.

Andininy 37 - Ny fanehoan-kevitry ny vaomiera dia ankatoavina amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana amin'ny antsasamanilan'ireo mpikambana manatrika.

Andininy 38 - Ny Filohan'ny vaomiera dia soloin'ny Filoha Lefitra amin'ny fotoana tsy maha-eo na tsy maha-afaka azy.

Andininy 39 - Ny Mpampaka-tenin'ny vaomiera no miadidy ny fanoratana ireo fitànana an-tsoratra ireo asam-baomiera sy ny fanolorana ireo tatitry ny vaomiera manoloana ny Filankevitra.

Andininy 40 - Ireo vaomiera no mamakafaka ireo raharaha tandrify azy ireo izay hoentina hangalàna ny fankatoavan'ny Filankevitra. Azony atao ny mampiantso, raha toa ka ilaina izany, ireo olona rehetra izay afaka mitondra tolo-tànana na torohevitra mandritra ny fanomanana ireo fivoriana.

Ny Mpampaka-tenin'ny vaomiera dia manolotra ny fanehoan-kevitry ny vaomiera mialoha ny fanapahana tsirairay raisin'ny Filankevitra.

Andininy 41 - Ny vaomiera tsirairay dia tsy maintsy manana rejisitra ahafahany mirakitra an-tsoratra ireo fivoriany sy asany.

Andininy 42 - Ny Filankevitra dia afaka manova ny isa sy ny firafitr'ireo vaomiera arakaraka ny zava-misy eo anivon'ny Kaominina.

Andininy 43 - Ny vaomiera tsirairay dia manolotra isan-taona ny tatitra fanaony amin'ny Filohan'ny Filankevitra.

Andininy 44 - Raha toa ka ilaina izany, ny fitsipika anatiny dia azo asiam-panitsiana amin'ny alàlan'ny fanapahana.

Andininy 45 - Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana izao fanapahana izao. Mampiandraikitra ny Filohan'ny Filankevitra ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato ……. nitsipaka sy vato ……. fotsy.

Natao tao ……, ny ……

Ny Mpampaka-teny,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Ny Filohan'ny Filankevitra,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Ireo mpikambana,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

II.2 | RAFITRA MPANATANTERAKA

Ny rafitra mpanatanteraky ny Kaominina, ambonivohitra na ambanivohitra, dia ahitàna :

- ny Ben'ny Tanàna ;
- sy ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna, noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Ben'ny Tanàna.

Ny Ben'ny Tanàna no lehiben'ny rafitra mpanatanteraky ny Kaominina. Fidina amin'ny alàlan'ny latsabato andraisan'ny daholobe anjara mivantana ka latsabato amin'ny anaran'olon-tokana izay ahazoana vatobe indrindra no anaovana izany.

NY MOMBA IREO KAOMININA MANANA SATA MANOKANA

Ho an'ireo Kaominina ambonivohitra Antananarivo, Nosy Be sy Sainte Marie, ireo boriborintany monisipaly mandrafitra ny Kaominina tsirairay dia tarihin'ny Delegen'ny Ben'ny Tanàna. Tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna izy ireo ary manatanteraka ireo asany eo ambanin'ny fiahian'ny Ben'ny Tanàna.

II.2.1 Fandraisan'ny Ben'ny Tanàna ny asany

II.2.1.1 Fiandohana sy fiafaran'ny fotoam-piasan'ny Ben'ny Tanàna

RIJAN-TENY FITSIAHY	Didim-pitsarana anaovana fanambarana ny vokatra ofisialin'ireo fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitr'ireo Kaominina ; Andininy 309 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014.

Ny fotoam-piasan'ny Ben'ny Tanàna dia miantomboka ny vaninandro nanaovana ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny vokatr'ireo fifidianana nitondra azy ho eo amin'ny lohan'ny Kaominina mandritra ny efatra taona. Izany daty izany dia mety hiova noho izany isa-paritany, arakaraka ny vaninandro nofidian'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mahefa eo an-toerana hamoahana ny didy anaovana ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ireo vokatra.

Ny fotoam-piasan'ny Ben'ny Tanàna dia mifarana aorian'ny fepotoana efatra taona ka izany dia miantomboka ny vaninandro anaovan'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ireo voka-pifidianana.

Raha toa ny Ben'ny Tanàna ka mirotsaka hofidina handimby ny tenany ihany, izany fotoam-piasana izany dia mifarana amin'ny vaninandro ankatoavana ny filatsahan-kofidiny izay ataon'ny Rafitra fanarahamaso sy fankatoavana ireo filatsahan-kofidina. Amin'izany, ny fisoloan-toerana vonjimaika ny Ben'ny Tanàna dia ataon'ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna arakaraka ny filaharam-panendrena azy ireo. Raha toa ka milatsaka hofidina avokoa ireo, ny Ben'ny Tanàna dia manendry Lefitra vaovao ho amin'izany toe-draharaha izany.

II.2.1.2 Ny famindram-pahefana

Ny famindram-pahefana dia tsy maintsy atao ifanatrehana eo amin'ny Ben'ny Tanàna miditra sy ny Ben'ny Tanàna mivoaka.

Ny antontan-taratasy mirakitra ny famindram-pahefana dia omanin'ny Ben'ny Tanàna mivoaka ary ahitàna ireto singa voalaza manaraka ireto :

- ny fitsiahy ny didim-pitsarana nanaovana ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ireo voka-pifidianana ;
- ny vaninandro sy ny toerana anaovana ny famindrana ;
- ny fanondroana ireo Ben'ny Tanàna miditra sy mivoaka ;
- ireo antontan-taratasy andàlam-piheverana ;
- ny mombamomba ireo mpiasan'ny Kaominina ;

- ny mombamomba ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ny Kaominina (vokatry ny famaranana ireo kaonty araka ny endriky ny kaontim-panjakana ary ireo tovana miaraka aminy, miaraka amin'ireo taratasy fanamarinam-pifanojoana vita sonian'ny mpitan-kaontin'ny Kaominina) ;
- ny mombamomba ny fari-pananana mifaka na tsia an-tànan'ny Kaominina (araka ny endriky ny tovana momba ny fitanan-kaonty ara-pitaovana ao amin'ny kaontim-panjakana).

Ireo antontan-taratasy samihafa ahitàna ny filazalazana ny toetoetry ny Kaominina araka ny tena zava-misy dia atovana amin'ny antontan-taratasy fototry ny famindram-pahefana.

Tsy maintsy faranana mialoha ny famindram-pahefana ireo fitondran-draharaha famoriam-bola sy momba ny vatsim-bola.

Ny pejy tsirairay amin'ny antontan-taratasy dia tsy maintsy asian'ireo Ben'ny Tanàna roa tonta rangopohy ary apetraka any amin'ny faran'ny antontan-taratasy ny sonian'ny tsirairay avy.

Ny antontan-taratasy famindram-pahefana dia atao matoan-tsoratra sosony dimy, ka :

- ny iray ho an'ny Ben'ny Tanàna miditra ;
- ny iray ho an'ny Ben'ny Tanàna mivoaka ;
- ny iray ho an'ny arisivan'ny Kaominina ;
- ny iray ho an'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana ;
- ny iray ho an'ny Ministera miadidy ny Fitsinjaram-pahefana.

MAODELIN'NY FITÀNANA AN-TSORATRA NY FAMINDRAM-PAHEFANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

FAMINDRAM-PAHEFANA

Ny taona …….. sy ny ……..tamin'ny ……. ora, dia natao ny famindram-pahefana teo amin'ny :

Andriamatoa ……, Ben'ny Tanàna mivoaka ao amin'ny Kaominina ……,

amin'ny andaniny,

sy

Andriamatoa ……, Ben'ny Tanàna miditra ao amin'ny Kaominina ……..…… voambara fa voafidy noho ny didim-pitsarana laharana faha- ….. navoakan'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tamin'ny …… anambarana amin'ny fomba ofisialy ireo voka-pifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ao ……

amin'ny ankilany,

Nanaovam-pamindrana ireto antontan-taratasy atovana voatanisa manaraka ireto :

LAH°	TOVANA
I	Ny mombamomba ireo antontan-taratasy
II	Ny mombamomba ny tetibola sy ny fitantanam-bola
III	Ny mombamomba ireo fitaovam-piasana sy fitaovana am-birao
IV	Ny mombamomba ireo fanana-mifaka sy fitaovam-pivamoivoizana
V	Ny mombamomba ireo mpiasa

Ho amin'izany, dia natao izao fitànana an-tsoratra famindram-pahefana izao, amin'ny matoan-tsoratra sosony dimy, ny andro, volana sy taona voalaza etsy ambony.

Ny Ben'ny Tanàna mivoaka,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Ny Ben'ny Tanàna miditra,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TOVANA I

NY MOMBAMOMBA IREO ANTONTAN-TARATASY

I. ANTONTAN-TARATASY ARA-PANJAKANA :

1. Rijan-teny fitsiahy :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Lalàna sy didim-panjakana momba ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana		
Fitànana an-tsoratra ny famindram-pahefana teo aloha		
Torolàlana momba ny paikady		
Fitsipika anatin'ny Filankevitra		
Fitsipika anatiny ifampifehezana momba ireo asa aman-draharaha		

2. Rejisitra :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Rejisitr'ireo fanapahana		
Rejisitr'ireo didim-pitondrana		
Rejisitra momba ny fametrahan-tsonia		
Rejisitr'ireo taratasy «miditra»		
Rejisitr'ireo taratasy halefa		
Rejisitra momba ny sora-piankohonana		

3. Fanakilasiana antontan-taratasy :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Fanakilasiana ireo fanapahana		
Fanakilasiana ireo didim-pitondrana		
….		

4. Kahie fampitàna :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Kahie fampitàna anatiny		
Kahie fampitàna ivelany		

II. NY MOMBAMOMBA IREO ANTONTAN-TARATASY :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Antontan-taratasy an-dàlam-panadihadiana		
Antontan-taratasy andàlam-piheverana		
Antontan-taratasy nokilasiana		
Antontan-taratasy tsiambaratelo		

TOVANA II

NY MOMBAMOMBA NY TETIBOLA SY NY FITANTANAM-BOLA

1. Antontan-taratasy ara-tetibola :

FANONDROANA	ISANY	FANAMARIHANA
Tetibola fiandohana		
Tetibola fanampiny		
tetibola fanitsiana		
Kaonty ara-panjakana		

2. Ny mombamomba ireo vola miditra amin'ny taom-pikatrohana :

KAONTY	SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	TETIBOLA FIANDOHANA	TETIBOLA FANAMPINY	FANOVÀNA +/-	VINAVINA FARANY	TARATASY FANDRAISAM-BOLA NEKENA	FANANGONANA	AMBINY MBOLA HANGONINA
70	Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola azo							
…	…							
71	Hetra momba ny fari-pananana							
…	…							
72	Hetra momba ireo fananana sy asa aman-draharaha							
…	…							
77	Vola miditra ivelan'ny hetra							
…	…							
	FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA							
774	Famokarana natao fanana-mifaka							
7741	Fanana-mifaka manan'endrika							
…	…							
	FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA							
	ZANA-PITAMBARAN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA							
KAONTY	**SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA**	**TETIBOLA FIANDOHANA**	**TETIBOLA FANAMPINY**	**FANOVÀNA +/-**	**VINAVINA FARANY**	**TARATASY FANDRAISAM-BOLA NEKENA**	**FANANGONANA**	**AMBINY MBOLA HANGONINA**
…..	…							
13	Famatsiam-bola ho fampitaovana							
…	…							
14	Famarotana fanana-mifaka							
…	…							
	TAHIRIMBOLA AVY AMIN'NY FANOMEZANA SY TAHIRY							
10	Tahirimbola avy amin'ny fanomezana sy tahiry							
…	…							
106	Tahiry							
1064	Tombon'ny fampandehanan-draharaha natao renivola							
…	…							
	FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HANAOVANA FAMOKARANA							
	ZANA-PITAMBARAN'IREO VOLA NATAO HAMOKARANA							

3. Ny mombamomba ireo fandaniana amin'ny taom-pikatrohana (h o an'ny fandaharan'asa tsirairay) :

KAONTY	SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	TETIBOLA FIANDOHANA	TETIBOLA FANAMPINY	FANOVÀNA +/-	VINAVINA FARANY	SORA-PANEKENA	TARATASY FIBAIKOAM-PANDOAVANA NEKENA	FANDOAVANA	AMBINY MBOLA HALOA
60	Fandaniana ho an'ny mpiasa								
…	…								
61	Fividianana entana								
…	…								
62	Fividianana raharaha sy fandaniana maharitra								
…	…								
65	Famindram-bola sy fanampiana ara-bola								
…	…								
FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA									
…	…								
FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA									
ZANA-PITAMBARANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA									
KAONTY	**SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA**	**TETIBOLA FIANDOHANA**	**TETIBOLA FANAMPINY**	**FANOVÀNA +/-**	**VINAVINA FARANY**	**SORA-PANEKENA**	**TARATASY FIBAIKOAM-PANDOAVANA NEKENA**	**FANDOAVANA**	**AMBINY MBOLA HALOA**
20	Fanana-mifaka tsy manan'endrika								
…	…								
21	Fanana-mifaka manan'endrika								
…	…								
FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA									
20	Fanana-mifaka tsy manan'endrika								
…	…								
21	Fanana-mifaka manan'endrika								
…	…								
FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA									
ZANA-PITAMBARAN'IREO FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA									

4. Ny mombamomba ireo sora-panekena tsy nobaikoana :

FAMPIZAKANA	SORA-PANEKENA		ANARAN'NY MPISITRAKA	ANTONY	TENTINY	FANAMARIHANA
	LAH°	DATY				
FITAMBARANY ISAKY NY FAMPIZAKANA						
….						

5. Ny mombamomba ireo taratasy fandoavam-bola tsy mbola naloa (eo anivon'ny mpitan-kaonty):

FAMPIZAKANA	TARATASY FANDOAVAM-BOLA		ANARAN'NY MPISITRAKA	ANTONY	TENTINY	FANAMARIHANA
	LAH°	DATY				
FITAMBARANY ISAKY NY FAMPIZAKANA						
….						

6. Ny mombamomba ireo taratasy fandraisam-bola tsy mbola voaangona :

FAMPIZAKANA	TARATASY FANDRAISAM-BOLA		ANARAN'NY MPISITRAKA	ANTONY	TENTINY	FANAMARIHANA
	LAH°	DATY				
FITAMBARANY ISAKY NY FAMPIZAKANA						
….						

7. Ny mombamomba ireotaratasy soloim-bola (eo anivon'ny mpitan-kaonty) :

ISAN'IREO TAPAKILA ISAN'IREO TARATASY FANAMARINAM-PANDOAVANA	SANDAM-BOLA	LAHARAM-PIANDOHANA	LAHARAM-PIAFARANA	TENTINY

TOVANA III

NY MOMBAMOMBA IREO FITAOVAM-PIASANA, FITAOVANA AM-BIRAO SY FITAOVAM-PIFAMOIVOIZANA

LAHARAN'NY FANISÀNA IFANATREHANA	FANONDROANA	VANINANDRO NIVIDIANANA	ISANY	VIDIN'NY TSIRAIRAY	TENTINY	FANAMARIHANA

TOVANA IV

NY MOMBAMOMBA IREO FANANA-MIFAKA

1. Fanisàna ireo tany :

LAH°	FANONDROANA SY TOERANA	LAHARAN'NY TITRA	VELARANY	FAMPIASANA AZY	FANAMARIHANA

2. Fanisàna ireo fanana-mifaka :

LAH°	FANONDROANA SY TOERANA	LAHARAN'NY TITRA	VELARANY	FAMPIASANA AZY	FANAMARIHANA

3. Fanisàna ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana :

LAH°	FANONDROANA SY TOERANA	TOETOETRA	FANAMARIHANA

TOVANA V

NY MOMBAMOMBA IREO MPIASA

1. Asa maharitra

LAH°	ASA SAHANINA	ANARAN'NY MPIASA	SATA	SOKAJY
Fandaharan'asa 001				
1				
2				
3				
..				
Fandaharan'asa 002				
..				
..				

2. Asa tsy maharitra :

LAH°	ASA SAHANINA	ANARAN'NY MPIASA	SATA	SOKAJY
Fandaharan'asa 001				
1				
2				
3				
..				
Fandaharan'asa 002				
..				
..				

Faranana izao lisitra izao amin'ny mpiasa miisa ……(…).

3. Mari-panavahana ny asa :

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 49 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Amin'ny fotoana andraisany ny fahefana, ny manam-pahefana mampanao ny fametrahana ny Ben'ny Tanàna amin'ny toerana (mpikambana ao amin'ny Governemanta, mpiasam-panjakana ambony ao amin'ny Ministera miadidy ny Fanapariaham-pahefana na Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana) dia manome azy ny samboady amin'ny lokom-pirenena, fotsy, mena ary maitso, miaraka amin'ny vona milokom-bolamena. Ho an'ireo Lefitra, dia milokom-bolafotsy ireo vona.

Ny samboady dia entina toy ny fehi-kibo mandritra ireo lanonana ara-pomba ofisialy rehetra.

Ny fametrahana amin'ny toerana dia azo atao miaraka na mandeha tsirairay. Na manao ahoana na manao ahoana, dia atao ampahibemaso izany mandritra ny lanonana ara-pomba ofisialy nomanina manokana ho amin'izany eo amban'ny fandrindran'ny Solontenam-panjakana.

Zakain'ny tetibolan'ny Kaominina ny fividianana ireo samboady.

II.2.2 Ny amin'ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna

RIJAN-TENY FITSIAHY	Didim-panjakana laharana faha 2015-960 tamin'ny 16 jona 2015

Ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna dia avy amin'ny :

- ireo fahefany manokana nomen'ny didy amam-pitsipika ;
- ireo fanomezam-pahefana maharitra avy amin'ny Filankevitra ;
- ireo fanomezam-pahefana voafetra ara-potoana avy amin'ny Filankevitra ;
- ireo fahefana ampiasaina amin'ny anaran'ny Fanjakana.

Ireo fahefana manokana sy ireo fahefana ampiasaina amin'ny anaran'ny Fanjakana dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika, ireo fanomezam-pahefana dia omena amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra.

Manan-danja izany fanavahana izany, ireo fahefana ampiasaina amin'ny anaran'ny Fanjakana dia tanterahina eo amban'ny fahefan'ny Solontenam-panjakana mivantana izay afaka manafoana ireo fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna ary misolo toerana ny Ben'ny Tanàna ; ireo fanapahan-kevitra noraisina tao anatin'ny fanomezam-pahefan'ny Filankevitra dia azon'ny Solontenam-panjakana entina eo anatrehan'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana raha toa ka heveriny fa ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna dia tsy manaja ireo didy amam-pitsipika fampihatra na tsy mifanaraka amin'ny fanapahan'ny Filankevitra. Amin'ny tranga voalohany, ny fanapahan-kevitra farany dia raisin'ny Solontenam-panjakana ; amin'ny tranga faharoa, ny fanapahan-kevitra dia raisin'ny Filankevitra eo ambany fanajana ny didy amam-pitsipika fampihatra ; amin'ny tranga fahatelo, ny fanapahan-kevitra dia raisin'ny Ben'ny Tanàna eo ambany fanarahamason'ny Filankevitra ary eo ambany fanajana ny didy amam-pitsipika fampihatra.

Ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna dia atolotry ny tabilao etsy ambany miaraka amin'ireo rijan-teny fitsiahy manondro azy ireo.

II.2.2.1 Ireo fahefana manokana

LAH°	ANJARA RAHARAHA	RIJAN-TENY FITSIAHY
01	Mpanalàlana ny tetibola	Andininy 14 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
02	Lehiben'ny fitondran-draharahan'ny Kaominina sy ireo orin-draharaha mifangitra	Andininy 15 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
03	Lehiben'ireo mpiasan'ny Kaominina	Andininy 15 sy 16 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
04	Fandraisana mpiasa araka ny tabilaon'ireo isan'ny mpiasa	Andininy 17 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
05	Fanomanana ny drafitr'asa mandritra ny taona	Andininy 25 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
06	Fanamarinana ny mampanankery ireo sora-draharahan'ny Kaominina (fanapahana sy didim-pitondrana)	Andininy 22 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
07	Fanomanana ny volavolan-dahadiniky ny Filankevitra haseho ny Filohan'ny Filankevitra	Andininy 6 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
08	Fanomanana ny tetibolan'ny Kaominina hatolotra hankatoavin'ny Filankevitra	Andininy 7 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
09	Fisoloan-tena ny Kaominina amin'ireo raharaha sivily sy ara-panjakana	Andininy 28 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 10 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
10	Fahefana fandaminana sy fiarovana ho amin'ny fitantanana ireo loza sy antambo	Andininy 20 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
11	Fahefana fandaminana sy fiarovana ho amin'ny fitantanana ireo tanin'ny vondrombahoakam-paritra	Andininy 20 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
12	Fanomezana ireo fahazoan-dàlana hihantsona na hitoetra tsy maharitra amin'ny làlam-panjakana, ny ony, ireo seranam-tsambo na fihantsonan-tsambo amin'ny renirano	Andininy 39 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
13	Fanomezana ireo fahazoan-dàlana fanoritana fetran-dàlana ataon'ny olona tsirairay, fahazoan-dàlana hanorina, hanao fizarazaran-tany, hanao fandravana sy fanomezan-dàlana hafa momba ny làlana, aorian'ny fanehoan-kevitry ny sampan-draharaha teknika mahefa	Andininy 40 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
14	Fahefana fandaminana sy fiarovana mikasika ny fitantanana ny fampiasana ny tany, ny trano fonenana sy ireo fanorenana araka ny drafi-panajariana na ny drafi-panajariana ny tanàn-dehibe	Andininy 28 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
15	Fahefana fandaminana sy fiarovana mba hiantohana ny filaminana, hisorohana ny loza mety hitranga sy ny fitandroam-pahasalamana (fahatsaran'ny fandalovana amin'ireo arabe, fihantsonana, kianja sy làlana falehan'ny besinimaro, famaizana ireo ady saritaka, savorovoro, horakoraka sy fivorivoriana amin'ny andro alina, fitaterana olona maty, famadihan-drazana sy fandevenana, fahamendrehan'ireo vondrom-pasana, fitantanana ireo loza, ady amin'ny firenirenena, fanagiazana ireo biby mirenireny)	Andininy 50 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 42 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
16	Fandrindrana ny fifamoivoizana anatin'ny tanàna : ireo famaritana ny farafetran'ny tanàna, ny fetra faran'ny hafainganam-pandeha azo ekena, ny fanondroana ireo fifanenana, ny famerana ny fampiasana ny anjomara fanairana, ny fandrindrana ny fihantsonana, ny famerana na ny fandraràna ny fifamoivoizana, ny famerana ny vesatra na fandraràna ny fifamoivoizana amin'ireo tetezana sy baka, ny fametrahana ireo takelaby fanondroana	Andininy 43 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 du 27 septambra 2014 ; Andininy 38 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
17	Fahefana amin'ireo polisy monisipaly na kaominaly ho fampiasana ireo fahefana fandaminana sy fiarovana	Andininy 50 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 41 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
18	Famolavolana ireo « dinan'asa »	Andininy 46 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 Andininy 35 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015

LAHº	ANJARA RAHARAHA	RIJAN-TENY FITSIAHY
19	Fandrafetana ny drafi-panajariana monisipaly na kaominaly	Andininy 28 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
20	Fandrafetana ny monografia, fananganana sy fitantanana ny tahirin-kevitra fototry ny Kaominina	Andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
21	Fanomanana sy fampiharana ny fandaharan'asa fampandrosoana miaraka amin'ireo sampan-draharaha teknika anapariaham-pitondran'ny Fanjakana	Andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
22	Fandrindrana ny fampiharana ireo lahasa mikasika ny fitantanana ny fananan-tany ifotony	Andininy 29 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
23	Fampiharana ireo paikady momba ny karatany : fanaovan-tsonia ny rejisitry ny fizarazaran-tany sy ny kara-tany	Andininy 29 tamin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
24	Fanondroana ireo tany tafiditra anatin'ny tany tsy misy titra sy ireo toerana malalaka iaraha-mitantana	Andininy 29 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
25	Fitantanana ireo faritra fampandrosoana ifotony ho amin'ny fanitarana ny fambolen'ny fianakaviana, ny toeram-ponenana sy ny tanàn-dehibe, ny fambolen-kazo sy ny famatsiam-bola natao hamokarana	Andininy 29 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
26	Fiaraha-miasa amin'ny fanavaozana ny drafitra ifotony momba ny fampiasana ny tany miaraka amin'ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany sy ny Fandrefesan-tany	Andininy 30 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
27	Fanarahamaso ireo orin-draharaha mifangitra amin'ny Kaominina	Andininy 5 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
28	Fametrahana sy fitarihana ny rafitra eo an-toerana momba ny fikaonan-doha	Andininy 13 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-957 tamin'ny 16 jona 2015

II.2.2.2 Ireo fanomezam-pahefana maharitra avy amin'ny Filankevitra

LAHº	ANJARA RAHARAHA	RIJAN–TENY FITSIAHY
01	Fitehirizana sy fitantanana ireo fananana sy zo mamaritra ny fari-pananan'ny Kaominina	Andininy 11 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
02	Fanarahamaso ireo orin-draharahan'ny Kaominina	Andininy 11 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
03	Fitarihana ireo asa tanterahin'ny Kaominina	Andininy 11 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
04	Fanaovana ny fifampiraharahana ara-barotra momba ny asa, ny fampitaovana sy ny tolo-draharaha ankatoavin'ny Filankevitra	Andininy 11 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
05	Fanaovana ireo fampanofana araka ireo fepetra ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra	Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
06	Fividianana sy fivarotana fanana-mifaka izay tsy mihoatra ny tentiny feran'ny Filankevitra ny sandany	Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015

II.2.2.3 Ireo fanomezan-dàlana voafetra ara-potoana avy amin'ny Filankevitra

LAHº	ANJARA RAHARAHA	RIJAN–TENY FITSIAHY
01	Fividianana sy fivarotana fanana-mifaka izay mihoatra ny tentiny feran'ny Filankevitra ny sandany	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
02	Famonoana ireo fanoratana tany hatao antoka	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

LAHº	ANJARA RAHARAHA	RIJAN-TENY FITSIAHY
03	Fanorenana, fanarenana goavana, fandravana ireo fanana-mifakan'ny Kaominina	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
04	Fanokafana sy fanovàna ireo làlana, arabe samihafa sy drafitra momba ny soritra atao fetran-dàlana	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
05	Fananganana ireo sampan-draharaha, vondrona sy orin-draharaha ifotony	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
06	Fanaovana fitrosana natao hamatsiam-bola ho famokarana	Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
07	Fanekena hiombona antoka	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
08	Fanaovana ireo fifanaraham-piantohana	Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
09	Fanekena ireo fanomezana sy tolotra	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
10	Fidirana amin'ireo vondrona iombonan'ny Kaominina sy fanaovana fifanarahana momba ny fiaraha-miasan'ny samy vondrombahoakam-paritra	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
11	Famerana ireo karama sy fandoavana ireo sara sy karaman'ny mpisolo vava, mpirakiteny mpanato soratra, vadintany sy manamahay	Andininy 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
12	Fanaovana ireo fifanarahana fanofana tany, fanomezan-dàlana hisahana, fitantanana, araka ireo fomba fitantanana sy ireo fepetra notapahan'ny Filankevitra	Andininy 36 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
13	Fitondrana ireo raharaha ara-pitsarana	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
14	Famolavolana ny rindran-damina sy ny tabilaon'isa	Andininy 17 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015

Ireo anjara raharaha ampisahanin'ny Filankevitra ny Ben'ny Tanàna dia tsy azon'ny ampisahanina ireo Lefiny (andininy 13).

II.2.2.4 Ireo fahefana ampiasaina amin'ny anaran'ny Fanjakana

LAHº	TANDRIFIM-PAHEFANA VOATONDRO	RIJAN-TENY FITSIAHY
01	Fampiasana ireo fahefana maha-mpiandraikitra ny sora-piankohonana	Andininy 39 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 31 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
02	Fanomezana ireo fanamarinam-ponenana, fanamarinana ny maha-mpitovo, fanamarinam-pahevelomana sy tsy fanambadiana indray, miaraka amin'ny fahafaham-pamindrana ny fanatontosana izany amin'ireo Fokontany	Andininy 32 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
03	Fanisam-bahoaka miaraka amin'ireo Fokontany	Andininy 33 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015
04	Fanamarinan-tsonia eo anatrehan'ny lalàna	Andininy 41 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
05	Fampahafantarana ny besinimaro ireo lalàna sy didy amam-pitsipika ara-pitondrana	Andininy 42 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ho fampiasana ireo fahefany ireo, ny Ben'ny Tanàna dia afaka mandray ireo sora-draharaha ho an'ny daholobe na ho an'olon-tokana.

NY MOMBA IREO KAOMININA MANANA SATA MANOKANA

Ankoatra ireo fahefana voatanisa etsy ambony, ireo Ben'ny Tanànan'ireo Kaominina manana sata manokana dia manana fahefana manokana mifandraika amin'ny fiavahan'ny toerana misy azy ireo tsirairay avy :

1. **Antananarivo** :

- ny fanentanana, ny fanatontosana drafitr'asa sy ny fandrindrana ireo asa fampandrosoana, ny fitaterana, ny fitantanana ireo làlana, ny fanadiovana sy ny fahadiovana, ny fitantanana ny rano sy ny ny jiro ho an'ny daholobe, ny fanarahamaso ny fanajana ireo didy aman-dalàna momba ny fanatsarana ny tanàna, ny fanajana ny tontolo iainana ary ny fahatsaran'ny fiainana (andininy 9 amin'ny lalàna laharana faha-2015-011 tamin'ny 1 aprily 2015).

2. **Nosy Be sy Sainte Marie** :

- ny fanondroana sy ny fanatanterahana ny paikady ho amin'ny fampiroboroboana ny fizahan-tany sy ny ady amin'ny fizahan-tany mamoafady (andininy 10 amin'ny lalàna laharana faha-2015-009 sy ny lalàna laharana faha-2015-010 tamin'ny 1 aprily 2015) ;
- ny fiarovana ireo harena voajanahary sy ny zava-miaina samihafa (andininy 11 amin'ny lalàna laharana faha-2015-009 sy ny lalàna laharana faha-2015-010 tamin'ny 1 aprily 2015)

II.2.3 Fanomezam-pahefana sy fanomezam-pahefana hanao sonia

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 39, 48 sy 118 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny Ben'ny Tanàna dia afaka manome fahefana ho an'ny Lefiny iray na maromaro sy/na manome fahefana hanao sonia ho an'ireo mpiasan'ny Kaominina sasantsasany. Ireo fahefana omen'ny Filankevitra kosa dia tsy azo anaovana fanomezam-pahefana hafa intsony (andininy 32 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

Fiavahana eo amin'ny fanomezam-pahefana sy fanomezam-pahefana hanao sonia :

FANOMEZAM-PAHEFANA	FANOMEZAM-PAHEFANA HANAO SONIA
Izy dia mamindra feno ny fahefana manapa-kevitra amin'ny nomem-pahefana	Izy dia tsy mamindra amin'ny nomem-pahefana afa-tsy ny fanatontosana ny fanaovan-tsonia ireo sora-draharaha
Izy dia manaisotra amin'ny mpanome fahefana ireo fahefana nampitaina	Ny mpanome fahefana dia mitahiry hatrany ny fahefana momba ny raharaha iray ary manokana izany hosoniaviny ihany
Izy dia mihatra amin'ny rehetra. Raha toa ka tsy misy fepetra mifanohitra voalazan'ireo didy aman-dalàna manankery, dia manankery hatrany izy na dia miova aza ny mpanome na ny nomem-pahefana	Atao arakaraky ny olona manome fahefana sy omem-pahefana izy. Raha toa ka tsy misy fepetra mifanohitra voalazan'ireo didy aman-dalàna manankery, dia tapitra izy raha toa ka miala amin'ny asany ny iray amin'izy ireo.
Ny nomem-pahefana no tena nanoratra ny sora-draharaha	Ny sora-draharaha dia soniavina « amin'ny anaran'ny mpanome fahefana » izay mitoetra ho mpanoratra ny sora-draharaha.

Ny fanomezam-pahefana dia azo atolotra ireo Lefitra, fa ny fanomezam-pahefana hanao sonia kosa dia atolotra ireo mpiasa (andininy 48 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

Ny fanomezam-pahefana dia hefaina amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna izay tsy maintsy manambara :

1. ny karazany, ny antony sy ny haben'ny fanomezam-pahefana ;
2. ny halavany ;
3. ny na ireo nomem-pahefana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-……../20……
anomezam-pahefana maharitra ho an'ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna

NY BEN'NY TANANAN'NY KAOMININA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjaana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 manondro ny anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka ao amin'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny didim-pitsarana tamin'ny …….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Araka ny didim-pitondrana laharana faha-……./20…. anendrena ireo Lefitry ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina ..... ;

Araka ny fanapahana laharana faha-001/20…. tamin'ny ..... mikasika ny rindran-damin'ny Kaominina..... ;

Araka ireo filàn'ny asa,

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

Andininy voalohany - Omem-pahefana maharitra Atoa……., Lefitra voalohan'ny Ben'ny Tanàna mba :

1. ……. (anjara raharaha nanomezam-pahefana) ;
2. ……. (anjara raharaha nanomezam-pahefana) ;

Andininy 2 - Omem-pahefana maharitra Atoa ……., Lefitra faharoan'ny Ben'ny Tanàna mba :

1. ……. ;
2. ……..

Andininy 3 - Hadika anatin'ny rejisitr'ireo didim-pitondran'ny Kaominina izao didim-pitondrana izao ary hampahafantarina ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna sy hampitaina amin'Andriamatoa Solontenam-panjakana.

Natao tao ……., ny …….

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Raha toa ka maharitra ny fanomezam-pahefana na ny fanomezam-pahefana hanao sonia, dia mitoetra hatrany izany raha tsy foanana ny didim-pitondrana nanomezam-pahefana.

Raha toa ka voafetra ara-potoana ny fanomezam-pahefana, dia tsy maintsy tondroina anatin'ny didim-pitondrana ny faharetany.

Mikasika ny sora-piankohonana, ireo Lefitra dia miadidy tsy misy fepetra ny sora-piankohonana, araka ny andininy 39 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014. Ankoatra izany, ny Ben'ny Tanàna dia afaka manome, eo ambany fanarahamasony sy ny maha-tompon'andraikitra azy, fahefana sekreteran'ny sora-piankohonana iray na maromaro izay feno 21 taona farafahakeliny mba :

1. handray ireo fanambaram-pahaterahana, fahafatesana, zaza tsy azo, fanjanahana, fananganan-jaza na fanarian-jaza ;
2. hanoratra ireo soratra an-tsisiny amin'ireo sora-draharaha rehetra na didim-pitsarana misolo sora-piankohonana ao anatin'nyrejisitry ny sora-piankohonana ;
3. manao ireo sora-draharaha momba ny sora-piankohonana ;
4. miantoka ny fanomezana ny kopia, tsoa-tsoratra sy taratasy fanamarinam-pahaterahana.

Mikasika ny sora-piankohonana, ny didim-pitondrana anomezam-pahefana dia tsy maintsy ampitaina amin'ny Solontenam-panjakana sy ny Mpampanoa lalàna eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa eo antoerana.

TSARA HO TADIDY

Ireo anjara raharaha nanaovan'ny Filankevitra fanomezam-pahefana amin'ny Ben'ny Tanàna dia tsy azon'ity farany afindra intsony (andininy 13 amin'ny didim-panjakana laarana faha-215-960 tamin'ny 1 aprily 2015).

II.2.4 Fanendrena sy fanafoanana fanendrena

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 114 sy 116 andàlana 2 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ireo Lefitra dia tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna. Faranana araka izany endrika sy fepetra izany ihany koa ny asan'izy ireo.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-...../20.....
anendrena ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny Tanàna

NY BEN'NY TANANAN'NY KAOMININA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-96-170 tamin'ny 6 martsa 1996 amerana ny tahan'ireo tambim-karama sy tombontsoa omena ireo olom-boafidy sy mpikambana ao amin'ny birao mpanatanteraka ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 manondro ny anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka ao amin'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ..... avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ..... anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Araka ny didim-pitondrana laharana faha-...../20.... anendrena ireo Lefitry ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina ..... ;

Araka ny fanapahana laharana faha-001/20..... tamin'ny ..... mikasika ny rindran-damin'ny Kaominina ..... ;

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :

Andininy voalohany - Ho fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy 114 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 voatsiahy etsy ambony, Atoa ..... dia tendrena ho Lefitra voalohan'ny Ben'ny Tanàna.

Andininy 2 - Ny tambi-karama momba ny asa dia ferana ho ..... *(ity fepetra ity dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny voalazan'ny didim-panjakana mikasika ireo tambin-karama omena ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna).*

Andininy 3 - Hadika anatin'ny rejisitr'ireo didim-pitondran'ny Kaominina izao didim-pitondrana izao, hampahafantarina ny besinimaro sy ny voakasika ary hampitaina amin'Andriamatoa Solontenam-panjakana sy ny Mpitambolan'ny Kaominina.

Natao tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TSARA HOMARIHINA : Jereo Toko momba ny rafi-pitsipiky ny tambin-karama

II.2.5 Fahabangan-toerana

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 123 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny toeran'ny Ben'ny Tanàna dia banga ao anatin'ireto tranga manaraka ireto :

1. fahafatesana ;
2. tsy fahatongavana miasa maharitra anatin'ny fepotoana enim-bolana tsy miato izay zary fametraham-pialana tsy misy fepetra ary nohamarinin'ny Lehiben'ny Distrika na ny Prefe mahefa eo an-toerana ;
3. fametraham-pialana nalefa tamin'ny Solontenam-panjakana ka nadefasana dika mitovy ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ;
4. fionganana ;
5. antony hafa rehetra ka nahatonga tsy fahafahana hita fototra ara-dalàna.

Ny fahabangan-toerana dia hamarinin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mahefa eo an-toerana aorian'ny fandraisana ny Lehiben'ny Distrika na ny Prefe.

Ny fanapahana fanamarinana ny fahabangan-toerana dia ampahafantarin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Minisitra miadidy ny Atitany. Amin'izany, dia tanterahina anatin'ny 120 andro miantomboka amin'ny vaninandron'ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ny fifidianana amin'ny ampahany. Na dia izany aza anefa, dia tsy azo tontosaina ny fifidianana amin'ny ampahany raha tahiny ka mifarana anatin'ny 12 volana ny fepotoana iasana. Ambarampahatongan'ny fifidianana ny Ben'ny Tanàna vaovao, ny Kaominina dia tantanan'ny Delegasiona manokana ahitàna Filoha iray sy Filoha Lefitra roa izay tendren'ny Ministra miadidy ny Atitany (andininy 130 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

TRANGA MANOKANA

Fampiatoana ny Ben'ny Tanàna

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 127 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny Filankevitra dia afaka mangataka ny fampiatoana ny Ben'ny Tanàna noho ny fahadisoana bevava teo amin'ny fitantanana. Aorian'ny fangataham-panazavana an-tsoratra na am-bava ny Ben'ny Tanàna, ny Filankevitra dia afaka mangataka amin'ny alàlan'ny fanapahana ny fampiatoana ny Ben'ny Tanàna. Eo am-paharaisana ny fanapahana, ny Solontenam-panjakana dia mampita izany amin'ny Minisitra miadidy ny Atitany.

Ny fampiatoana ny Ben'ny Tanàna dia tapahina :

- amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana omban'antony raisin'ny Minisitra miadidy ny Atitany, ho an'ny fepotoana iray volana ;
- amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana omban'antony raisin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ho an'ny roa volana fanampiny, aorian'ny fampiatoana iray volana tamin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny Atitany, raha toa ka ilaina izany.

Azon'ny Ben'ny Tanàna toherina manoloana ny Filankevi-panjakana izany didim-pitondrana fampiatoana izany ao anatin'ny 10 andro taorian'ny fampahafantarana.

Fanonganana ny Ben'ny Tanàna

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 257 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny fanonganana dia azo ambara noho ny iray amin'ireto tranga manaraka ireto :

- tsy fahafaha-milatsa-kofidina voaporofo taorian'ny fanambarana ireo voka-pifidianana sy ny fahataperan'ny fepotoana anaovana fitoriana fanoherana ;
- tsy fahafaha-milatsa-kofidina na fahaverezan'ny iray amin'ireo fepetra ahafaha-milatsa-kofidina mandritra ny fepotoana iasana ;
- tsy fahatontosana ireo fepetra mikasika ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna (tsy fampitàna ireo sora-draharaha) ;
- fanamelohana raikitra ahitàna ny fanesorana ny zo hofidina.

Toy izao manaraka izao ny paikady :

1. Fangatahana ataon'ny Lehiben'ny Distrika na ny Prefe, arakaraka ny zava-misy, na fangatahana ataon'ny mpifidy voasoratra ara-dalàna anatin'ny lisi-pifidianana ka nampiasa ny zo hifidy mandritra ireo fifidianana kaominaly (hamarinina amin'ny alàlan'ny fanaovan-tsonia ny lisi-pifidianana ny vaninandrom-pifidianana), mba hanamarinana ny fanonganana ny Ben'ny Tanàna. Araka ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana, ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana dia iray amin'ireo fepetra ahafaha-mandray ny fangatahana sy ny fisitrahana ny zo hitsipaka.
2. Fanamarinana ny fanonganana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana izay mahefa amin'ireo fitoriana rehetra mikasika ny fifidianana kaominaly ;
3. Fampahafantarana ny fanapahana fanamarinana ny fanonganana ampitaina amin'ny Ben'ny Tanàna voakasika sy ny Minisitra miadidy ny Atitany.

Raha toa ka banga ny toeran'ny Ben'ny Tanàna, dia ankinina amin'ireo Lefiny araka ny laharam-panendrena ny fitantanana ny Kaominina.

II.3 | NY FOKONTANY

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 152 amin'ny Lalàmpanorenana ; Andininy 10 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Didim-panjakana laharana faha-2009-890 tamin'ny 2 jolay 2009 amerana ireo fitsipika mikasika ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ireo Fokontany

Ny Fokonolona, alamina ho Fokontany, no fototry ny fampandrosoana sy ny firaisan-kina eo amin'ny lafiny fiarahamonina sy ny kolo-tsaina ary ny tontolo iainana (andininy 152 amin'ny Lalàmpanorenana).

Ireo Fokontany dia fitsinjaran'ireo Kaominina (andininy 10 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014). Na dia izany aza anefa, ireo Fokontany dia manana fifandraisana arak'asa amin'ireo Distrika sy Boriboritanim-panjakana. Ireo Fokontany dia ivondronan'ireo sehatra sy kartie ho faritra an-tanàn-dehibe, ireo vohitra sy vohitra madinika ho faritra ambanivohitra.

II.3.1 Ny amin'ny fandaminana

Ny Fokontany dia tarihin'ny Komitim-pokontany izay ahitàna :

- Lehiben'ny Fokontany iray ;
- Lefitry ny Lehiben'ny Fokontany iray.

Tsy maintsy monina ao anatin'ny Fokontany iadidiany izy ireo ary feno 18 taona katroka farafahakeliny.

Tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Distrika izy ireo aorian'ny fifidianana anatin'ny latsabato misaraka, ho an'izay mahazo vato be indrindra, ka izany dia hefain'ireo mpikambana ao amin'ny Fokonolona feno 18 taona voriana anatin'ny fivoriambe noho ny fampiantsoana nataon'ny Lehiben'ny Distrika. Raha toa ka misy fahabangan-toerana, na inona na inona antony, dia atao ny fanoloana azy ireo araka ireo endrika sy fepetra mitovy.

Ny Lehiben'ny Distrika dia afaka mampitsahatra ireo mpikambana ao amin'ny Komitim-pokontany amin'ny asany amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana omban'antony.

Ho an'Antananarivo, ireo Lehiben'ny Fokontany sy ireo Lefiny dia tendren'ny *Préfet de Police*.

Ao anatin'ny telo volana manaraka ny fandraisan'ireo Ben'ny Tanàna vaovao ny asany, dia atao ny fanendrena vaovao ireo Lehiben'ny Fokontany sy ireo Lefiny.

II.3.2 Ny amin'ireo anjara raharaha

Ireo Fokontany dia mifanome tànana amin'ny Kaominina ifangirany amin'ireto asa manaraka ireto :

1. famolavolana ny fandaharan'asa ho fampandrosoana ny Kaominina ;
2. fandraisana anjara miaraka amin'ny Filohan'ny Filankevitry ny Kaominina amin'ireo fampihavanana sy fanelanelanana momba ireo disadisa, araka ireo fepetra entin'ny andininy 23 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ;
3. fandraisana anjara amin'ireo raharaham-pifidianana sy fitsapan-kevi-bahoaka ;
4. noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Ben'ny Tanàna, fanomezana ireo taratasy fanamarinana ara-panjakana toy ny fanamarinam-ponenana, fanamarinana ny maha-mpitovo, fanamarinam-pahevelomana sy fanamarinana ny tsy fanambadiana ;
5. noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Ben'ny Tanàna, fandraisana ireo fanambarana momba ny sora-piankohonana miaraka amin'ny fampitàna ara-potoana ho an'ireo mpiandraikitra ny sora-piankohonana ;
6. fanentanana ireo mponina momba ny tranga mikasika ny sora-piankohonana sy ny famokarana antontan'isa ;
7. fitantanana andavanandro sy fiarovana ireo fotodrafitr'asa sy asa vaventy ;
8. fanatanterahana ny drafi-panajariana ao anatin'ny fari-piadidiany ;
9. fanatanterahana ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra.

Miara-miasa amin'ireo Distrika sy Boriboritanim-panjakana ireo Fokontany amin'ireto asa manaraka ireto :

1. fampahafantarana ireo sora-draharaha avy amin'ireo andrim-panjakana samihafa ;
2. fanarahamaso ireo tsena, fanisana, fivezivezena sy fivarotan'omby ;
3. fanisam-bahoaka sy ireo zatovo mahafeno taona ahafaha-manao raharaha miaramila ;
4. fanatontosana ireo asa mifandraika amin'ny raharaham-pifidianana sy fitsapan-kevi-bahoaka ;
5. fanomezan-tànana ireo manam-pahefana ara-panjakana sy ara-pitsarana ao anatin'ny fisorohana sy fanasaziana ireo fandikan-dalàna, indrindra ireo tranga izay mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka ;
6. fampitàna ireo angom-baovao momba ireo zava-mitranga isan-karazany mahakasika ny Fokontany.

II.3.3 Fepetra ara-bola

Tsy Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo Fokontany ary tsy afaka manana tetibola manokana, mampidi-bola na manatanteraka fandaniana.

Ny Ben'ny Tanàna dia manendry sy manolotra ny Komitim-pokontany ny Sekretera mpitan-kaonty izay mpiasan'ny Kaominina, ary manendry azy ho mpitantana vatsim-bola (Jereo ny torolàlana momba ny paikady ara-pitantanam-bola, paragrafy 4.5). Ny tentin'ireo sora-bola hotanterahina amin'ny alàlan'ireo vatsim-bolan'ireo Fokontany dia ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Kaominina. Vatsian'ny Ben'ny Tanàna vola ny kitapombola itehirizana ny vatsim-bola ary havaoziny araka ny fanolorana ireo taratasy fanamarinana ireo fandaniana natao sy ny fangatahana fanavaozana ny vatsim-bola izay feran'ireo sorabola atolotra hampiasain'ny Fokontany tsirairay avy amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra. Ireo fandaniana ho fampandehanan-draharaha andavanandro ihany no zakain'ny kitapombolan'ny vatsim-bola. Tsy azony zakaina ireo fandaniana momba ny karama sy ny tombontsoan'ireo mpiasa. Ny kitapombolan'ny vatsim-bolan'ny Fokontanydia tantanana araka ireo didy amam-pitsipika fampihatra amin'ireo kitapombola momba ny vatsim-bolan'ny Kaominina. (jereo torolàlana momba ny paikady ara-pitantanam-bolan'ireo Kaominina, paragrafy 4.5). Ankoatra izany, ny Filohan'ny Fokontany dia manolotra amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana ireo kaonty momba ny fitondran-draharaha momba ny fitantanana ny vatsim-bola.

Ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefiny dia azo tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna mba ho « mpitantana na mpamory volan'ny Kaominina » ka misitraka noho izany ny tambin-karama amin'ny maha-tompon'andraikitra sy/na ireo tamberim-bola momba ireo vola nampidirina voalazan'ny didim-pitondrana fanendrena. (jereo torolàlana momba ny paikady ara-pitantanam-bolan'ireo Kaominina, paragrafy 4.4). Ny mpitantana vatsim-bola dia tsy azo tendrena ho mpitantana ireo vola miditra. Ireo vola voaangon'ny fitondran-draharaha famoriam-bola dia tsy maintsy arotsaka manontolo amin'ny Mpitan-kaontim-panjakana mahefa ary tsy afaka ampiasaina mba hamatsiana ny kitapombolan'ny vatsim-bola.

Ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefitry ny Lehiben'ny Fokontany dia azo tendrena ihany koa ho « mpanampy ny mpamory vola sy mpitantana ao amin'ny Boriboritanim-panjakana » izay ifangiran'ny Fokontany ka misitraka noho izany tamberim-bola avy amin'ireo vola voaangona ho an'ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (andininy 21 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2009-890 tamin'ny 2 jolay 2009).

II.4 | NY RAFITRA FIKAONAN-DOHA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 15 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Didim-panjakana laharana faha-2015-957 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny rafitra eo an-toerana momba ny fikaonan-doha eo anivon'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

Ny Rafitra eo an-toerana momba ny fikaonan-doha dia sehatra fifampiresahana sy fakan-kevitra ahafahana mampandray anjara feno ireo mpisehatra rehetra amin'ny fampandrosoana na miankina amin'ny Fanjakana izany na tsia. Izy dia manana iraka fakan-kevitra, fampitam-baovao sy fandraisana anjara amin'ny fandrindrana ireo fandraisana andraikitra sy fiaraha-miombon'antoka ho amin'ny fampandrosoana eo an-toerana.

Tsy afaka misolo velively ny Rafitra mpanapaka izy.

Atsangana amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna ny Rafitra eo an-toerana momba ny fikaonan-doha ary nahazoana fanomezan-dàlana avy amin'ny Filankevitra. Ny fanapahan'ny Filankevitra no mametra ny isan'ireo mpikambana hotendrena isaky ny vondrona arakaraka ny habetsahan'ny isan'izy ireo.

II.4.1 Tanjona

Ny rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha dia mikendry indrindra mba :

1. hanorina fifandraisana eo amin'ireo mpisehatra rehetra mba ho fampiroboroboana sy fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana, ny fampandrosoana ifotony sy ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena ;
2. hanome ny fahafahan'ireo mpisehatra ifotony hitondra ny anjara biriky amin'ny fampandrosoana ifotony ;
3. hampandray andraikitra ireo mpisehatra samihafa amin'ny fanatanterahana ireo politikam-panjakana ;
4. hanamafy ny firaisan-kina ara-tsosialy sy ara-kolotsaina mba ho fanehoana ireo filàna sy ny fangatahana mifandray amin'ny fahaiza-mitantana, mifototra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra ;
5. hampiroborobo ny demokrasia ifotony mba ho fanamafisana ny fankatoavana ireo hetsika sy politika tanterahina ;
6. hamoaka hevitra sy tolokevitra mba hamelona ny fizotry ny fandraisana fanapahan-kevitra eo anivon'ny Kaominina.

II.4.2 Firafitra

Ny Rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha dia ahitàna indrindra ireo solontenan'ny :

1. rafitra mpanatanteraky ny Kaominina ;
2. ny rafitra mpanapaky ny Kaominina ;
3. ireo sampan-draharaha teknika anapariaham-pitondrana mitoetra anatin'ny fari-piadidian'ny Kaominina ;
4. ireo mpandraharaha ara-toekarena ;
5. ireo vondron'ny fiaraha-monim-pirenena ;
6. ireo raiaman-dreny sy mpitarika ara-drazana ;
7. ireo antoko sy vondrona ara-politika ifotony ;
8. ireo fikambanam-behivavy, fikambanan'ny tanora sy vondron'olo-marefo ;
9. ireo sehatra fikaonan-doha efa misy.

Ireo mpikambana avy amin'ny tsirairay avy amin'ireo ny vondrona sivy, mivondrona anaty fivoriambe, no manendry ireo solontena anatin'ny Rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha. Mpikambana avy hatrany anatin'ny Rafitra ireo Lehiben'ny Fokontany.

II.4.3 Fanendrena ireo mpikambana

Ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny Rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha dia hamafisina amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna araka ireo tolokevitra avy amin'ny vondrona tsirairay mampitambatra ireo voakasika rehetra.

II.4.4 Fomba fiasa

Ny Rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha dia tarihin'ny Ben'ny Tanàna izay afaka manendry ny iray amin'ireo Lefiny hisolo toerana azy amin'ny fotoana tsy maha-eo azy.

Mivory noho ny fampiantsoana nalefan'ny Filohany izy na noho ny fangatahan'ny ampahatelon'ireo mpikambana farafahakeliny. Azony atao hatrany ny mivory na firy na firy no isan'ny mpikambana manatrika.

Tendren'ny Filoha amin'ny fiandohan'ny fivoriana ny sekretera mpitan-tsoratra mba hanao ny fitànana an-tsoratra izay soniaviny miaraka amin'ny Filoha.

Ny fitànana an-tsoratra dia tsy maintsy ampahafantarina ny besinimaro ary atao peta-drindrina ao amin'ny biraon'ny Kaominina. Andefasana an'izany ny mpikambana tsirairay.

Maimaimpoana ireo asan'ny Rafitra eo an-toerana ho fikaonan-doha. Ny fandaniana ateraky ny fampihodinana azy kosa dia zakain'ny tetibolan'ny Kaominina.

TSARA HO TADIDY

Ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy mampiombona ireo olom-pirenena amin'ireo fanapahan-kevitra mikasika ny fampandrosoana ny Kaominina ho fampiharana ny feni-kevitra momba ny tamberin'andraikitra sy ny fangaraharana ao anatin'ny fitantanana ireo raharaha ifotony.

TOKO

III

Ireo sora-draharahan'ny Kaominina sy ny fanarahamaso azy ireo

Ireo toko teo aloha dia nahafahana mamaritra ireo tandrifim-pahefana atolotra ny Kaominina ary koa ireo anjara raharahan'ny Filankevitra sy ny Ben'ny Tanàna. Ny Filankevitra sy ny Ben'ny Tanàna dia manatontosa ireo anjara raharahan'izy ireo amin'ny alàlan'ny sora-draharaha : fanapahana ho an'ny Filankevitra, didim-pitondrana ho an'ny Ben'ny Tanàna.

III.1 | IREO SORA-DRAHARAHAN'NY FILANKEVITRA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 14, 15 andàlana 2 sy17 ary ireo manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Araka ny andininy 14 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, *"ny Filankevitra no mandamina amin'ny alàlan'ny fanapahany ireo raharaha nankinin'ny lalàna mba hiantsorohany araka ny tandrifim-pahefany"*.

III.1.1 Ny fanoràtana

Ny fanapahan'ny Filankevitra dia ahitàna ireto singa manaraka ireto :

- ny anaran'ny Kaominina sy ny Faritra misy azy ;
- ny laharan'ny fanapahana izay ahitana ny lahara-mifanjohy manomboka amin'ny 1 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny faran'ny taona arahin'ny taona (ohatra : 001/2017) ary ny lohateny (araka ny fomba filaza : anaovana....) ;
- ny isa sy ny anaran'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra tonga nanatrika, tsy nanatrika, nahatonga fialan-tsiny sy nomem-pahefana ;
- ny fitsiahy ny taratasy fanaikàna ;
- ny toerana, daty sy ora anaovana ny fivoriana ;
- ny fizahana fototra ny fetr'isa tratrarina ;
- ny fampahatsiahivana ireo rijan-teny anaovana ny fototra araky ny lalàna ho an'ny fanapahana ;
- ny antonanton'ny fanapahana ;
- ireo fanehoan-kevitra sy tatitra nohenoina ;
- ireo fepetra nankatoavina amin'ny endriky ny andininy ;
- amin'ny andininy farany, ny fanondroana ny rafitra miadidy ny fanatanterahana ;
- ireo vokatry ny latsabato tamin'ny fanapahana ;
- ny sonian'ny Filoha, ny Mpampaka-teny sy ireo mpikambana nanatrika.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA AMBONIVOHITRA/AMBANIVOHITRA .....

FANAPAHANA LAHARANA FAHA- *[lahara-mifanjohy/taona]* anaovana .....

Isan'ireo Mpanolo-tsaina : ..... (...)
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nanatrika : ... (...) :
- Andriamatoa/Ramatoa ..... ;
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika : ... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa ..... ;
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny : ... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa ..... ;
Isan'ireo Mpanolo-tsaina tsy nanatrika sady tsy nahatonga fialan-tsiny : .... (...)
- Andriamatoa/Ramatoa ..... ;
Isan'ireo Mpanolo-tsaina nahazo fanomezam-pahefana : ... (....)
- Andriamatoa/Ramatoa ..... nomen'Andriamatoa/Ramatoa ..... fahefana

Ny ..... *[daty atao an-tsoratra]* tamin'ny ..... ora, ny Filankevitra nivory ara-dalàna noho ny fanaikàna natao'ny Filohan'ny Filankevitra an-taratasy ny vaninandron'ny ..... dia nivory ara-potoana tao amin'ny biraon'ny Kaominina ..... teo ambany fitarihan'Andriamatoa.....
Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna mba hahafahana manapa-kevitra,

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny .....
Araka ny didy tamin'ny ..... navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ..... anaovana famabarana ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra tamin'ny .....

Rehefa hita fa ..... *[antonanton'ny fanapahana]* ;
Rehefa nohenoina ny fanehoan-kevitry ny vaomiera ..... *[vaomiera voakasika]* ;
Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha .....

Ny Filankevitra (kaominaly/monisipaly), rehefa avy nanapaka,

Andininy voalohany - (Mandidy, Mankato Manapaka,...,...) .....

Andininy 2 - .....

Andininy 3 - Mampiandraikitra ny Ben'ny Tanàna ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ..... nanaiky, vato..... nitsipaka sy vato..... fotsy.

Natao tao ....., ny .....

Ny Filohan'ny Filankevitra,	Ny Mpampaka-teny,	Ireo mpikambana,
[Sonia]	*[Sonia]*	*[Sonia]*
[Anarana sy fanampiny]	*[Anarana sy fanampiny]*	*[Anarana sy fanampiny]*

Ny fanapahana tsirairay dia tsy maintsy ahitàna ny sonian'ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny Filankevitra izay nanatrika tamin'ny fotoana nankatoavana azy.

Ny fanapahana dia ampitaina amin'ny Ben'ny Tanàna ka atao sosony telo : ny sosony iray ho peta-drindrina, ny sosony iray hampitaina amin'ny Solontenam-panjakana hanaovana fanarahamaso amin'ny fanarahan-dalàna ary ny sosony iray hasiana fanamarinam-pahitàna ao amin'ny sampan-draharaha miadidy ireo taratasy eo anivon'ny Solontenam-panjakana ary kilasiana anatin'ny fanakilasiana ireo fanapahana.

Averina adika anatin'ny fitànana an-tsoratra ny fivorian'ny Filankevitra ihany koa ireo fanapahana.

Tehirizin'ny Filoha ireo fitànana an-tsoratra ireo fivorian'ny Filankevitra.

III.1.2 Ny firaketana an-tsoratra

Ny rejisitr'ireo fanapahana dia ahitàna ireto zavatra manaraka ireto :

1. ny laharan'ny fanapahana ;
2. ny anton'ny fanapahana ;
3. ny vaninandrom-pankatoavana ;
4. ny vaninandrom-pampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

REJISITR'IREO FANAPAHANA

LAHª	ANTONY	VANINANDROM-PANKATOAVANA	VANINANDROM-PAMPITÀNA
001/.....	Anaovana		
002/.....			
003/.....			
.....	-	-	-

Tsy maintsy atao mifanjohy ny fanomezan-daharana ireo fanapahana ary ny fitànana ny rejisitra dia tsy ahitàna fahadisoana na dia iray aza. Amin'ny fiafaran'ny taona, ny 31 desambra, dia faranana ny rejisitr'ireo fanapahana. Torak'izany, ny rejisitra dia faranana mandritra ny famindram-pahefana eo amin'ny Ben'ny Tanàna miditra sy ny Ben'ny Tanàna mivoaka.

III.2 | IREO SORA-DRAHARAHAN'NY BEN'NY TANÀNA

Ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna dia mety ho tsy mivaly na ifanarahana. Ny sora-draharaha tsy mivaly dia fanehoana ny sitrapon'ny Fanjakana ka izany dia tsy ilaina ny fankatoavana mialohan'ny andefasana. Ny sora-draharaha ifanarahana kosa dia fanehoana ny sitrapo ifaneken'ireo roa tonta anatin'ny fifanarahana. Mety ho manan'endrika didy amam-pitsipika ireo sora-draharaha tsy mivaly (izany hoe natao ho an'ny rehetra sy tsy mifidy olona) na natao ho an'ny tsirairay. Ireo sora-draharaha ifanarahana dia ireo tsena, fifanarahana arak'asa, fifanarahana fanofana, fifanaraham-piantohana, fitrosam-bola, sns. **Ireo sora-draharaha tsy mivaly manana endrika didy amam-pitsipika dia ireo didim-pitondrana sy fanapahan-kevitra.Ireo didim-pitondrana dia raisin'ny Ben'ny Tanàna ao anatin'ny fahefany manokana sy ireo fahefana nampindramin'ny Filankevitra azy mandritra ny fotoana tsy voafetra. Ireo fanapahan-kevitra dia raisiny ho fampiharana ny fanapahan'ny Filankevitra.** Omena laharana mifanjohy tokana ao anatin'ny taona ireo didim-pitondrana sy fanapahan-kevitra.

Araka ireo fepetra mikasika ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna (Jereo 2.2.2. Ny amin'ireo fahefan'ny Ben'ny Tanàna), ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna dia avy amin'ny :

- ireo fahefany manokana ;
- ireo fahefana ampiasainy ao anatin'ny fanomezam-pahefana maharitra avy amin'ny Filankevitra ;
- ireo fahefana ampiasainy ao anatin'ny fanomezam-pahefana voafetra avy amin'ny Filankevitra ;
- ireo fahefana ampiasainy amin'ny anaran'ny Fanjakana.

Ireo sora-draharaha noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Filankevitra dia apetraka eo ambany fanomezan-dàlana mialoha nomena avy amin'ny fanapahan'ny Filankevitra. Mety azo atao tsy voafetra mandritra ny fepotoam-piasana ny fanomezam-pahefana na voafetra ara-potoana mikasika raharaha manokana. Ireo fitsiahy momba ny fanapahana nanome alàlana ny sora-draharaha dia tsy maintsy hita anatin'ireo rijan-teny fitsiahy amin'ny fiandohan'ny didim-pitondrana. Ireo sora-draharaha noho ny fahefana manokan'ny Ben'ny Tanàna na noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Filankevitra dia tsy maintsy anaovan'ny Solontenam-panjakana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna raisiny amin'ny anaran'ny Fanjakana dia apetraka hanaovan'ny Solontenam-panjakana fanarahamaso mivantana, ka izany dia manome azy fahefana hanafoana ny sora-draharaha na handray sora-draharaha amin'ny toeran'ny Ben'ny Tanàna (ohatra rehefa voatohintohina ny fandriampahalemam-bahoaka).

III.2.1 Sora-draharaha tsy mivaly

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 38 sy ireo manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

III.2.1.1 Ny fanoràtana

Ireo sora-draharaha tsy mivaly natao ho an'ny besinimaro, tondroina koa hoe didy amam-pitsipika, dia anehoana ny hetahetan'ny fahefam-panjakana ary mihatra ho an'ny rehetra. Ny sora-draharaha tsy mivaly natao ho an'ny tsirairay kosa dia mihatra amin'ny olona voakasik'izany sora-draharaha izany.

Ny didim-pitondrana na ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy ahitàna ireto singa manaraka ireto :

- ny filamatry ny Repoblika sy ny kasem-panjakana ;
- ny anaran'ny Kaominina sy ny Faritra misy azy ;
- ny laharan'ny didim-pitondrana na ny fanapahan-kevitra izay ahitàna lahara-mifanjohy manomboka amin'ny 1 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taona ka tohizan'ny taona nandraisana azy ireo (ohatra : 001/2017) sy ny lohateniny (araka ny fomba filaza azy : anaovana.....) ;
- ny rijan-teny fitsiahy izay lasitra araka ny lalàna momba ny didy ;
- ny fitsiahy momba ny (na ireo) fanapahana nanome fahefana ny Ben'ny Tanàna handray ny didim-pitondrana (raha toa ka misy izany) ;
- ny fitsiahy ny didim-pitondrana amaritana izany didy izany (raha toa ka misy izany, ohatra ny didim-pitondrana ananganana ny fitondran-draharaha famoriam-bola dia ambara anatin'ny didim-pitondrana anendrena ny mpitantana) ;
- ny antonanton'ny didim-pitondrana ;
- ireo fanehoan-kevitra takian'ny didy amam-pitsipika (raha toa ka misy izany) ;
- ireo fepetra nankatoavina araka ny endrik'ireo andininy ;
- ao amin'ny andininy farany, ny toetoetra tsy maintsy anatanterahana ny didim-pitondrana sy ny fanondroana ny rafitra miadidy ny fanatanterahana azy ;
- ny toerana sy ny vaninandro nanaovan-tsonia ;
- ny sonian'ny Ben'ny Tanàna.

FARITRA .....
KAOMININA .....

DIDIM-PITONDRANA (FANAPAHAN-KEVITRA) LAHARANA FAHA-……../20….
anaovana ……..……..

NY BEN'NY TANANAN'NY KAOMININA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny Lehiben'ny Mpanatanterak'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny didy tamin'ny ……. navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …….. mikasika ny famambarana ireo vokatry ofisialin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra tamin'ny ……..

Araka ny fanapahana …… ;

Araka ny didim-pitondrana ……..

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO (DIA MANAPAKA FA) :

Andininy voalohany - ……..……
……

Andininy 2 - Izao didim-pitondrana izao (izao fanapahan-kevitra izao) dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro (ho an'ireo sora-draharaha ho an'olon-tokana : ny vaninandro nampahafantarahana azy ny voakasika) sy ny fampitàana amin'ny Solontenam-panjakana. Ny ……. (andraikitry ny voakasika) no miadidy ny fampiharana izao didim-pitondrana izao (izao fanapahan-kevitra izao).

Natao tao ……., ny …….

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

III.2.1.2 Ny fanomezan-daharana sy ny fanakilasiana

Atao sosony telo ireo didim-pitondrana sy fanapahan-kevitra : ny sosony iray ho peta-drindrina, ny sosony iray ho fampitàna hanaovana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna any amin'ny Solontenam-panjakana ary ny sosony iray hasiana fanamarinam-pahitàna ao amin'ny sampan-draharaha miadidy ireo taratasy eo anivon'ny Solontenam-panjakana. Aorian'ny fanamarinam-pahitàna ataon'ny sampan-draharaha miadidy ireo taratasy eo anivon'ny Solontenam-panjakana, dia kilasiana araka ny filaharana mifanjohy ireo didim-pitondrana ao anatin'ny fanakilasiana ireo didim-pitondrana ary ireo fanapahan-kevitra dia kilasiana anatin'ny fanakilasiana fanapahana aorian'ny fanapahana izay nanome alàlana azy ireo.

Ny fanomezan-daharana ireo didim-pitondrana sy fanapahan-kevitra dia atao anatin'ny tamba-daharana tokana mifanjohy.

III.2.1.3 Ny firaketana an-tsoratra

Ireo didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna dia raketina an-tsoratra anatin'ny rejisitra izay ahitàna :

1. ny laharan'ny didim-pitondrana ;
2. ny anton'ny didi-mpitondrana ;
3. ny vaninandrom-pankatoavana ;
4. ny vaninandrom-pampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

REJISITR'IREO DIDIM-PITONDRANA

LAH°	ANTONY	VANINANDROM-PANKATOAVANA	VANINANDROM-PAMPITÀNA
001/.....	Anaovana		
002/.....			
003/.....			
.....	-	-	-

Ireo fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna dia raketina an-tsoratra anatin'ny rejisitry ny fanapahana araka ny filaharan'izy ireo.

Amin'ny fiafaran'ny taona, ny 31 desambra, dia tsy maintsy faranana ireo rejisitry ny didim-pitondrana sy rejisitry ny fanapahana ary ny fanapahan-kevitra. Torak'izany koa, ny rejisitra dia faranana mandritra ny famindram-pahefana eo amin'ny Ben'ny Tanàna miditra sy ny Ben'ny Tanàna mivoaka.

III.2.2 Ireo fifanarahana

Mifanohitra amin'ireo sora-draharaha tsy mivaly, ireo fifanarahana dia maneho ny fifaneken'ny roa tonta ao anatin'ny fifanarahana. Mety ho ara-panjakana ireo fifanarahana toy ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana, na ara-barotra, toy ny fifanarahana fanofana anatin'ny tanim-panjakana azo amidy, ny fifanaraham-pamandrihana momba ny fahazoana rano na jiro.

Ireo fifanarahana ataon'ny Kaominina dia mety mahakasika ireo sehatra manaraka ireto ka tsy voafetra izany lisitra izany :

- ireo fifanarahana mikasika ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ;
- ireo fifanarahana mikasika ny fitrosam-bola ;
- ireo fifanarahana mikasika ny fiaraha-miombon'antoka, ny fiaraha-miasan'ireo samy vondrombahoakam-paritra sy ireo fiaraha-miasa anatin'ny fitsinjaram-pahefana ;
- ireo fifanarahana momba ny famoizana na fampanofana, ireo sampan-draharaham-panjakana eo an-toerana manana toetoetra ara-panjakana na manana toetoetra ara-indostria sy ara-barotra ;
- ireo sora-draharaha fifampivarotana, fividianana, fizarana, fifanakalozana, fanomezana sy tolotra ;
- ireo fampanofana ;
- ireo fifanarahana arak'asa ;
- ireo fifanaraham-piantohana ;
- ireo fifanaraham-pamandrihana momba ny fahazoana rano na jiro, sns.

Tsy maintsy nahazoana mialoha ny fankatoavana avy amin'ny fanapahan'ny Filankevitra ireo fifanarahana.

Mety ho fehezin'ny lalàna iombonan'ny besinimaro na ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona ireo fifanarahana. Ireo fifanarahana araka ny lalàna iombonan'ny besinimaro izay tanisain'ny andininy 37 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana, dia tsy maintsy apetraka eo ambany fanarahamaso momba ny fanarahan-dalàna ataon'ny Solontenam-panjakana, indrindra :

- ireo fifanarahana rehetra mikasika ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ;
- ireo fifanarahana mikasika ny fitrosam-bola ;
- ireo fifanarahana sy fanapahan-kevitra momba ny fiaraha-miombon'antoka, ny fiaraha-miasan'ny samy vondrombahoakam-paritra ary ny fiaraha-miasa anatin'ny fitsinjaram-pahefana ;
- ireo fifanarahana momba ny famoizana, fampanofana, ireo sampan-draharaham-panjakana eo an-toerana manana toetoetra ara-panjakana na manana toetoetra ara-indostria sy ara-barotra ;
- ireo sora-draharaha momba ny varotra, ny fizarana, ny fifanakalozana, fanomezana, fanekena fanomezana na tolotra, fividianana, fifampivarotana ary koa ireo fifampiraharaham-barotra na fampanofana mety hisy fiantraikany amin'ny fari-pananan'ny Vondrombahoakam-paritra.

Ireo fifanarahana eo amin'ny samy olon-tsotra dia tsy apetraka eo ambany fanarahamason'ny Solontenam-panjakana. Ireo sora-draharaha ara-panjakana izay nanomezan-dàlana ny fanaovana ny fifanarahana kosa dia apetraka eo ambany fanarahamaso.

III.3 | NY AMIN'NY FAMPITÀNA SY NY FANARAHAMASO IREO SORA-DRAHARAHA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 19 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Andininy 25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014

III.3.1 Ny amin'ny fampitàna

Ireo sora-draharahan'ny mpanatanteraka sy ireo fanapahan'ny Filankevitra dia tsy maintsy ampitain'ny Ben'ny Tanàna amin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna. Tsy maintsy atao avy hatrany ny fampitàna (andininy 25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana) ary na manao ahoana na manao ahoana dia ao anatin'ny fepotoana latsaky ny 30 andro (andininy 17 sy 69 amin'ny lalàna laharan afaha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014). Ny fepotoana fampitàna dia tokony azo hamarinina amin'ireo fepotoana fandefasana.

Ireo mamam-pahefana mpanaramaso dia :

1. ny Prefe ho an'ireo Kaominina renivohitry ny Prefektora ;
2. ny Lehiben'ny Distrika ho an'ireo Kaominina hafa.

NY MOMBA IREO KAOMININA MANANA SATA MANOKANA

Ho an'ny Kaominina Antananarivo, Nosy Be sy Sainte Marie, dia ny *Préfet de Police* no manam-pahefana mpanaramaso.

Eo am-pandraisana ny fanapahan'ny Filankevitra na ny sora-draharahan'ny Mpanatanteraka, ny birao fandraisana ireo taratasin'ny Solontenam-panjakana dia mametraka amin'ny soson'ny sora-draharaha ny kase manamarina ny faharaisana izany. Ny fametrahana kase, izay aseho manaraka eto ny maodeliny, no manamarina ny faharaisana ny fanapahana na ny sora-draharaha ary manaporofo fa ny fanapahana na ny sora-draharaha dia nampitaina tokoa.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PREFEKTORA .....
DISTRIKA .....

Vaninandro nametrahana	
Laharam-piraketana	
Mpasa nandray	
Sonia	

Ireo fanapahana sy sora-draharaha izay nasiana kase manamarina ny faharaisan'ny Solontenam-panjakana azy ireo dia tehirizin'ny sekretera mpandraharahan'ny Kaominina.

Ny fampitàna ireo sora-draharaha sy fanapahana amin'ny Solontenam-panjakana dia **andraikitra tondroin'ny lalàna**. Ny tsy fanatontosana miverimberina an'izany andraikitra fampitàna izany dia anisan'ny anton'ny fanonganana araka ireo fepetra voalazan'ireo andininy 69 sy 258 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014.

Ny fampitàna ireo sora-draharaha dia ahafahana manatontosa ny fanarahamaso ny mampitombina izay ataon'ny Solontenam-panjakana ary misoroka ny fanombohan'ny Kaominina fanatanterahana sora-draharaha tsy mitombina izay mety hiteraka fandaniana ho azy ny fanarenana aoriana (ohatra : ny fangataham-panarenana ataon'ny olon-tsotra iray momba ireo vokatry ny sora-draharaha tsy mitombina).

III.3.2 Ny amin'ny toetoetra mampanankery

Ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana dia **zary fepetra mampanankery ireo sora-draharahan**'ny Kaominina.

Ireo andininy 17, 21 ary 69 andàlana voalohany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 27 septambra 2014 dia manambara fa ireo fanapahan'ny Filankevitra sy ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna dia manankery avy hatrany aorian'ny fampitàna azy ireo amin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana sy ny fampahafantarana ny besinimaro na ny voakasika.

Ireo paikady fampitàna sy fanarahamaso ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna sy ireo fanapahan'ny Filankevitra dia hazavaina lalindalina kokoa anatin'ny torolàlana fampihatra amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ireo sora-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hampiasain'ireo Solontenam-panjakana.

Ny fanatanterahana ny sora-draharaha mialoha ny fampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana dia mahatompon'andraikitra ny Kaominina ary mety hitarika ny fandrotsahana ny fanarenana raha toa izany ka tokony hampiakarin'ny Solontenam-panjakana na toherin'ny olon-kafa manoloana ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana na foanan'ity farany.

TOKO

IV

Fandaminana ireo sampan-draharahan'ny Kaominina

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 34, 113 sy 114 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

IV.1 | RINDRAN-DAMIN'NY KAOMININA

Ny rindran-damina no maneho ny firafitry ny fandaminana ny Kaominina. Ankatoavina amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Kaominina ny rindran-damina.

Ny rindran-damina dia faritan'ireo fepetra entin'ny lalàna laharana faha-2014-020 ary arafitra mifototra amin'ireo fandaharan'asa, lahasa ary asa aman'andraikitra anatin'ny tetibola fandaharan'asa (Jereo torolàlana momba ny paikady ara-tetibolan'ireo Kaominina, Toko 2 mikasika ny fanomanana ny tetibola fandaharan'asa).

Ny firafitry ny rindran-damina dia tsy maintsy miantoka ny fanatanterahana mahomby ireo lahasa sy ny fanatratrarana ireo tanjon'ireo fandaharan'asa ara-tetibola.

Ny rindran-damina dia manavaka ireo sampan-draharaha fototra : fitantanam-bola, fandraharahana ankapobe, fitantanan ny mpiasa, fampitaovana avondrona ao anatin'ny fandaharan'asa « fandraharahana sy fandrindrana« ary ireo raharaha momba ny mponina dia avondroana anatin'ny fandaharan'asa « fampandrosoana ara-toe-karena sy sosialy« na, ho an'ireo Kaominina lehibe, zaraina amin'ireo fandaharan'asa isan-tsehatra maromaro. Ny irak'ireo raharaha ho an'ny mponina dia ny hanome ireo mponina ireo fotodrafitr'asa sy raharaham-panjakana voalazan'ny drafitra fampandrosona ny Kaominina izay drafitra fakan-tahaka ho an'ireo fandaharan'asa ara-tetibola. Ny irak'ireo sampan-draharaha fototra dia ny manetsika ireo otrikarena (momba ny mpiasa, ny fitaovana sy ny fitantanam-bola) ilaina ho fampandehanana ireo raharaha ilain'ny mponina. Ny firafitra sy ny isan'ireo toerana tondroina anatin'ny rindran-damina dia miankina mivantana amin'ny firafitr'ireo fandaharan'asa sy lahasa hotanterahina.

Ny rindran-damina dia mampiavaka ny mpanatanteraky ny Kaominina : ny Ben'ny Tanàna ary noho ny fanomezam-pahefan'ny Ben'ny Tanàna, ireo Lefiny, sy, eo ambany fifehezan'ny Sekretera Jeneraly, ireo sampan-draharahan'ny Kaominina.

Ny rindran-damina dia volavolain'ny Ben'ny Tanàna, miaraka amin'ireo Lefiny sy ireo sampan-draharahan'ny Kaominina, sy iadian-kevitra miaraka amin'ny Filankevitra, ka izany dia mifototra amin'ny paikadin'ny Kaominina izay hamaritra ireo fandaharan'asa ara-tetibola mandritra ny faharetan'ny fepotoam-piasana manontolo. Ny rindran-damina dia apetraka eo ambany fankatoavan'ny Filankevitra.

FIRAFITRY NY RINDRAN-DAMIN'NY KAOMININA



** Araka ny fetra voatondron'ny fanomezam-pahefana. Ireo Lefitra dia mifandray amin'ny Sekretera Jeneraly fa tsy mifandray na oviana na oviana amin'ireo Foibem-pitondrana.*

IV.2 | TABILAON'ISA

Ny tabilaon'isa no mamaritra ho an'ny tsirairay avy amin'ireo toerana anatin'ny rindran-damina, ny anaran'ny toerana, ny isan'ireo toerana, ny sampan-draharaha iankinany, na sokajin'ny asa, ny sata, ny isan'ireo toerana sokafana anatin'ny tetibola, ny isan'ireo toerana misokatra hofenoina. Ny tabilaon'isa dia ampiasaina ho an'ny fitantanana mitsinjo lavitra ny isa araka ny tetibola sy ho fanomanana ny tabilaon'isa ara-tetibola atovana amin'ny tetibola fiandohana. (Jereo torolàlana momba ny paikady ara-tetibola).

		MAODELIN'NY TABILAON'ISA				
ANARAN'NY TOERANA	**ISAN'IREO EFA MITÀNA TOERANA**	**FIRAFITRA/SAMPAN-DRAHARAHA**	**SOKAJIN'NY ASA**	**SATA**	**TOERANA MISOKATRA**	**TOERANA HOFENOINA**
Sekretera Jeneraly	1	Sekretaria Jeneraly				
Tale Teknika	1	Foibem-pitondrana ara-Teknika				
Lehiben'ny Sampan-draharahan'ny Fikojakojana	1	Sampan-draharaha Fikojakojana				
Mpiasa mpikojakoja	2	Sampan-draharaha Fikojakojana				

Mety misy isa maromaro raisina hiasa amin'ny anaran'ny toerana iray mitovy lenta.

TSARA HO TADIDY

Ny tabilaon'isa dia tsy maintsy soratana am-pirindrana anatin'ny rindran-damina nankatoavina. Ny rindran-damina nankatoavina dia tsy maintsy soratana am-pirindrana anatin'ny lasitry ny tetibolan'ny taom-pikatrohan'ny Kaominina. Ireo toerana hofenoina na malalaka dia tsy voatery fenoina indray mandeha. Anjaran'ny Kaominina tsirairay ny mandanjalanja ny laharampahamehany anatin'ny fanendrena ireo mpiara-miasa.

IV.3 | IREO TAKILAN'ASA

Arakaraky ny rindran-damina ary mialoha ny hanaovana ireo fandraisana, ny Kaominina dia tsy maintsy manambara ny tsirairay avy amin'ireo asa misy amin'ny alàlan'ny takila fanambaran'asa. Ny takilan'asa dia mamaritra ho an'ny asa tsirairay avy anatin'ny Kaominina : ny fanondroana ny asa, ny iraka, ny toerana iasana, ny toerana arak'asa (ny lehibe sy ireo eo ambany fifehezana), ny fifandraisana arak'asa (anatiny ao anatin'ny fandraharahan'ny Kaominina, ivelany), ireo lahasa na anjara andraikitra, ny mombamomba ny mpiasa (fiofanana, fahaiza-manao, fahafaha-manao), ireo mason-tsivana fanombanana.

MAODELIN'NY TAKILAN'ASA

FANONDROANA	
ANARAN'NY TOERANA	**Mpikojakoja**
IRAKA	Manatanteraka ireo anjara andraikitra mifandraika amin'ny fahadiovan'ny Kaominina
TOERAM-PIASANA	Faritry ny Kaominina
TOERANA ARAK'ASA	Lehibe : Tale Teknika
	Ambany fifehezana : tsy misy
ASA/RAHARAHA	Manao ny fanesorana ireo fako sy manatitra izany any amin'ny fanariam-pako Manadio ny làlana anatin'ny Kaominina Manaisotra ireo zavatra manelingelina sy mibahan-toerana Manatontosa ireo asa fibatabatana samihafa Manatontosa ireo fanarenana madinika momba ireo fananan'ny Kaominina
FIFANDRAISANA ARAK'ASA	Anatiny : Mpiasa amin'ny faritry ny fanariam-pakon'ny Kaominina Mpiasa eo anivon'ny trano fiasana
	Ivelany : Ireo mpisitraka ny fanangonana sy ny fanesorana ireo fako Ireo mpiara-miombon'antoka ho amin'ny fanesorana sy ny fitehirizana ireo fako
FEPETRA TAKIANA	
FIOFANANA	Ambaratonga voalohany
FAHAIZANA	Tsy misy
FAHAIZA-MANAO	Mahay mamaky teny sy manoratra Manaraka ireo toromarika mikasika ny fahadiovana Manaraka ireo toromarika omen'ny lehibe
MASON-TSIVANA FANOMBANANA	Fahadiovan'ny faritry ny Kaominina Fahamarinam-potoana, fahazotoana Fanajana ireo toromarika

Mialoha ny fandraisana mpiasa, ny takilan'asa no fototra ahafahana mamaritra ireo mason-tsivana tena mifandraika indrindra mikasika ny fandraisana ny olona tena tandrify ny asa.

Aorian'ny fandraisana, ny takilan'asa no manondro amin'nympiasa ny toerana misy azy anatin'ny an-tànan-tohatra ao amin'ny Kaominina, ireo sampan-draharaha sy mpiasa izay iarahany miasa ao anatiny sy ivelan'ny fitantanana ny Kaominina, ny iraka ankapobe sahaniny ary koa ireo anjara andraikitra hotontosainy, ireo mason-tsivana izay hanombanana azy.

TSARA HO TADIDY

Ny rindran-damin'ny Kaominina dia atao arakaraky ny fandaharan'asan'ny Kaominina ho fampandrosoana ireo raharaham-panjakana ary voafetran'ny fahafahana ara-tetibola sy ara-pitantanam-bola. Ireo asa voatondro dia tsy maintsy mitondra ny anjara biriky amin'ny fanatratrarana ny tanjona iray na maromaro voatondro ho an'ny fitantanana ny Kaominina.

IV.4 | FITSIPIKA ANATINY IFAMPIFEHEZANA

Ny fitsipika anatiny ifampifehezana no mamaritra ireo fitsipika mikasika ny fandaminana anatiny ny asan'ny Kaominina. Izany dia ahitàna indrindra ny ora fiasana, ireo andraikitra sy fandrarana mihatra amin'ny mpiasa, ny fitsipika izay manery azy ireo ary koa ireo mety ho sazy raha tsy voahaja izany fitsipika izany. Natao ihany koa izy mba hifehezana ireo fifandraisana arak'asa eo amin'ny Kaominina sy ny mpiasa mba hahafahan'ny mpiasa tsirairay manatanteraka ireo asa izay nankinina taminy.

Ny Kaominina tsirairay dia malalaka ny amin'ny fampidirana anatin'ny fitsipika anatiny ireo singa heveriny ho ilaina rehefa mifanaraka aminy lalàna sy ny didy amam-pitsipika ifehezana ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny lalàna mifehy ny asa izany. Noho izany, ny fitsipika anatiny ifampifehezana dia ahitàna :

- ireo fepetra momba ny fahadiovana sy ny fahatomombanan'ireo fepetra momba ny asa ;
- ireo fepetra fitantanana ireo fotoam-pialan-tsasatra sy fahazoan-dàlana hanapaka asa ;
- ireo fitaovana hoenti-miasa,....

Manan-danja tokoa ny fahafantaran'ireo mpiasan'ny Kaominina izany. Moramora kokoa izany raha toa ka niadian-kevitra ny famolavolana azy.

Tsy maintsy ampahafantarina nympiasan'ny Kaominina rehetra izany fitsipika anatiny ifampifehezana izany ary atolotra mialoha ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana arak'asa isaky ny fandraisana mpiasa tsirairay. Ampaha-fantarina ny besinimaro amin'ny takelaka ho an'ny peta-drindrin'ny Kaominina ihany koa ny fitsipika anatiny ifampifehezana miaraka amin'ireo sora-draharaha hafa nataon'ny Ben'ny Tanàna.

Ampanankerezina amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna ny fitsipika anatiny ifampifehezana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-...../.....
anaovana fitsipika anatiny ifampifehezana fampihatra ao amin'ny Kaominina .....

NY BEN'NY TANANAN'NY KAOMININA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny sata ankapobe ifehezana ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra ;

Araka ny lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 10 jona 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016,mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2017 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany entin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny Lehiben'ny Mpanatanterak'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny didy tamin'ny ..... navoakan'ny Fitsarana mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ..... mikasika ny famambarana ara-pomba ofisialy ireo vokatry ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra tamin'ny .....

Araka ny filàn'ny asa,

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

ANTONY

Andininy voalohany - Izao didim-pitondrana izao dia natao mba hioantohana ny fanatanterahana tsy misy tomika ny asa, ny fitsipika ary koa ny fahadiovana sy ny filaminan'ireo mpiasa ao anatin'ireo sampan-draharahan'ny Kaominina.

Mihatra amin'ireo mpiasa tsy misy ankanavaka izy.

I. NY AMIN'IREO ORA FIASANA

Andininy 2 -Toy izao manaraka izao ny ora fiasana : alatsinainy hatramin'ny zoma amin'ny ..... ora hatramin'ny ..... ora ny maraina ary amin'ny ..... ora hatramin'ny ..... ora ny tolakandro.

Andininy 3 - Ny mpiasa dia tsy maintsy hita eo amin'ny toeram-piasany mandritra ireo ora fiasana ary tsy misy mahazo mandao ny toeram-piasany mialoha ny ora voatondro raha tsy nahazo fanomezan-dàlana azo hamarinina amvy amin'ny lehibeny mivantana.

Andininy 4 - Raha toa ka tsy maintsy ihoarana ny fepotoana mahazatra iasana mba hamahana olana maika na hanatontosana fanampin'asa efa voalahatra hotontosaina, ny Ben'ny Tanàna na ny Sekretera Jeneraly dia mandray naoty fampahafantarana ny mpiara-miasa rehetra ny anton'ny fanalavana sy ireo ora fiasana vaovao naterak'izany.

Andininy 5 - Tsy maintsy mampahafantatra ny ora ahatongavany sy ialany anatin'ny kahie sokafana manokana momba izany eo am-pidirana ireo mpiasa.

Andininy 6 - Voarara tanteraka, raha tsy izany ampiharana sazy, ny manondro fidirana sy firavana, amin'ny toeran'olon-kafa.

Andininy 7 - Ireo mpiasa tara fidirana dia tsy maintsy miseho avy hatrany amin'ny mpiasa misahana ny fanondroana ny ora fidirana ary mampahafantatra ny antony nahatara azy ireo ary izany dia raketina anatin'ny kahie fanaovan-tsonia.

Torak'izany ihany koa no atao raha toa ka misy mpiasa mandao ny toeram-piasana mialoha ny ora mahazatra voatondro ho amin'izany..

II. NY AMIN'IREO ADIDIN'NY MPIASA

Andininy 8 - Ny mpiasa dia tsy maintsy manaraka tsy misy tomika ireo baiko anatin'ny toeram-piasana, ireo fanondroana sy toromarika izay omen'ny lehibeny azy, amin'ny alàlan'ny fampahafantarana mivantana na ny peta-drindrina.

Andininy 9 - Ankoatra ireo tranga noho ny antony tsy azo anoharana, dia tsy misy mpiasa na dia iray aza afaka mibanga amin'ny asa kanefa tsy nahazo alàlana avy amin'ny lehibeny mivantana anondroana ny antony tsy fahafahana.

Andininy 10 - Ankoatra ny antony ara-pahasalamana, ny mpiasa rehetra izay, aorian'ny 72 ora ka tsy nampahafantatra ny antony tsy nahatongavany miasa, dia heverina ho toy ny nanao fandaozana tsy ara-dalàna ny toeram-piasana izay heverina ho toy ny fahotana bevava mety mitarika fandroahana avy hatrany.

Andininy 11 - Ny mpiasa marary dia tsy maintsy, anatin'ny 72 ora farafahabetsany, mahatonga ny taratasy fanamarinana avy amin'ny mpitsabo mamambara ny toe-pahsasalamany sy manondro ny fepotoana heverina ho tsy ahafaha-miasa. Azon'ny Kaominina atao ny mampanao fanarahamaso ny toe-pahasalaman'ny mpiasa voakasika.

Andininy 12 - Tsy maintsy mitandrina ny fahatanam-bava ny mpiasa indrindra ny amin'izay lahasa rehetra mahakasika ny Vondrombahoakam-paritra. Tsy maintsy tandrovany fatratra ny tsiambaratelon'ny asa ary tsy azony atao ny mamoaka antontan-taratasy na dikamitovy, safy na taratasy fanamarinana isan-tokony.

Andininy 13 - Voarara tanteraka ho an'ny mpiasa rehetra ny mampiasa ny Vondrombahoakam-paritra mba hampiroboroboana na hihazonana ireo tombontsoa ara-toekarena manokana (tombontsoa mifanohitra), ny manao mamo na midoroka zavamahadomelina ao anatin'ny toeram-piasana, ny mampiditra entam-barotra hamidy na hotehirizina, ny matory mandritra ny fotoam-piasana, ny mandray vola avy amin'ireo mpila raharaha na mpamatsy ny Vondrombahoakam-paritra, ny mampiasa tsy nahazoana alàlana mialoha ireo fitaovana izay tsy natao hampiasainy, ny mandray mpamangy na fivoriana manokana ao amin'ny toeram-piasana, ny manaratsy ny sarin'ny Vondrombahoakam-paritra, ny manangan'ady anatin'ny toeram-piasana, ny manao fitafy tsy mendrika entina miasa, ny manao na mampanao zavatra mety hitarika korontana eo anivon'ny samy mpiasa, ny manao teny mifanohitra amin'ny soatoavina, ny manao asa hafa ankoatra izay asa nankinina na ny manova ireo fepetra fanatanterahana ny asa raha tsy nahazoan-dàlana manokana izany.

Tsy voafetra izany fitanisana izany, ny Sekretera Jeneraly sy ny Ben'ny Tanàna dia afaka mandray ireo fepetra hafa rehetra izay heveriny ho ilaina ho fampandehanana ireo raharahan'ny Kaominina.

III. NY AMIN'IREO FAHADISOANA SY SAZY

Andininy 14 - Ivelan'ireo sazy voalazan'ny lalàna manankery, ny Mpanatanteraky ny Kaominina dia afaka mampihatra ireo sazy ara-pitsipi-pitondran-tena notanisaina teo ambony raha toa ka misy Fahadisoana natao tao anatin'ireo raharahan'ny Kaominina.

Andininy 15 - Ireo sazy ara-pitsipi-pitondran-tena dia misy karazany roa :

a. ireo sazy dingana voalohany :

- ny fampitandremana am-bava ;
- ny fampitandramana an-tsoratra ;
- ny faniniana;

b. ireo sazy dingana faharoa :

- ny fandroahana voafetra ho iray (1) hatramin'ny telo (3) andro ;
- ny fandroahana voafetra ho efatra (4) hatramin'ny valo (8) andro ;
- ny fandroahana miampy fampilazana mialoha izay ferana ho telo volana ;
- ny fandroahana tsy mila fampilazana mialoha na tambin-karama rehefa fahadisoana bevava no nataon'ny mpiasa, ka hajaina amin'izany ny fanombanan'ny fitsarana mahefa.

Andininy 16 - Ireo sazy dingana voalohany dia tononin'ny Ben'ny Tanàna na ny Sekretera Jeneraly.

Ireo sazy faharoa dia tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefan'ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana sy ny Ben'ny Tanàna.

Andininy 17.-Ny paikady momba ny fitsipi-pifehezana dia miantomboka amin'ny fangataham-panazavana an-tsoratra alefan'ny lehibe mivantana na ny Sekretera Jeneraly amin'ny mpiasa.

Andininy 18 - Raha toa ka misy fahadisoana bevava nataon'ny mpiasa iray, na tsy fahatontosana ireo adidiny arak'asa izany na fandikan-dalàna fehezin'ny lalàna iombonan'ny daholobe, ny nanao izany fahadisoana izany dia ataon'ny Ben'ny Tanàna avy hatrany mandram-piandry ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana. Izany fampiatoana izany dia mandrara ny voakasika tsy hiditra ao amin'ny biraon'ny Kaominina ary manapaka ny karamany.

Andininy 19 - Ireo fampitandremana an-tsoratra dia ampiharina amin'ny mpiasa amin'ireto tranga voatanisa manaraka ireto :

- fahatarana matetika amin'ny asa na fahabangana latsaky ny telo andro tsy voaporofo amin'ny toeram-piasana ;
- fanatanterahana tsy zarizary ny asa (fahatarana tamin'ny fanatanterahana ny asa, fanapahana niniana natao ny fanatanterahana ny asa) ;
- fandikana ny fitsipi-pifehezana, ny hatsaram-piaina, na ny fitsipiky ny fahadiovana (fimamoana, ady na savorovoro eo amin'ny toeram-piasana, sns) ;
- tabataba na fanakorontanana misakana ny hafa tsy hiasa.

Andininy 20 - Ny fandroahana vonjimaika dia ampiharina raha toa ka mitranga ny iray amin'ireo fahadisoana voatanisa etsy ambony, noho ny zavamisy, ka mety hihombo ary koa raha toa ny mpiasa izay efa nahazo fampitandremana an-tsoratra ka manao fahadisoana ahazoan-tsazy mitovy anatin'ny herintaona.

Andininy 21 - Ny fandroahana, misy fampilazana mialoha sy tambin-karama na tsia, dia azo tononina amin'irteto tranga manaraka ireto :

- raha toa ny mpiasa ka efa nahazo fampitandremana an-tsoratra roa tao anatin'ny iray volana ary mbola nanao fahadisoana vaovao indray izay mendrika sazy mitovy ;
- raha toa ny mpiasa izay noroahina anatin'ny fotoana voafetra ka nanao fahadisoana vaovao izay iharan-tsazy mitovy tao anatin'ny iray volana ;
- raha toa ny mpiasa ka nanao ny iray amin'ireto fahadisoana tanisaina manaraka ireto :
  - ny fandaozana ny asa tsy ombam-porofo : fahabangana tsy omban'antony, miverimberina na maharitra telo andro farafahakeliny, fanalavana tsy voaporofo ny fialan-tsasatra andraisan-karama ;
  - fanompana, fandrahonana, sotasota, fahavetavetana eo imason'ny mpampiasa, ireo mpiasa hafa ao amin'ny Kaominina, na ny olona hafa rehetra teo am-panatanterahana ny asa na mandritra ireo fotoam-piasana ;
  - tsy fanaraham-baiko ombam-porofo : fandavana hanatanteraka asa nodidiana, hanaiky ireo baiko nomen'ny tompon'andraikitra mivantan'ny Kaominina ao anatin'ny asa tandrify mahazatra ;
  - famporisihina ireo mpiara-miasa hafa hanao fikomiana ;
  - fangalarana na fanararaotam-pitokisana ivelan'ny fikatsahana ny tombontsoan'ny Kaominina, ny mpiara-belona na ireo mpiara-miasa hafa (ankoatra ireo sazy famaizana voatondro ho amin'izany tranga izany) ;
  - fanodikodinana vola ivelan'ny tombontsoan'ny Kaominina (ankoatra ireo sazy famaizana voatondro ho amin'izany tranga izany) ;
  - fampitàna amin'ny olon-kafa angom-baovao voatondro ho tsiambaratelo ;
  - fanodikodinana entana, fitaovana, fananan'ny Kaominina na fampiasana azy ireo ho an'ny tena manokana ;
  - fanoratana teny mamoafady amin'ireo fitaovana na fanana-mifakan'ny Kaominina ;
  - fanomezana na fandraisana tsolotra ;
  - fanimbàna iniana atao ny fitaovana iray ;
  - fandikana ireo fitsipika momba ny filaminana.

Tsy voafetra izany fitanisana izany. Ny Sekretera Jeneraly, ny Ben'ny Tanàna sy ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana dia afaka manombana ny haben'ny fahadisoana natao sy ireo sazy hampiharina.

IV. NY AMIN'NY FILANKEVITRA MOMBA NY FITSIPI-PIFEHEZANA

Andininy 22 - Ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana dia ahitàna :
- ny Ben'ny Tanàna na ny iray amin'ireo Lefiny, Filoha ;
- ny Sekretera Jeneraly, mpikambana ;
- ny tompon'andraikitry ny fitantanana ny mpiasa, mpikambana ;
- solontenan'ny mpiasa roa, mpikambana.

Fidian'ny fivoriamben'ny mpiasan'ny Kaominina ireo solontenan'ny mpiasa.
Misy mpitan-tsoratra manatrika ny fivoriana, izay tsy manana fahafahana manapaka.
Ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana dia manapaka amin'ny alàlan'ny fanapahan-kevitra momba ireo sazy ara-pitsipi-pitondran-tena dingana faharoa.

Andininy 23 - Ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana dia ampanantsoin'ny Filohany.

Andininy 24 - Mandritra ny fotoana anaovana ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana, ny Filoha dia mampahatsiahy ireo fahadisoana anamelohana ny mpiasa voakasika izay afaka mitondra ny fiarovan-tenany.

Anaovana fitànana an-tsoratra ny fivoriana.

Andininy 25 - Amin'ny fiafaran'ny fivorian'ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana, dia misintona ireo mpikambana mba hanapa-kevitra ary dia ambara ny fanapahan-kevitra noraisina taorian'ny fanapahana.
Raha toa ka misy fitoviana eo amin'ny isam-bato, dia any an'ny Filoha no raisina.

Andininy 26 - Raha toa ka misy singa ahafahana manao fizahana fototra tsaratsara kokoa ny raharaha amperiny izay hita fa ilain'ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana, dia azo atao ny manome ny fanapahan-kevitra farany ao aoriana.

Andininy 27 - Azo toherina hatrany manoloana ny Fitsarana momba ny Asa ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana.

V. FAHADIOVANA SY FILAMINANA

Andininy 28 - Ireo mpiasan'ny Kaominina dia tsy maintsy manaraka ireo fenitra ankapobe momba ny fahadiovana sy ny filaminana. Tsy maintsy tandrovan'izy ireo indrindra ny fahadiovan'ny vatana sy ny akanjo rehefa hiasa..
Ireo biraon'ny Kaominina sy ireo trano hafa miaraka aminy toy ny toeram-pivoahana dia tsy maintsy avela madio tanteraka, aorian'ny nampiasana azy.
Tsy azon'ny mpiasa atao ny manao hetsika mety hanohintohina ny filaminan'ireo toeram-piasan'ny Kaominina.
Ny loza na sampona rehetra, na manao ahoana na manao ahoana hasarotany, izay mitranga mandritra ireo ora fiasana, dia tsy maintsy ampahafantarina ny tompon'andraikitry ny mpiasa.

VI. FISOLOANTENA NY MPIASA

Andininy 29 - Raha toa ny Kaominina ka manana mpiasa mihoatra ny 11, dia fidiana ny delegen'ny mpiasa izay hiantoka ireo tombontsoa mifandraika amin'ny fisoloantenan ny mpiasa, araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 153 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa.

VII. FEPETRA SAMIHAFA

Andininy 30 - Hofaritana amin'ny alàlan'ny naoty ireo fombafomba fampiharana izao didim-pitondrana izao, raha toa ka ilaina izany.

Andininy 31 - Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin'izao didim-pitondrana izao.

Andininy 32 - Mihatra ay hatrany izao didim-pitondrana izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro, nambara ary nampitaina amin'ny Solontenam-panjakana hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Natao tao……, ny ……

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TOKO

V

Ny Sekretaria ara-pandraharahana

V.1 | NY FANORATANA IREO TARATASY ARA-PANJAKANA

V.1.1 Fepetra ankapobe

Ireo taratasy ara-panjakana dia tsy maintsy maneho ny fanomezam-boninahitra, ny tsy fiandaniana, ny fahazavana, ny fahatsorana sy ny fanajana.

Ny taratasy ara-panjakana dia tsy maintsy manaja ireto fitsipika fanolorana manaraka ireto :

- ny kasem-panjakana miaraka amin'ny teny filamatry ny Repoblika, eo ambony amin'ny afovoany ;
- ny fanondroana ny anaran'ny Faritra sy ny Kaominina, amin'ny ambony amin'ny havia ;
- ny toerana sy ny daty, amin'ny ambony sy havanana ;
- ny olona mpandefa ny taratasy ny ny titra ary ny adiresin'ny andefasana, eo ambony amin'ny havanana, eo ambanin'ny toerana sy ny daty ;
- ny laharan'ny taratasy ;
- ny anton'ny taratasy ;
- ny fitsiahy ireo taratasy valiana sy/na ny fitsiahy ny antontan-taratasy voakasika ;
- ny mombamomba ny andefasana (ohatra : Ramatoa, Andriamatoa, Andriamatoa Minisitra,sns) ;
- ny vontoatin'ny taratasy voarafitra ho paragrafy isaky ny hevi-dehibe na hevitra ;
- ny fomba filaza fanehoam-panajana (ohatra, Raiso, Andriamatoa ....., ny haja ambony indrindra atolotro anao, Raiso, Andriamatoa ..... ny veloma ombam-pirarian-tsoa atolotro anao) ;
- ny sonia, ny anarana sy ny momba ny mpanao sonia ;
- ny fitanisana ireo taratasy ampiarahina ;
- ny fitanisana ireo andefasana dikamitovy.

V.1.2 Fitsipika momba ny fanomezan-daharana ny taratasy

Ny fanomezan-daharana ny taratasy dia ahitàna :

- ny laharana mifanjohy manomboka ny 001 ny 1 janoary amin'ny taona ;
- ny fanondroana ny sokajin'ny Kaominina CU (ho an'ny Kaominina ambonivohitra) na CR (ho an'ny Kaominina ambanivohitra) sy ny fanafohezana ny anaran'ny Kaominina (ohatra : CUA Kaominina ambonivohitra Antananarivo, CRTV Kaominina ambanivohitra Talata Volonondry) ;
- ny fanondroana ireo fanafohezana ny antanan-tohatryny sampan-draharaha mpandefa (ohatra : SG/DAF hoan'ny Sekretaria Jeneraly/Foibem-pitondrana miadidy ny Fandraharahana sy ny Fitantanam-bola) ;
- ny taona diavina.

OHATRA :

LAH°100/CUM/SG/DAF/2017 hoan'ny taratasy alefan'ny kaominina ambonivohitra Mahajanga izay nomanin'ny Foibem-pitondrana momba ny fandraharahana sy bny fitantanam-bola.

MAODELIN'NY TARATASIN'NY BEN'NY TANÀNA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....
Foibem-pitondrana .....
Sampan-draharaha .....

LAH°.....

[Toeran'ny Kaominina], ny .....

Ny Ben'ny Tanàna

hoan'

Andriamatoa .....

- Antananarivo -

Antony : .....

Fitsiahy : Taratasy laharana faha- ..... tamin'ny .....
Antontan-taratasy .....

Tompoko,

.....,

Raiso, Andriamatoa ....., ny haja ambony atolotro anao.

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Taratasy ampiarahina : .....
Dika mitovy alefa amin' .....

Ny taratasy dia soniavina, na ny Ben'ny Tanàna, na ny Lefiny iray raha ao anatin'ny fanomezam-pahefana neken'ny Ben'ny Tanàna, na ny mpiasan'ny Kaominina iray ao anatin'ny fanomezam-pahefana hanao sonia avy amin'ny Ben'ny Tanàna.

V.2 | NY FITANTANANA IREO TARATASY MIDITRA NA MIVOAKA

Ny Kaominina dia mandefa na mandray taratasy ao anatin'ireo fifandraisany amin'ny mpiara-belona sy ny Fanjakana.

V.2.1 Taratasy miditra

Amin'ny fahatongavan'ny taratasy, ny Sekretaria dia :

- manoratra amin'izany ny daty nahatongavany sy ny laharana mifanjohy nahatongavany ;
- mirakitra an-tsoratra anatin'ny rejisitry ny fampidirana ireo taratasy : ny laharam-piraketana an-tsoratra, ny daty nahatongavana, ny anarana sy adiresin'ny mpandefa, ny anton'ny taratasy ;
- mampita amin'ny Ben'ny Tanàna mba hovakiana.

Aorian'ny toromariky ny Ben'ny Tanàna, ny Sekretaria dia mirakitra an-tsoratra anatin'ny rejisitry ny fampidirana taratasy ny sampan-draharaha voatondro hisahana ny fikirakirana ny taratasy ary mampita ho azy izany taratasy izany.

Aorian'ny fikirakirana ny taratasy, ny sampan-draharaha voatondro hikirakira ny taratasy dia mampita ny valin-taratasy amin'ny Sekretaria mba hatolotra hosoniavin'ny Ben'ny Tanàna.Aorian'ny sonian'ny Ben'ny Tanàna, dia raketin'ny Sekeretaria an-tsoratra anatin'ny rejisitry ny taratasy halefa ny taratasy ary manoratra anaty rejisitry ny taratasy tonga ny laharana sy ny datin'ny valin-taratasy.

Ny fizahana ny tsanganana farany amin'ny rejisitry ny taratasy tonga dia ahafahan'ny sekretaria miantoka ny fikirakirana ny taratasy ary manaitra ny sampan-draharaha nampiandraiketina ny famaliana ny taratasy izay tsy nisy valiny.

MAODELIN'NY REJISITRY NY TARATASY TONGA						
LAHARAM-PIRAKETANA	DATY NAHATON-GAVAN'NY TARATASY	LAHARANA SY DATIN'NY TARATASY	LAHARANA SY ADIRESIN'NY MPANDEFA	ANTONY	SAMPAN-DRAHARAHA MIADIDY NY FIKIRAKIRANA	LAHARANA SY DATIN'NY VALIN-TARATASY

Ny Ben'ny Tanàna dia manondro mivantana ny toromarika amin'ny taratasy ny sampan-draharaha andefasana sy ireo toromarika ho fikirakirana ny antontan-taratasy.

Azo alefa amin'ny sampan-draharaha maro ny taratasy iray, ny iray ho valiana ary ny iray ho fampahafantarana.

Ny Ben'ny Tanàna dia afaka manome toromarika mba handefasan'ny sekretera ny taratasy mivantana amin'ny sampan-draharaha andefasana raha toa ireo taratasy sasantsasany ka tsy mila toromarika manokana avy amin'ny Ben'ny Tanàna.

Ho an'ireo Kaominina manana ny fahafaha-manao, ny sekretaria dia afaka mametraka agrafy isaky ny taratasy ny takila izay ahafahan'ny Ben'ny Tanàna manondro ny sampan-draharaha miadidy ny fikirakirana, ny sampan-draharaha andefasana ho fampahafantarana ary ireo toromarika ho amin'ny fikirakirana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

KAOMININA .....

Daty nahatongavana : .....
Laharam-piraketana : .....
Ho amin'ny tohiny : *[sampan-draharaha]* .....
Ho fampahafantarana : *[sampan-draharaha]* .....
Toromariky ny Ben'ny Tanàna : .....

[Rangopohin'ny Ben'ny Tanàna]

Rehefa vita ny famakiana nataon'ny Ben'ny Tanàna, ireo taratasy dia zaraina amin'ireo andefasana azy araka ireo fanondroana nataon'ny Ben'ny Tanàna.

Ny fampitàna anatiny dia arahina amin'ny kahie ataon'ny andefasana sonia :

MAODELIN'NY KAHIE FAMPITÀNA ANATINY			
DATY FAMPITÀNA	**LAHARAM-PIRAKETANA**	**ANDEFASANA**	**SONIA**

V.2.2 Làlan'ny taratasy alefa

Ireo taratasy omanin'ny sampan-draharaha dia apetraka ao amin'ny sekretaria izay manao ny famakiana azy ireo indray mialoha ny handefasana azy hosoniavin'ny Ben'ny Tanàna na ny olona voatondro amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana nomem-pahefana na hanao sonia.

Aorian'ny fanaovan-tsonia ireo taratasy, ny sekretaria dia manisy ny fitomboka ilaina (fitomboka boriborin'ny Kaominina, fitomboky ny Ben'ny Tanàna), manome azy ireo laharana miantomboka amin'ny tamba-daharana mifanjohy manomboka amin'ny 1 ny 1 janoary, manisy daty ary mirakitra an-tsoratra azy ireo anatin'ny rejisitr'ireo taratasy nalefa.

MAODELIN'NY REJISITR'IREO TARATASY ALEFA			
LAHARAM-PIRAKETANA	DATY NANDEFASANA	ANTONY	LAHARANA SY ADIRESIN'NY ANDEFASANA

Ireo valin-taratasy dia raketina an-tsoratra ihany koa anatin'ny rejisitry ny taratasy voaray mba hiantohana ny fizohiana ireo taratasy.

Ireo taratasy dia raketin'ny sekretaria an-tsoratra anatin'ny kahie fampitàna vita sonian'ny andefasana teo ampaharaisana.

Ankoatra ireo taratasy tsiambaratelo izay tsy maintsy atao anaty valopy ahitàna ny fitomboka boriborin'ny Kaominina sy ny soratra hoe « tsiambaratelo » , dia tsy misy fitsipika manery ny Kaominina hampiasa valopy ho an'ireo taratasy halefa.

Azo atolotra toy izao manaraka izao ny kahie fampitàna ivelany :

MAODELIN'NY KAHIE FAMPITÀNA IVELANY			
DATY NANDEFASANA	LAHARAM-PIRAKETANA	ANDEFASANA	SONIA

Amin'ny 31 desambra amin'ny taona, ireo rejisitry ny taratasy dia faranana ary misy fanomezan-daharana vaovao manomboka ny 1 janoary amin'ny taona manaraka. Mbola azo ampiasaina hatrany ny rejisitra hatramin'ny pejy farany.

V.3 | FANAKILASIANA

Ny sekretaria mpandraharaha no misahana ny fanakilasiana :

- ireo didim-pitondrana rehetra noraisin'ny Ben'ny Tanàna ahitàna ny fanamarinam-paharaisana nomen'ny biraon'ny taratasy ao amin'ny Solontenam-panjakana mandritra ny fampitàna hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;
- ireo fanapahan'ny Filankevitra rehetra ahitàna ny fanamarinam-paharaisana nomen'ny biraon'ny taratasy ao amin'ny Solontenam-panjakana mandritra ny fampitàna hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;
- ireo taratasy rehetra nalefan'ny Kaominina na ny vita sonian'ny Ben'ny Tanàna na ny nomeny fahefana ;
- ireo rejisitra rehetra : didim-pitondrana, fanapahana, taratasy miditra, taratasy nalefa sy ireo kahie fampitàna ;
- ireo firaketan-kevitra ankapobe rehetra ananan'ny Kaominina.

Kilasiana mitokana ireo taratasy tsiambaratelo.

Ny sekretaria dia mametaka amin'ireo fanakilasiana antontan-taratasy ireo fanondroana mazava arakaraka ny ao anatin'izy ireo mba hanamorana ny fikarohana ireo antontan-taratasy tadiavina raha toa ka misy ilaina izany.

TOKO

VI | Fitantanana ny mpiasa

Ny fehi-kevitra dia apetraky ny andininy 34 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 sepambra 2014 : *« **Ny Ben'ny Tanàna no lehiben'ireo sampan-draharaha natsangana sy vatsian'ny Kaominina vola. Izy no lehiben'ireo sampan-draharaha apetraky ny Fanjakana hotantanany**. Ho amin'izany, izy no manao ny fandraisana mpiasa ilaina ho fampandehanana ireo sampan-draharaha ary manendry amin'ireo asa maharitra rehetra nankatoavin'ny Filankevitra ».*

Ireo andininy 15 sy 16 amin'ny didim-pitondrana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 dia manamafy fa ny Ben'ny Tanàna no Lehiben'ny Fitondran-draharaha eo anivon'ny Kaominina ary noho izany, dia izy no mampihatra ny fahefana isan'ambaratonga amin'ireo mpiasa ka miantoka ny fitantanana ny mpiasa.

Ny Ben'ny Tanàna no manomana sy manolotra ny rindran-damin'ny Kaominina amin'ny Filankevitra izay mankato izany amin'ny alàlan'ny fanapahana. Raha vantany vao nankatoavina ny rindran-damina, ny Ben'ny Tanàna dia manao ny fandraisana ireo mpiasan'ny Kaominina.

VI.1 | SOKAJIN'IREO MPIASAN'NY KAOMININA

Ny mpiasan'ny Kaominina dia mety hahitàna :

1. mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa ;
2. mpiasam-panjakana tsy tena raikitra fehezin'ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny sata ankapoben'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra ;
3. mpiasa noraisina noho ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa.

VI.1.1 Ny amin'ireo mpiasam-panjakana raikitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana sata ankapoben'ireo mpiasam-panjakana

Ireo mpiasam-panjakana raikitra dia mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa noho ny fangatahan'ny Kaominina.

Araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 67 amin'ny lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana sata ankapoben'ireo mpiasam-panjakana, ny fifindran'asa dia ny toeran'ny mpiasam-panjakana ampiasain'ny fitondran-daharaha hafa ankoatra ny fitondran-draharaha nihaviany.

Anatin'izany toerana izany, ny mpiasam-panjakana dia mitohy misitraka hatrany ireo zony amin'ny fandrosoana arak'asa sy ny fisotroan-dronono ao anatin'ny firaisan-draharaha nihaviany kanefa dia iharan'ny fitambaran'ireo fitsipika ifehezana ny asa izay tanterahiny vokatry ny fifindran'asa.

Ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia afaka misitraka ny karama omen'ny fitondran-draharaha nihaviany raha toa ny karaman'ny asa sahaniny eo anivon'ny Kaominina ka ambany noho ny karamany anatin'ny fitondran-draharaha nihaviany. Mifanohitra amin'izany kosa, raha toa ny karaman'ny asa sahaniny eo anivon'ny Kaominina ka mihoatra ny karama omen'ny fitondran-draharaha nihaviany, ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia afaka misitraka ny karama izay omen'ny fitondran-draharaha nihaviany ampiana ny famenon-karama aloan'ny tetibolan'ny Kaominina izay mitovy amin'ny elanelana eo amin'ireo karama roa.

Tsy fehezin'ny fifanarahana arak'asa ireo mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa, izy ireo dia mitoetra anatin'ny voalazan'ny sata sy ny didy amam-pitsipika raha mitaha amin'ny Kaominina. Noho ny sora-draharaha nanekena ny fifindran'asa, dia tendrena amin'ny asany izy ireo amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna. Amin'ny fanafoanana izany didim-pitondrana izany, dia miverina amin'ny fitondran-draharaha nihaviany izy ireo.

VI.1.2 Ny amin'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny sata ankapoben'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra

Ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra dia ireo mpiasa noraisin'ny Kaominina noho ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994. Izy ireo dia mitoetra anatin'izay voalazan'ny fifanarahana raha mitaha amin'ny Kaominina.

Na dia izany aza anefa, ny savaranonandon'ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 dia milaza fa ny toeran'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra dia tsy maintsy manokana sy voafetra ara-potoana ao anatin'ny asam-panjakana. Noho izany, dia mety kokoa ny mandray mpiasan'ny Kaominina amin'ny alàlan'ny fifanarahana fehezin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa.

Ireo mpiasa noraisina teo ambanin'ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 dia fehezin'izany lalàna izany ambarapahataperan'ny fifanarahan'izy ireo.

Ny karaman'ny mpiasam-panjakana tsy tena raikitra dia ferana anatin'ny fifanarahany. Izy dia isitraka ihany koa ireo tombontsoa omena ireo mpiasan'ny Kaominina izay manatontosa andraikitra mitovy.

VI.1.3 Ireo mpiasa noraisina araka ny Fehezan-dalàna momba ny Asa

Noho ny maha-manokana sy voafetra ara-potoana ny mpiasam-panjakana tsy tena raikitra, dia tsy maintsy mandray mpiasa amin'ny alàlan'ny fifanarahana arak'asa fehezin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa. Ny fampiharana ny Fehezan-dalàna momba ny Asa dia mametraka fitsipika tsotra sy mirindra momba ny fitantanana ireo mpiasan'ny Kaominina.

Ny fandraisana mpiasa dia manaja ny rindran-damina sy ny tabilaon'isan'ny mpiasa. Tsy misy fandraisana mpiasa azo atao raha toa ka tsy voatondro anatin'ny rindran-damina sy voasoratra anatin'ny tetibola ny asa tandrify.

Atao peta-drindrina ao amin'ny biraon'ny Kaominina ny fiantsoana mpifaninana ho amin'ny toerana hofenoina. Ambaran'izany ny anaran'ny asa, ny mombamomba ny olona ilaina, ny fetra farany fametrahana ny fangatahan'asa ary koa ireo antontan-taratasy foronin'ny mpifaninana.

1. Ny amin'ireo paikady fandraisana mpiasa

Amin'ny fiafaran'ny vaninandro noferana handraisana ireo firotsahana ho mpifaninana, ny Ben'ny Tanàna sy ny tompon'andraikitry ny fitantanana ny mpiasa dia manao ny fanombanana ireo firotsahana hifaninana ka avahana amin'izany ireo tsy mifanaraka amin'ireo fepetra takiana (antontan-taratasy tsy feno, mombamomba ny mpifaninana tsy mifanaraka,...).

Ireo mpifaninana voatazona amin'ny fiafaran'ny dingana voalohany dia hampanantsoin'ny Ben'ny Tanàna hanao dinidinika.

Raha ahitam-pahombiazana ny dinidinika, ny Ben'ny Tanàna dia manolotra volavolam-pifanarahana arak'asa soratana araka ny maodely etsy ambany. Ny fifanarahana dia atao sosony roa ka soniavin'ny roa tonta ary atolotra ny Solontenam-panjakana hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

2. Ny amin'ny fifanarahana arak'asa

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa

Ny fifanarahana arak'asa dia tsy maintsy mampiseho indrindra :

- ny anarana sy fanampiny ;
- ny asa sy ny toerana sahanina ;
- ny fepotoana sy ireo fombafomba fanavaozana ny fifanarahana ;
- ny karama ;
- ireo fombafomba ny fialan-tsasatra, ny aretina na ny loza amperin'asa ;
- ireo fombafomba famaranana ny fifanarahana ;
- ireo fepetra mikasika ny fiahiana sy ny fisotroan-dronono.

Tsara raha atovana amin'ny fifanarahana arak'asa ny takilan'asan'ny mpiasa izay mamaritra indrindra ny iraka sahaniny, ny toerany amin'ny ambaratonga sy ny fifandraisana arak'asa, ireo anjara raharahany (na asany), ireo fitaovana ilainy amin'ny asany sy ireo masontsivana fanombanana ny zavabitany.

Ny fifanarahana arak'asa dia mety ho voafetra ara-potoana na tsia. Ny fifanarahana voafetra ara-potoana dia azo atao anatin'ny fepotoana 6 ka hatramin'ny 24 volana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

FIFANARAHANA ARAK'ASA

Eo amin'ireo manao sonia etsy ambany, ny Kaominina ……, soloin'Andriamatoa/Ramatoa …… …… tena
Ben'ny Tanànan'ny Kaominina,

amin'ny andaniny,

sy
Andriamatoa/Ramatoa …… monina ao ……..……
Teraka tao ……..…… ny ……..……
Tompon'ny karapanondrom-pirenena laharana faha- …… nomena ny ……..…… tao …….
Monina ao …….
Ary tondroina manaraka eto toy ny tompon'izao fifanarahana izao,

amin'ny ankilany,

Dia notapahana sy nifanarahana miaraka izao manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY
FEPETRA ANKAPOBE

Ny tompon'izao fifanarahana izao dia ampiasain'ny Kaominina ao …….. mba hisahana ny asa ……., araka ny toerana……..

ANDININY 2
FAHARETAN'NY FIFANARAHANA

Izao fifanarahana izao dia atao ho amin'ny fepotoana voafetra ho (isan'ny volana) miantomboka amin'ny vaninandro anaovan-sonia azy, ka misy fepotoana fanandramana telo volana.

[Raha toa ny fifanarahana ka atao anatin'ny fepotoana tsy voafetra, dia soratana toy izao manaraka izao : Izao fifanarahana izao dia atao ho amin'ny fepotoana tsy voafetra. Hajaina ny fepotoana fanandramana telo volana izay havaozina indray mandeha].

ANDININY 3
KARAMA

Ny tompon'izao fifanarahana izao dia mandray miantomboka ny vaninandro andraisany ny asany, mandritra ny fepotoana aharetan'ny fifanarahany :

a) karama isam-bolana …… ka alaina amin'izany ny vola tazonina ho an'ny Tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy (CNAPS) ary kajiana avy amin'ny mari-karama ..... araka ny ambaratongan'ny karaman'ny Kaominina.

b) ireo vola fandoa ho an'ny fianakaviana izay voatondron'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa.

d) ireto tambin-karama manaraka ireto : :

- Tambin-karama momba ny …….
- Tambin-karama momba ny …….
- Tambin-karama momba ny …….

Ny fandoavana ireo valin-kasasarana voalazan'izao andininy izao dia miato avy hatrany raha toa ny tompon'izao fifanarahana izao izay mibanga amin'ny toeram-piasany ka izany dia mandritra ny fotoana tsy nahateo azy. Ny karama ihany koa dia miato aorian'ny fampiatona ho fitehirizana ny fifanarahan'asa taorian'ny fahatsapana fahadisoana bevava nataon'ny mpiasa sy ny fampahafantarana izany ny voakasika araka ireo paikady voatondron'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa.

ANDININY 4
FIALAN-TSASATRA

Mandritra ny faharetan'ny fifanarahana, ny tompon'izao fifanarahana izao dia misitraka ho an'ny taom-piasana iray tontosa fialan-tsasatra telopolo andro izay andraisan-karama araka ny voalazan'ny andininy 3 amin'izao fifanarahana izao.

Raha toa ny faharetan'ny fifanarahana ka latsaky ny taona iray, ny mpiasa dia misitraka fialan-tsasatra kajiana ho roa andro sy tapany isam-bolana iasana. Torak'izany koa ho an'ireo fepotoana iasana atao mihoatra ny taona iray. Ny faharetan'ny fialan-tsasatra omena dia kajiana noho izany arakaraka ny fepotona niasana hatramin'ny fiafaran'ny fifanarahana.

Ny fialan-tsasatra dia tsy azo soloina tambin-karama fanonerana. Na dia izany aza anefa, raha misy fahatapahan'ny fifanarahana, ankoatra ny fametraham-pialan'ny mpiasa mialoha ny fiafaran'ny fifanarahana, ny tompon'ny fifanarahana dia omena tambin-karama amin'ny toeran'ny fialan-tsasatra ka izany dia kajiana noho ireo zo nositrahina mitaha amin'ny fotoam-piasana nohefaina (Jereo Andininy 90 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa).

ANDININY 5
ARETINA NA LOZA

Mandritra ny faharetan'ny fifanarahana, ny tompon'ny fifanarahana dia hiantohan'ny Kaominina eo anivon'ny Tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy.

Ny tompon'ny fifanarahana dia misitraka ny fanonerana ireo saram-pandaniana noho ireo fitsaboana sy fanafody nilaina tamin'ny fitsaboana ny marary ka izany dia hatramin'ny dimampolo isanjato (50% ireo fandaniana natao araka ireo fetra sy fombafomba ferana amin'ny fanapahan'ny Filankevitra.

Raha toa ka misy loza amperin'asa na aretina noho ny asa, ny tompon'izao fifanarahana izao dia misitraka ny fanarenana izay faritana araka ireo fepetra entin'ny didy amam-pitsipika fampihatra amin'ireo mpiasa iharan'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa, ka izany dia iantsorohan'ny Kaominina na momba ny tsy fahafaha-miasa na ny tsy fahafaha-miasa maharitra izay naterak'izany.

ANDININY 6
FANAVAOZANA NY FIFANARAHANA

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy azo atao famerenana samirery ny fanavaozana ny fifanarahana.

Araka ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa, ny Kaominina dia tsy maintsy mampahafantatra ny tompon'izao fifanarahana izao ny faniriany hanavao na tsia ny fifanarahana farafahakeliny ao anatin'ny roa volana mialoha ny fiafarana voatondro anatin'izao fifanarahana izao.

Raha toa ka iriny ny fanavaozana indray ny fifanarahana, ny mpiasa dia mandefa amin'ny Kaominina fangatahana an-tsoratra izay tokony homeny an-tànana ny Sekretera Jeneraly ao anatin'ny fepotoana folo andro aorian'ny fandraisana ny fampahafantarana.

Ny Kaominina dia hanome ny valin-teniny ao anatin'ny fepotoana folo andro miantomboka ny vaninandro niraketana an-tsoratra ny taratasy fangataham-panavaozana an-tsoratra nataon'ny mpiasa.

Raha toa ka misy fandikàna izao fepetra izao, dia misy tambin-karama harotsaka amin'ny ankilany avy amin'ny andaniny tsy nahatontosa, ka izany dia mitovy amin'ny karama sy tombontsoa amin'ny karazany avy izay tokony nositrahin'ny tompon'izao fifanarahana izao mandritra ny fepotoanan'ny fampilazana mialoha tsy voahaja.

Aorian'ireo izay mety ho fikaonan-doha amin'ny vontoatiny (fepotoana, toerana, anjara raharaha sy andraikitra, karama, ...), ny fanavaozana ny fifanarahana dia atao manaraka ny endriky ny fifanarahana fiandohana.

ANDININY 7
FAMPIATOANA NY FIFANARAHANA

Haato izao fifanarahana izao amin'ireo tranga voalazan'ireo andininy 13 hatramin'ny 15 anatin'ny Sokajy 2 amin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa.

ANDININY 8
FANAPAHANA NY FIFANARAHANA

Ireo andininy 16 hatramin'ny 30 anatin'ny Sokajy 3 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa no mamaritra ireo fombafomba sy andraikitr'ireo roa tonta raha toa ka misy fanapahana ny fifanarahana arak'asa.

Azo atao ny manapaka izao fifanarahana izao noho ny fanirian'ny iray amin'ireo roa tonta, indrindra :

a) raha toa ka misy fandroahana ny tompony ;

b) raha toa ka misy fametraham-pialan'ny tompony ;

c) raha toa ka misy fahadisoana bevava voatondron'ny fitsipika anatiny ary notsarain'ny Fitsarana momba ny Asa ;

d) raha toa ka misy fifanarahana eo amin'ny Kaominina sy ny tompony ;

e) raha toa ka misy tranga tsy azo ivalozana voazaha fototra.

Izao fifanarahana izao dia faranana avy hatrany tsy misy fampilazana mialoha na tambin-karama noho ny fanapahana :

a) raha toa ka aorian'ny fanekena sy fanaovan-tsonia izao fifanarahana izao, ny tompony dia tsy nandray ny asany taorian'ny fanerena voalohany nataon'ny Kaominina ;

b) noho ireo fahadisoana bevava hafa rehetra, ankoatra ny fanadihadian'ny fitsarana mahefa mikasika ny havesatry ny fahadisoana.

Ny fifanarahana dia hofaranana miaraka amin'ny fampilazana mialoha na tambin-karama noho ny fanapahana :

a) rehefa ny tompon'izao fifanarahana izao no nihemotra tamin'ny asany eo ampanatanterahana ny fifanarahana ;

b) raha toa ka taorian'ny aretina na loza, ny tompon'izao fifanarahana izao ka tsy afaka miverina intsony amin'ny asany ;

c) ao anatin'ny fandroahana tsy ombanantony noho ny fahadisoana bevava.

ANDININY 9
FAMPILAZANA MIALOHA

Ny faharetan'ny fampilazana mialoha dia ferana ho roa volana. Raha toa ka misy tambin-karama noho ny fanapahana harotsaka eo amin'ny toeran'ny fampilazana mialoha, izany tambin-karama izany dia kajiana araka ireo fepetra eken'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa sy ireo rijan-teny fampiharana amin'izany.

ANDININY 10
ANDRAIKITRA HITAZONA NY TSIAMBARATELO

Ny tompon'izao fifanarahana izao dia manaiky tsy hamboraka na hampiasa manokana ireo angom-baovao heverina ho tsiambaratelo madritra na amin'ny fiafaran'ny fepotoana fanatanterahany ny fifanarahana.

ANDININY 11
FITSARANA MAHEFA

Ny fanoherana rehetra mikasika ny fanatanterahana izao fifanarahana izao dia haravona aloha eo anivon'ny Fisafoan-draharaha momba ny Asa mahefa ary ampitaina avy eo amin'ny Fitsarana momba ny Asa na ny Fitsarana mahefa faritan'ny didy amam-pitsipika manan-kery.

ANDININY 12
FISOTROAN-DRONONO

Ny tompon'izao fifanarahana izao dia misitraka ny rafi-pitsipika momba ny fisotroan-dronono atolotry ny tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy.

Natao tao ……., ny ……

Sonian'ny tompon'izao fifanarahana izao
ialohavan'ny filazana *«Novakiana sy nekena»*

Sonian'ny Ben'ny Tanàna

VI.1.4 Ny amin'ny fiafaran'ny fifanarahana

Ireo fombafomba famaranana ny fifanarahana dia miankina amin'ny fepetra araka ny lalàna ifehezana ny fifanarahana : lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa na lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 anaovana sata ankapobe momba ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra.

Ny fiafaran'ny fifanarahana arak'asa dia miseho amin'ireto tranga manaraka ireto :

- amin'ny fiafaran'ny fifanarahana voafetra ara-potoana ;
- fandroahana ny mpiasa : fanapahana tanteraka ny fifanarahana arak'asa, na inona na inon antony ;
- fametraham-pialan'ny mpiasa amin'ny alàlan'ny taratasy alefa amin'ny Ben'ny Tanàna ;
- fifanarahana teo amin'ny Kaominina sy ny tompony ;
- tranga tsy azo nivalozana faritan'ny Fitsarana momba ny Asa.

1. Momba ny fifanarahana voafetra ara-potoana :

Araka ny andininy 17 amin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny fifidianana, ny fifanarahana voafetra ara-potoana dia tsy azon'ny iray amin'ny roa tonta faranana alohan'ny fepotoana voatondro, ankoatra ireo tranga voalazan'ny fifanarahana sy amin'ireo tranga momba ny fahadisoana bevava voalazan'ny fitsipika anatiny na, raha tsy misy izany, avela amin'ny famaritan'ny Fitsarana momba ny Asa.

Raha toa ka misy fanapahana mialoha ny fifanarahana arak'asa, ny fepotoana momba ny fampilazana mialoha dia azo ferana anatin'ny fianarahana arak'asa ho telo volana farafahabetsany. Raha toa ka misy fahadisoana bevava, dia azo atao ny manapaka ny fifanarahana tsy misy fampilazana mialoha.

2. Mombany fifanarahana tsy voafetra ara-potoana :

Araka ny andininy 18 amin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa, ny fifanarahana tsy voafetra ara-potoana dia azo faranana noho ny fanirian'ny iray amin'ny roa tonta. Raha toa ka misy fahadisoana bevava, dia azo faranana tsy mila fampilazana mialoha ny fifanarahana tsy voafetra ara-potoana.

Ankoatra izany, ny fanapahana fifanarahana tsy voafetra ara-potoana rehetra ka tsy nohajaina tanteraka ny fepotoana fampilazana mialoha, dia manery ny tompon'andraikitry ny fanapahana handrotsaka amin'ny ankilany tambiny fanonerana. Ny tentin'ny tambiny dia mitovy amin'ny tentiny karama sy ireo tombontsoa izay tokony noraisin'ny mpiasa mandritra ny fepotoana tsy nanatanterahana ny fampilazana mialoha.

TSARA HO TADIDY

Ho an'ny fanapahana fifanarahana arak'asa rehetra, ny fampilazana mialoha dia miantomboka amin'ny vaninandro naharaisana ny taratasy fandroahana na fametraham-pialana nataon'ny mpiasa voakasika.

Ny fanapahana tsy omban'antony ny fifanarahana arak'asa rehetra dia manokatra ny zo hisitraka fanonerana izay apetraka hofaritan'ny Fitsarana momba ny Asa.

3. Momba ny fanapahana ny fifanarahana arak'asa taorian'ny paikady momba ny fitsipi-pihefezana :

Ho an'ny trangan'ny fandroahana notapahin'ny Kaominina noho ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana.

Ny fandroahana dia tsy maintsy ampahafantarina an-tsoratra. Ny mpiasa voaroaka dia misitraka, amin'ny vaninandro andehanany :

- ny hanisisan'ny karamany ;
- ny tambin-karama fanonerana ny fialan-tsasatra ;
- ny tambin-karama noho ny fampilazana mialoha, ankoatra ny tranga momba ny fahadisoana bevava ;
- sy ny fanomezana taratasy fanamarinam-piasana.

Ny Kaominina dia tsy maintsy manome ireo zo ireo eo am-pitsaharana amin'ny asa. Ny mpiasa voaroaka kosa dia tsy maintsy manao ny famindram-pahefana mialoha ny handaozany tanteraka ny Kaominina.

4. Momba ireo mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa :

Ho an'ireo mpiasam-panjakana apetraka anatin'ny fifindran'asa eo anivon'ny Kaominina, ny paikady momba ny fitsipi-pitondran-tena arahina dia izay voatondron'ny lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana Sata ankapobe momba ny mpiasam-panjakana (andininy 52 hatramin'ny 56 amin'ny Toko IIII) na ireo rijan-teny manokana ifehezana ny firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana voakasika.

Ankoatra ny tranga mifandraika amin'ny fitsipi-pifehezana, ny Ben'ny Tanàna, amin'ny fotoana rehetra, dia afaka mamarana ny fifindran'asan'ny mpiasam-panjakana iray eo anivon'ny Kaominina. Tsy maintsy ampahafantariny antsoratra ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa izany miaraka amin'ny dikamitovy alefa amin'ny Fitondran-draharaha nihaviany, ary hajaina ny fampilazana mialoha roa volana.

Amin'ny fiafaran'ny fifanarahany amin'ny Kaominina, ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia haverina indray tsy misy fepetra ary anatin'ny fotoana faran'izay tratra ny firaisan-draharaha nihaviany.

VI.2 | FITANTANANA NY FIVOARANA ARAK'ASA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa

Ny mpiasa tsirairay ao amin'ny Kaominina dia tsy maintsy manana antontan-taratasy voakilasy sy vita fanavaozana isan'andro eo anivon'ny Sekretaria Jeneralin'ny Kaominina. Ny antontan-taratasy tsirairay dia ahitana ireo rakikevitra mikasika ny fiainana arak'asa sy ireo zava-nitranga teo amin'ny fivoarana arak'asan'ny mpiasa : fifanarahana arak'asa, fanomezan-dàlana hanapaka ny asa, fanomezan-dàlana hiala sasatra, antontan-taratasy momba ny fahasalamana, takila fanombanana sy fanomezan'isa isan-taona, taratasy fanamarinana ny fandraisana (indray) ny asa, taratasy fanamarinana ny fandraisana anjara tamin'ny fampiofanana, sora-draharaha mifandraika amin'ny karama sy ny fivoarana arak'asa, sns.

Ny fanovàna rehetra nitranga mandritra ny asan'ny mpiasa dia ampidirina anatin'ny antontan-taratasy. Ny antontan-taratasin'ny mpiasa tsirairay dia tsy maintsy kilasiana anatin'ny baoritra fanakilasiana ahitàna ny anarana sy fanampin'anaran'ny mpiasa eo amin'ny fonony.

VI.2.1 Fanombanana sy fanomezan'isa

Ny Ben'ny Tanàna no mpampiasa, izy no miadidy miaraka amin'ny Sekretera Jeneraly ny fitantanana ny mpiasa. Ny Ben'ny Tanàna no manana ny fahefana hanome isa ireo mpiasa aorian'ny fanombanana nataon'ny lehiben'izy ireo mivantana na nataony mivantana arakaraka ny haben'ny Kaominina. Ny fanimbanana ireo mpiasan'ny Kaominina rehetra dia tanterahina isan-taona ka izany dia mifototra amin'ireo mason-tsivana efa nofaritana mialoha : ny fomba fandraisana, ny fahazotoana, ny fahamarinam-potoana, ny fanajana ny lehibe, ny hatsaran'ny asa natao, ny fanajana ny fitsipika anatiny, ny fanajana ireo paikady sy didy amam-pitsipika manankery anatin'ny fanatanterahana ny asa, ny fanajana ny maha-tompon'andraikitra.

Ny fanomezan'isa ny mpiasa tsirairay dia faranan'ny Ben'ny Tanàna, avy amin'ny takila fanombanana sy fanomezan'isa isan-taona fenoin'ny lehiben'ny mpiasa tombanana mivantana.

Izany takila izany dia hofenoin'ny lehibe mivantana araka ny maodely fanomezan'isa manakery eo anivon'ny Kaominina ary aorian'ny dinidinika anaovam-panombanana eo amin'ny roa tonta voakasika (ny lehibe mivantana sy ny mpiasa tombanana). Ny fanomezan'isa atolotry ny lehibe mivantana dia apetraka ambany fankatoavan'ny Ben'ny Tanàna.

Azony ahitsy izany isa izany aorian'ny fampiantsoana na tsia ireo roa tonta mba hanomezam-panazavana misimisy kokoa.

Ny fisondrotan'ny karama dia miankina amin'ny vokatry ny fanombanana isan-taona.

Ny takila fanombanana sy fanomezan'isa isan-taona dia harotsaka ao amin'ny antontan-taratasy manokan'ny mpiasa tsirairay.

Ny tompon'andraikitry ny mpiasan'ny Kaominina no :

- mandamina, eo ambany fahefan'ny Ben'ny Tanàna, ny fomba arahina momba ny fanombanana ny mpiasan isan-taona (fandaminana ny dinidinika, fandefasana sy fanazavana ireo tohana, famerana ny fepotoana, fanangonana ireo takila nofenoina) ;
- manamarina ireo takila fanombanana isan-taona ny mpiasa ;

- mandray ireo mpiasa tsy manaiky ireo vokatry ny fanombanana ary mandamina ny fihaonana famahan'olana miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna ;
- manakilasy ireo takila anatin'ny antontan-taratasin'ny mpiasa.

Atolotra eto ambany ny maodelin'ny takila fanombanana sy fanomezan'isa :

MAODELIN'NY TAKILA FANOMBANANA SY FANOMEZAN'ISA ISAN-TAONA

I. FANONDROANA NY MPIASA :

Anarana	:	.....
Fanampiny	:	.....
Daty nandraisana niasa	:	.....
Fanondroana ny toerana sahanina	:	.....
Faharetana tanatin'ny toerana sahanina	:	.....
Satan'ny mpiasa	:	.....
Lehibe mivantana	:	.....
Datin'ny fanombanana farany	:	.....

II. FILAZALAZANA IREO ASA :

[Lazao amin'ny antsipirihany anatin'izao ireo asa tena sahanin'ny mpiasa tombanana]

III. AMBARATONGAM-PANOMBANANA :

		1	2	3	4	5
1	Hatsaran'ny asa natao					
2	Fitandremana nentina tamin'ny fanatanterahana ny asa					
3	Faharetana teo amin'ny toeram-piasana					
4	Fahaizana manatanteraka ireo toromarika					
5	Fahavitrihana eo amin'ny asa					
6	Fahamarinam-potoana					
7	Fanajana ny antanan-tohatra					
8	Fanajana ny fitsipika anatin'ireo sampan-draharaha					
9	Hatsaran'ny fandraisana ireo mpanjifa					
10	Fahaiza-mandamina ny asa					
11	Fifandraisana amin'ireo mpiasa hafa					
12	Fifandraisana amin'ny lehibe					
13	Fahatanam-bava amin'ny fanatanterahana ireo asa					
14	Fanajana ny fepotoana fanatanterahana ireo asa					
15	Fahavitrihana amin'ny fanatanterahana ireo asa					
16	Fahaiza-miasa araka ny zavamisy					
17	Fahaizana miasa miaraka					
18	Lentan'ny fahafehezana ireo asa ankinina					
19	Lentan'ny maha-tompon'andraikitra					
20	Fahaizana amin'ny fifehezana ireo teknolojia vaovao					
21	Fahaizana mizaka tena amin'ny fanatanterahana ny asa					
22	Fahaizana mitsinjo ny hoavy					
	FITAMBARAN'IREO ISA AZO					

Mason-tsivana fanombanana : 1 : tsy azo ekena mihitsy / 2 : tsy mahafa-po
3 : azo ekena / 4 : mahafapo / 5 : tsy misy tomika

Ny tsy fampiharana mason-tsivana iray dia midika fa tsy ampiharina amin'ny mpiasa tombanana izany.

IV. IREO HERY ANANANA SY TEBOKA MILA HATSARAINA :

[Atao anatin'izao ireo toetoetran'ny mpiasa heverina ho tsy manan-tsahala ary koa ireo teboka izay mila fanatsarana ho amin'ny hoavy]

V. FILÀNA MOMBA NY FAMPIOFANANA :

[Ampidirina anatin'izao ireo fahaizana izay heverina fa ilain'ny mpiasa fanamafisana ary koa ny karazan'ny fampiofanana mifanaraka (fampiofanana fanatsarana fohy, fampiofanana ahazoana mari-pahaizana, fitarihana/ fianarana,...)]

VI. FANOMBANANA ANKAPOBE :

Avy amin'ny lehibe mivantana :

……
……

Avy amin'ny Ben'ny Tanàna :

……
……

Fanamarinam-pitoviana avy amin'ny tompon'andraikitry ny mpiasa :

VII. FANOMEZAN'ISA FARANY AVY AMIN'NY BEN'NY TANÀNA :

[Eo anelanelan'ny isa 1 hatramin'ny 20, arakaraka ny isa ankapobe azo]

1-6 : ratsy
7-9 : tsy ampy
10-12 : eo ho eo
13-15 : tsara
16-17 : tena tsara
18 sy mihoatra : tsy manan-tsahala

Natao tao ……, ny ……

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

VI.2.2 Fialan-tsasatra

Araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 86 amin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa, ny mpiasan'ny Kaominina dia mahazo fialan-tsasatra andoavan-karama izay zakain'ny mpampiasa, ka roa andro sy tapany isam-bolana niasana izany. Ny andininy 88 dia mametra fa ny zo hisitraka ny fialan-tsasatra dia omena aorian'ny roa ambiny folo (12) volana tena niasana. Aorian'izany fepotoana izany, ny mpiasa dia afaka mangataka ny hanomezana azy ny didy momba ny fialan-tsasatra vita sonian'ny Ben'ny Tanàna.

Atao isaky ny mpiasa ny takila fizohiana ny filan-tsasatra ary havaozin'ny tompon'andraikitry ny mpiasa matetika. Izany dia manambara :

- ny mombamomba ny mpiasa sy ny asa sahaniny ;
- ny fitambaran'isan'ny fialan-tsasatra ananany ;
- ny isan'ireo andro fialan-tsasatra angatahina ;
- ny isan'ireo andro fialan-tsasatra sisa ananana ;
- ny andro andehanana sy iverenana avy amin'ny fialan-tsasatra.

Ny fanekena fialan-tsasatra rehetra omena ny mpiasa iray dia tsy maintsy soratana anatin'ny takila fizohiana ireo fialan-tsasatra atao amin'ny anarany.

Ankoatra ny takila fizohana ireo fialan-tsasatra, ny fitànana rejisitry ny fialan-tsasatra dia tokony hatao mba hananana fanolorana voafintina ny mombamomba ny fialan-tsasatra ananan'ny mpiasa tsitrairay. Ho amin'izany, ny tompon'andraikitry ny mpiasa dia manomana tabilao anolorana ny lisitr'ireo mpiasan'ny Kaominina rehetra ka fenoiny amin'izany ny zo fialan-tsasatra, ireo andro angatahina sy ny ambiny ao anatin'ny fepotoana 12 volana voakasika.

Ny fisitrahana ny fialan-tsasatra dia tsy maintsy anaovan'ny mpiasa maniry hampiasa ny zo hiala sasatra fangatahana. Izany dia tsy maintsy arindra amin'ny fiandohan'ny taona mba tsy hanelingelina ny fampihodinana tsara ireo raharaha.

Ny fangatahana fialan-tsasatra dia ataon'ny mpiasa eo anivon'ny tompon'andraikitry ny mpiasa farafahakeliny telopolo andro mialoha ny vaninandro handehanana voatondro anatin'ny fandrindrana isan-taona. Atao amin'ny alàlan'ny fangatahana an-tsoratra alefa amin'ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina izany. Ho an'ny fangatahana sombin'ny fialan-tsasatra rehetra, dia soratana ao ambadiky ny didy, mandrampahalanin'ireo telopolo andro voatondrony, ny isan'ireo andro fialan-tsasatra angatahina, ny fotoana hisitrahana ary koa ny isan'ireo andro tavela. Ny sonian'ny Ben'ny Tanàna, ny Lefiny na ny Tompon'andraikitry ny mpiasa dia apetraka mba hankatoavana ny fialan-tsasatra nangatahina.

Atolotra manaraka ireto ireo maodelin'ny didy, ny takila fizohiana ny fialan-tsasatra sy ny rejisitry ny fialan-tsasatra :

MAODELIN'NY TAKILA FIZOHIANA IREO FIALAN-TSASATRA

Anarana : .....
Fanampiny : .....
Toerana sahanina : .....

DIDY FITSIAHY	FITAMBARAN'ISAN' IREO ANDRO FIALAN-TSASATRA	ISAN'NY ANDRO ANGATAHINA	ISAN'NY ANDRO TAVELA	ANDRO IAINGANA	ANDRO IVERENANA	SONIAN'NY MPANGATAKA	SONIAN'NY TOMPON'ANDRAIKITRY NY MPIASA
Lah…/2014 tamin'ny							

MAODELIN'NY DIDY ANOMEZANA FIALAN-TSASATRA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA AMBONIVOHITRA/AMBANIVOHITRA .....

DIDY LAHARANA FAHA- ...../.....
anomezana fialan-tsasatra isan-taona ho an'ny mpiasan'ny Kaominina

Anarana : .....
Fanampiny : .....
Toerana Sahanina : .....

dia omena fialan-tsasatra isan-taona TELOPOLO (30) andro miaraka amin'ny karama feno ho an'ny taona ....., ka izany dia miantomboka ny *[daty andehanana]*.

Natao tao ....., ny.....

Ny Ben'ny Tanàna

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

ANDEFASANA :
- Ny voakasika
«Ho fampahafantarana»
- Tompon'andraikitry ny mpiasa
«Ho fanavaozana isanandro»

Toy izao manaraka izao ireo soratra atao ambadiky ny didy anomezana fialan-tsasatra :

Misitraka ampahan'ny fialan-tsasatra ..... (...) andro manomboka ny ..... hatramin'ny ..... tafiditra.
Ambiny : ..... (...) andro

Ny Ben'ny Tanàna, ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna na ny Tompon'andraikitry ny mpiasa

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Misitraka ampahan'ny fialan-tsasatra ..... (...) andro manomboka ny ..... hatramin'ny ..... tafiditra.
Ambiny : ..... (...) andro

Ny Ben'ny Tanàna, ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna na ny Tompon'andraikitry ny mpiasa

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Misitraka ampahan'ny fialan-tsasatra ..... (...) andro manomboka ny ..... hatramin'ny ..... tafiditra.
Ambiny : ..... (...) andro

Ny Ben'ny Tanàna, ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna na ny Tompon'andraikitry ny mpiasa

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Misitraka ampahan'ny fialan-tsasatra ..... (...) andro manomboka ny ..... hatramin'ny ..... tafiditra.
Ambiny : Aotra(00) andro (Lany)

Ny Ben'ny Tanàna, ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna na ny Tompon'andraikitry ny mpiasa

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TSARA HOMARIHINA : Ny fitomboka boriborin'ny Kaominina dia tsy maintsy apetraka isaky ny sonia.

MAODELIN'NY REJISITR'IREO FIALAN-TSASATRA

ANARANA SY FANAMPINY	TOERANA	FITAMBARAN'ISAN'IREO ANDRO FIALAN-TSASATRA	ISAN'IREO ANDRO ANGATAHINA	ISAN'IREO ANDRO TAVELA	ANDRO IAINGANA	ANDRO IVERENANA

Ny Tompon'andraikitry ny Mpiasa dia mila mitandrina mba hohavaozina matetika ny rejisitr'ireo fialan-tsasatra sy ny takila fizohiana ireo fialan-tsasatra ary ahitàna ireo angom-baovao mifanojo.

VI.2.3 Fanomezan-dàlana tsy hiasa

Araka ireo fepetra voalazan'ny andniny 87 amin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa, dia misy fanomezan-dalàana manokana tsy hiasa azo omena ny mpiasan'ny Kaominina tsirairay noho ny zava-mitranga amin'ny fianakaviana ka ferana ho folo (10) andro isan-taona izany.

Ny fanomezan-dàlana tsy hiasa dia omena noho ny fangatahan'ny mpiasa, ho amin'ireo tranga eo anivon'ny fianakaviana toy ny mariazy, ny fahaterahana, fahafatesana na fidirana hopitaly.

MAODELIN'NY TARATASY FANGATAHANA FANOMEZAN-DÀLANA TSY HIASA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

FANGATAHANA FANOMEZAN-DALANA TSY HIASA

Anarana sy fanampiny : .....
Toerzana sahanina : .....
Foibem-pitondrana : .....
Sampan-draharaha : .....

Dia mangataka fanomezan-dàlana tsy hiasa izay maharitra : .....
Manomboka ny : .....
Antony : .....

Fanehoan-kevitry ny lehibe mivantana (*)	Fanamarinan'ny Tompon'andraikitry ny Mpiasa	Fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna

(*) Tsy fenoina raha toa ny mpiasa ka eo amban'ny fahefan'ny Ben'ny Tanàna mivantana.

Ny rejisitry ny fizohiana ireo fanomezan-dàlana manokana dia tokony hosokafana ary havaozin'ny tompon'andraikitry ny mpiasa matetika araka ny maodelin'ny rejisitry ny fizohiana ireo fialan-tsasatra.

VI.2.4 Fiofanana arak'asa

Ireo mpiasan'ny Kaominina tsy ankanavaka dia afaka misitraka fiofanana. Ho amin'izany, ny faneken'ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy azo ho an'ireo mpiasan'ny Kaominina ary ny an'ny Filohan'ny Filankevitra ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra.

Ny fiofanana arakaasa dia tafiditra feno anatin'ny zon'ny mpiasan'ny Kaominina. Ahafahan'izy ireo manamafy ny fahaiza-manaony izany mba hivoarany eo amin'ny asa.

Rehefa azo ny fankatoavan'ny Ben'ny Tanàna na ny Filohan'ny Filankevitra, ny mpiasa voakasika dia mahazo alàlana hanaraka ny fiofanana izay nangatahiny.

Mba hahafaha-misitraka ny fiofanana arak'asa, ny mpiasan'ny Kaominina dia tsy maintsy manao ny fangatahana an-tsoratra alefa amin'ny Ben'ny Tanàna ary manondro ny filazalazana azy, ny toerana, ny faharetany,ireo antony sy ny karazany (fanatsarana ny fahaiza-manao, fahazoana mari-pahaizana, fianarana,...). Ny fanehoan-kevitry ny lehibe dia tsy maintsy tondroina amin'ny taratasy izay toy izao manaraka izao ny maodely :

MAODELIN'NY TARATASY FANGATAHANA FIOFANANA

Anaran'ny mpiasa sy fanampiny : ...., ny .....
Toerana sahanina : .....

Ho an'
Andriamatoa Ben'ny Tanànan'ny Kaominina .....

Antony : Fangatahana fiofanana momba ny .....

Andriamatoa Ben'ny Tanàna,

Voninahitra ho ahy ny mangataka ny hamoram-ponao mba hankato ny fandraisako anjara amin'ny fiofanana momba ny ..... izay miendrika ..... mandritra ny fepotoana miantomboka ny ..... hatramin'ny .....

Ny fisitrahako izany fiofanana izany dia hahafahako mantsara ny fahaizako eo amin'ny fanatanterahana ireo asa izay ankinina amiko .....

Eo am-piandrasana valiny mahafapo avy aminao, dia vonona hatrany ny tenako hitondra fanampim-panazavana raha toa ka ilaina izany. Raiso, Andriamatoa Ben'ny Tanàna, ny haja ambony indrindra atolotro anao.

Fanehoan-kevitry ny lehibe mivantana : Ny voakasika

[Sonia]

Ny Kaominina dia afaka mamolavola drafitra momba ny fiofanana isan-taona ho an'ireo mpiasa ao aminy. Ny famolavolana ny drafitra momba ny fiofanana isan-taona dia vokatry ny fanondroana ireo filàna fiofanana tafiditra anatin'ny takila fanombanana sy fanomezan'isa isan-taona izay tafiditra anatin'ny antontan-taratasin'ny mpiasa tsirairay.Indraindray, ny mpiasa dia afaka maneho amin'ny lehibeny ny faniriany mandritra ny taona hisitraka fiofanana manokana, ka anjaran'ity farany ny manadihady ny fahafaha-manatontosa sy mijery izay mety ho tohiny azo atao.

Azo antoka fa miova isaky ny mpiasa ny filàna fiofanana. Na dia izany aza anefa, dia azo heverina fa hanatsara manokana ny fomba fiasan'ny Kaominina ireto taranja manaraka ireto :

- sekretaria ;
- fampiasana solosaina ;
- fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ;
- fitantanana ny tsena ;
- fitantanana ny fifamoivoizana sy ireo toeram-pihantsonana ;
- fitantanana ny fanalàna ireo fako.

Raha toa ny tetibolan'ny Kaominina ka ahafaha-manao izany ary raha toa ka tsapa ny filàna izany fiofanana izany, dia anjaran'ny Kaominina ny manao ny fitadiavana ny mpampiofana, ny sekoly mpampiofana izay afaka hahatontosa izany na manadihady ny momba ireo sosokevitra naroson'ny mpiasa tao anatin'ny fangatahana nataony. Misy fifanarahana atao noho izany eo amin'ny Kaominina sy ny mpampiofana na ny sekoly fampiofanana voatondro mba hamerana ireo fepetra fanatanterahana ny fiofanana.

TSARA HO TADIDY

Ny fiofanana arak'asa dia mety hanana endrika sy faharetana maro samihafa, hanana fiantraikany na tsia amin'ny fitantanana ny fivoarana arak'asan'ireo mpiasa, tokony hanaovana fandaharan'asa isan-taona izany ary mifandraika amin'ny tena filàna mba hanatsarana ireo raharahan'ny Kaominina.

VI.2.5 Sazy ara-pitsipi-pifehezana

Ny Ben'ny Tanàna amin'ny maha-tompon'andraikitry ny Kaominina azy voalohany dia tsy mantsy miahy mandrakariva ny fanajana ny fitsipika anatiny momba ireo raharaha.Ny fandikana rehetra ny fitsipika dia miteraka sazy izay miova arakaraka ny fahadisoana ny lentany. Ho amin'ny fizahana fototra ny fahadisoana, ny fametrahana ny Filankevitra momba ny fitsipi-pifehezana dia heverina ho mety tokoa. Ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana dia mirafitra toy izao :

- ny Ben'ny Tanàna, Filoha ;
- ny Sekretera Jeneraly ; mpikambana ;
- ny tompon'andraikitry ny mpiasa, mpikambana ;
- ireo solontena roa avy amin'ny mpiasa izay fidina isan-taona avy amin'ireo mpiasa, mpikambana.

Ny fivorian'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana dia hefaina noho ny fanaikàna isaky ny fotoana izay tsy maintsy hanapahan-kevitra. Anjaran'ny Sekretera Jeneraly sy ny tompon'andraikitry ny mpiasa ny mizaha fototra ireo fahadisoana natao sy mitatitra izany eo anivon'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana, ka andraikitr'ity farany ny manambara ireo sazy hotanterahina arakaraka ny hamafin'ireo fahadisoana natao. Ankoatra ny sazy tononina am-bava izay soratana fotsiny ihany anatin'ny antontan-taratasin'ny mpiasa voakasika, ny sazy notononina dia ampahafantarina an-tsoratra amin'ny olona nanao fahadisoana ary ny sosony iray amin'ny fampahafantarana dia kilasiana anatin'ny antontan-taratasin'ny voakasika. Ny Fitsarana momba ny Asa no Fitsarana mahefa hiadidy ireo fifanolanana mitranga noho ny fanononana sy ny fampiharana aoriana ny sazy.

Arakaraka ny hamafin'ireo fahadisoana, dia azo tononina misonga ireto sazy manaraka ireto : fampitandremana am-bava, fangataham-panazavana, faniniana, fandroahana voafetra ary fandroahana tanteraka.

VI.3 | RAFI-PITSIPIKA MOMBA NY KARAMA SY NY TAMBIN-KARAMA

VI.3.1 Rafi-pitsipika momba ny karama

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana ; Lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa ; Lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny satan'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra ; Didim-panjakana laharana faha-79-364 tamin'ny 22 desambra 1979 amerana ireo ambaratongan'ny mari-karama ho an'ireo firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana ; Didim-panjakana laharana faha-96-745 tamin'ny 21 aogositra 1996 anaovana fanakilasiana isan'ambaratonga ireo firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana

VI.3.1.1 Fanomezan-karama ireo mpiasam-panjakana sy mpiasam-panjakana tsy tena raikitra

Ireo fepetra fanomezan-karama ireo mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia feran'ny lalàna laharana faha-2003-011 tamin'ny 3 septambra 2003 anaovana sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana (Titra VI – andininy 27 hatramin'ny 38) sy ny didim-panjakana laharana faha-79-364 tamin'ny 22 desambra 1979 amerana ireo ambaratongan'ny mari-karaman'ireo firaisan-draharahan'ny mpiasam-panjakana.

Ny andininy 67 amin'ny Sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana dia mametra fa ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia iharan'ny fitambaran'ireo fitsipika ifehezana ny asa izay ataony vokatry ny fifindran'asa. Azony atao ny mandray ny karama omen'ny fitondran-draharaha nihaviany raha toa izany ka ambony noho ny omen'ny asany vaovao. Ny mpiasam-panjakana anatin'ny fifindran'asa dia afaka misitraka ihany koa ny karama omen'ny Kaominina raha toa izany ka ambony noho ny karama izay notohizany noraisina avy amin'ny fitondran-draharaha nihaviany.

Ireo fepetra fanomezan-karama ireo mpiasa tsy tena raikitra noraisin'ny Kaominina dia feran'ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 mikasika ny satan'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra (Titra VII –

Andininy 31 hatramin'ny 35) izay manambara fa *« raha mitovy ny fahaiza-manao, ny asa na ny mari-pahaizana, dia mitovy amin'ny an'ireo mpiasam-panjakana ny mari-karaman'ireo mpiasam-panjakana tsy tena raikitra »*.

VI.3.1.2 Fanomezan-karama ireo mpiasa fehezin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa

Noho ny maha-manokana sy voafetra ara-potoana ireo mpiasa tsy tena raikitra, ny Kaominina dia tsy maintsy mandray ireo mpiasa ao aminy amin'ny alàlan'ny fifanarahana arak'asa fehezin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa (Jereo 6.1.3 Ireo mpiasa raisina araka ny Fehezan-dalàna momba ny Asa).

Ny karaman'izy ireo dia fehezin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa, amin'ireo andininy 53 hatramin'ny 73.

1. Ireo fehi-kevitra fototra

Ny karama dia singa fototra amin'ny faharisihan'ny mpiasan'ny Kaominina. Ankoatra ny habetsahan'ny karama, ny fangaraharana amin'ny fikajiana, ny fahazoana sy ny fanekena ny fomba fametrahana ny ambaratongan'ireo karama sy ny fankasitrakaka ireo zavabita dia manampy amin'ny faharisihan'ny mpiasa.

Mifototra amin'ny andry telo ny fomba fanomezan-karama :

- Ireo loharanom-bola an-tànana anatin'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- ny fifaninanana ivelany : ireo karaman'ny Kaominina dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo karama aloa eo anivon'ireo Kaominina hafa ho an'ireo asa mitovy ;
- ny hitsiny anatiny : ny fifandanjan'ireo karama dia mipetraka amin'ny fahatsapana ny fahamarinana sy ny hitsiny arakaraka ny habetsahan'ny maha-tompon'andraikitra ny mpiasa tsirairay. Ny karama dia tsy maintsy mamporisika ny tsirairay mba hanatsara ny zava-bitany.

Ny fomba fandoavan-karama noho izany dia tsy maintsy mirary, mampirisika, mirindra sy afaka milefitra.

2. Ny fomba famolavolana ny grille karama sy ny fanakilasiana ireo mpiasa

Manaraka dingana maromaro ny fomba famolavolana.

Ny dingana voalohany dia ny mamaritra ireo toerana sy ny manakilasy azy ireo isaky ny asa. Ny asa iray dia mampivondrona toerana maromaro. Ohatra : ny asan'ny sekretera dia mampivondrona ireo toerana sekretera anatin'ireo sampan-draharahan'ny Kaominina samihafa. (Jereo 4.3 Ireo takilan'ny toerana). Ny karama fototra dia faritana amin'ny asa aloha ary avy eo amin'ny toerana.

Ny dingana faharoa dia ny famaritana ny fomba fanomezan-karama : ny velaran'ny ambaratongan'ny karama fototra eo anelanelan'ny kilasin'asa ambany indrindra sy ny kilasin'asa ambony indrindra, ary avy eo ao anatin'ny kilasin'asa tsirairay, ny fatran'ny tamba-karama natokana ho an'ny karama fototra, ho an'ireo fankasitrahana ireo zavabita mifototra amin'ny fanombanana isan-taona, ho an'ireo fankasitrahana sy tambin-karama noho ny asa na hoan'ireo maha-tompon'andraikitra.

Ny fanomezan-karama ireo asa samihafa dia faritan'ny lentan'ny fiofanana sy ny traikefa takian'ny asa, ireo andraikitra ilaina amin'ny asa (famolavolana, famahana olana, fifandraisana, fanatratrarana tanjona), ny maha-matihanina takiana, ny hasarotan'ny asa arabatana, ireo fepetra fanatanterahana ny asa.

Mifototra amin'ireo mason-tsivana ireo, ireo asa dia avondrona ho kilasin'asa sy karama. Isaky ny iray amin'ireo kilasy dia misy fetran-karama fototra ahitàna ny ambany indrindra sy ny ambony indrindra ka eo anelanelan'izany ny karama dia miovaova arakaraka ireo mampiavaka ny asa sy ireo singa tsirairay (lentan'ny fiofanana sy traikefa amin'ny fandraisana, avy eo zavabita).

Ny dingana fahatelo dia ny fananganana ny ambaratongan'ny karama. Ny ambaratongan'ny karama dia tabilao misy ny kilasin'asa, araka ny fisongan'ireo karama, ary ny fetran'ny mari-karama momba ny karama ambany sy ambony indrindra.

Ny mari-karama ambany indrindra 100 dia mifandraika amin'ny karama ambany indrindra araka ny lalàna. Ny ambony indrindra amin'ny kilasy dia mihoatra 40% amin'ny ambany indrindra amin'ny kilasy. Ny ambany indrindra amin'ny kilasy doa mihoatra 20% amin'ny kilasy eo ambaniny avy hatrany. Ireo isan-jato ireo dia azo ovaina mba hampitomboana na hampidinana ireo mety ho fivoaran'ny karama anatin'ny kilasin'asa iray na mba hampiakarana na hampidinana ny ambaratongan'ny karama eo amin'ireo kilasin-karama samihafan'ny Kaominina. Ny ambaratonga dia volavolaina arakaraka ny fisian'ny tetibola an-tànana.

KILASIN'ASA	AMBANY INDRINDRA	AMBONY INDRINDRA
Kilasy 4 – Fitarihana, famolavolana, fahaiza-manao manokana	173	242
Kilasy 3 – Fiaraha-miasa ara-panjakana sy ara-teknika	144	202
Kilasy 2 – Fanatanterahana ara-panjakana sy ara-teknika	120	168
Kilasy 1 - Manafo	100	140

Ny dingana fahefatra dia ny fanomezana mari-karama iray isaky ny mpiasa tsirairay arakaraka ny fanakilasiana ny asany sy ireo singa manokana ifotoran'ny fahaiza-manao sy ny traikefa tamin'ny fandraisana ary koa ny zavabita taoriana. Ireo singa manokana dia tsy mahazo miteraka fihoaran'ny mari-karama farany ambany amin'ny kilasin'asa. Ny mari-karama amin'ny fandraisana mpiasa dia faritana anatin'ny fifanarahana arak'asa.

Ny dingana farany dia ny fikajiana ny karama. Ny mari-karama 100 dia ny karama farany ambany indrindra iombonan'ireo sehatr'asa iantohana izay feran'ny didim-panjakana laharana faha-2017-143 tamin'ny 14 martsa 2017 ho 155.000 Ariary. Ny tentin'ireo karama dia kajiana avy amin'ny fampitomboana ny mari-karama amin'ny karama farany ambany ka zaraina amin'ny 100. Ohatra, ho an'ny mari-karama 120, ny karama dia 155.000 X 120/100 = 186.000 Ariary.

Izany karama izany dia azo ampiana ireo fankasitrahana sy/na tambin-karama noho ny asa (ohatra : ny tambin-karama noho ny asa ho an'ny Tale) na ny maha-tompon'andraikitra (ohatra : tambin-karama amin'ny maha-tomponandraikitra ny mpitantana).

Ohatra ho an'ny mpiasa mpanadio :

Kilasy 1 Ambany indrindra-Ambony indrindra : 100-140
Mari-karama nomena tamin'ny nandraisana ho mpiasa : 100
Karama isam-bolana : 155.000 Ariary



3. Ireo fisondrotana

Ireo mason-tsivana fanondrotana mahazatra notazonina dia : ny toerana misy ny mpiasa ao anatin'ny kilasin'asany (mitaha amin'ny farany ambany ambony), ny faharetana, ny zavabita na ny vokatry ny asa, ireo fahalalana azo, ny faharisihana, ny fampisondrotan-karama farany, sns.

Ny fisondrotana dia atao tsirairay na miaraka.

Ireo fisondrotana iombonana dia vokatry ny fampiharana ireo fisondrotan-karama farany ambany araka ny lalàna, na ny fanovana ny ambaratongan'ny karama.

Ireo fisondrotana isan'olona dia vokatry ny fiovan'asa na kilasin'asa, na ny fanombanana ny zavabita. Ireo fisondrotana vokatry ny zavabita dia tapahan'ny Ben'ny Tanàna noho ny sosokevitry ny Sekretera Jeneraly (na ny tompin'andraikitry ny mpiasa) aorian'ny fanombanana isan-taona. Tsy an-tery ho an'ny Kaominina akory ny fanondrotana isan'olona.

Misy fitandremana maromaro tokony horaisina :

- ny fanondrotan'isa ny mari-karama dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny vokatry ny fanombanana ary mifototra amin'ny isan'ny mari-karama noferana mialoha, ohatra fanombanana « tsara » + mari-karama 1, fanombanana « tena tsara« + 2, fanombanana tsy manan-tsahala« + 3 (Jereo 6.2.1 Fanombanana sy fanomezan'isa) ;
- ny fanondrotana dia tsy mahazo mitarika fihoaran'ny mari-karama farany ambony amin'ny kilasin'asa ;
- ny fanondrotana roa dia tsy maintsy sarahana amin'ny fepotoana voafaritra mialoha mba hivoaran'ny karama mandritra ny faharetan'ny fotoam-piasana.

VI.3.1.3 Ny taratasin-karama

Ny taratasin-karama dia tsy maintsy atao isaky ny mpiasa tsirairay. Hita ao anatin'izany ankoatra ny maro ny tentin'ny karama fototra, ireo mety ho tambin-karama sy fankasitrahana, ny sombin-karama ho an'ireo latsa-kemboka ara-tsosialy sy hetra momba ny karama, ny tentiny afa-karatsaka haloa ary soniavin'ny Ben'ny Tanàna sy ny Mpitambolan'ny Kaominina ary ny voakasika.

TARATASIN-KARAMA VOLANA .....

Laharana arak'asa : .....
Anarana sy fanampiny : .....
Asa atao : .....

FANONDROANA	VOLA AZO	VOLA TAZONINA	TENTINY
Karama fototra	310 923		
Tambin-karama mifandraika amin'ny karama	50 000		
Tambin-karama mifandraika amin'ny asa	-		
Tombony ho an'ny fianakaviana	-		
Karama tataovan-ketra	360 923		360 923
CNaPS – sombin-karama (1%)		3 609	-3 609
OSIE – sombin-karama (1%)		3 609	-3 609
IRSA haloa		22 000	-22 000
- Vola tazonina hafa		-	-
- Vatsim-bola fanome ny 15 andro		-	-
- Vatsim-bola manokana		-	-
- Fanagiazana sady fitànana		-	-
TENTINY AFA-KARATSAKA			331 705

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna | Ny Mpitambolan'ny Kaominina | Ny mpisitraka

VI.3.2 Rafi-pitsipika momba ny tambin-karama

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 42 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ; Didim-panjakana laharana faha-2018..... tamin'ny ..... amerana ireo tombontsoa sy tambin-karama omena ireo tompon'andraikitry ny Kaominina

Ny andininy 42 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 dia manambara fa *« hoferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny karazany sy ny taha ambony indrindra amin'ireo tombontsoa sy tambin-karama omena ireo tompon'andraikitry ny mpanatanteraka sy ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitr'ireo Vondrimbahoakam-paritra itsinjaram-pahefana« .*

Ny didim-panjakana laharana faha-2018-162 tamin'ny 27 febroary 2018 dia noraisina ho fampiharana ny andininy 42 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014.

Ireo tambin-karama sy tombontsoa manaraka ireto dia isitrahan'ireo Ben'ny Tanàna, Lefitry ny Ben'ny Tanàna, Filoha sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra, araka ny karazany sy ny sokajin'ireo Kaominina :

1. tambin-karama isam-bolana noho ny asa ;
2. tambin-karama noho ny iraka ;
3. tambin-karama isanandro noho ny fotoam-pivoriana ho an'ireo Filankevitra ;
4. fanonerana ireo saram-pivezivezena mba hanatrehana ireo fotoam-pivorian'ny Filankevitra ;
5. tambin-karama fanonerana ireo saram-pivezivezena sy sakafo ;
6. tambin-karama isan-taona noho ny fisoloan-tena.

1. <u>Ho an'ny Ben'ny Tanàna</u> :

1.1. Tambin-karama isam-bolana noho ny asa :

Ny Ben'ny Tanàna dia misitraka ny tambin-karama isam-bolana noho ny aza izay voatondron'ny tabilao etsy ambany :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	700.000	800.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	600.000	700.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	500.000	600.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	400.000	500.000
Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa	150.000	400.000

1.2. Tambin-karama isan-taona noho ny fisoloan-tena :

Ny Ben'ny Tanàna dia misitraka ihany koa ny tambin-karama isan-taona noho ny fisoloan-tena faritana toy izao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	1.100.000	1.300.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	900.000	1.100.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	700.000	900.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	500.000	700.000
Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa	200.000	500.000

Ankoatra izany, ny andininy 254 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 dia manambara fa ny andraikitra maha-Ben'ny Tanàna dia tsy azo ampirafesina amin'ny fisahanana asam-panjakana rehetra afa-tsy ny fampianarana. Noho izany, raha toa ny Ben'ny Tanàna ka misahana asa ao anatin'ny fampianarana, dia azony atao hatrany ny mandray ny valin-kasasarany amin'ny maha-mpampianatra azy.

2. Ho an'ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna :

Ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna dia misitraka isanisany ny tambin-karama isam-bolana noho ny asa izay atolotra amin'izao tabilao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	400.000	500.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	300.000	400.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	250.000	300.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	200.000	250.000
Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa	70.000	150.000

3. Ho an'ny Sekretera Jeneraly :

Ny Sekretera jeneralin'ny Kaominina dia misitraka ny tambin-karama isam-bolana noho ny asa izay faritana toy izao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	400.000	500.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	300.000	400.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	250.000	300.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	150.000	200.000
Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa	70.000	150.000

4. Ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Kabinetran'ny Ben'ny Tanàna :

Ny tompon'andraikitra voalohany amin'ny Kabinetran'ny Ben'ny Tanàna (Talen'ny Kabinetra na Lehiben'ny Kabinetra, araka ny zava-misy), dia misitraka ny tambin-karama isam-bolana noho ny asa izay ferana toy izao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	300.000	400.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	200.000	300.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	150.000	200.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	80.000	150.000

Ny tsirairay avy amin'ireo mpikambana hafa ao amin'ny Kabinetra dia misitraka ihany koa ny tambin-karama isam-bolana noho ny asa tsinjaraina toy izao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	150.000	200.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	100.000	150.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	80.000	100.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	40.000	80.000

TSARA HOMARIHINA : Ny Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa dia tsy manana Kabinetra.

5. Ho an'ny Filohan'ny Filankevitry ny Kaominina :

Ny Filohan'ny Filankevitry ny Kaominina dia omena tambin-karama isan-taona noho ny fisoloan-tena izay ferana toy izao manaraka izao ireo tentiny :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambonivohitra ivelan'ireo sokajy	700.000	800.000
Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany	600.000	700.000
Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa	500.000	600.000
Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany	400.000	500.000
Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa	100.000	400.000

Ankoatra izany, toy ireo mpikambana hafa ao amin'ny Filankevitra, dia misitraka ihany koa izy :

- ny tambin-karama isan'andro noho ny fivoriana izay faritan'ny tabilao etsy ambany ;
- ny fanonerana ireo saram-pivezivezena mba hanatrehana ireo fivoriana ka aseho amin'izany ireo taratasy fanamarinana araka ireo fepetra entin'ny didim-panjakana laharana faha-2005-089 tamin'ny 15 febroary 2005 amerana ireo fanomezan-daharana ny taratasy fanamarinana ireo fandaniam-bolam-panjakana ;
- ny tambin-karama fanonerana ireo fandaniana noho ny fitoerana sy ny sakafo mandritra ny fotoam-pivoriana, raha toa ka tsy nozakain'ny Kaominina izany. Ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Ben'ny Tanàna ny tentiny kanefa tsy azo atao mihoatra ny Ar 50.000.

6. Ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra :

Ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra tsirairay avy dia misitraka ny ambin-karama isan'andro noho ny fivoriana izay ferana toy izao manaraka izao :

FANAKILASIANA IREO KAOMININA	AMBANY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)	AMBONY INDRINDRA (AMIN'NY ARIARY)
Kaominina ambanivohitra ivelan'ireo sokajy	36.000	40.000
Kaominina ambanivohitra hafa sy Kaominina ambanivohitra	30.000	36.000

Misitraka ihany koa izy ireo :

- ny fanonerana ireo saram-pivezivezena mba hanatrehana ireo fivoriana ka aseho amin'izany ireo taratasy fanamarinana araka ireo fepetra entin'ny didim-panjakana laharana faha-2005-089 tamin'ny 15 febroary 2005 amerana ireo fanomezan-daharana ny taratasy fanamarinana ireo fandaniam-bolam-panjakana ;
- ny tambin-karama fanonerana ireo fandaniana noho ny fitoerana sy ny sakafo mandritra ny fotoam-pivoriana, raha toa ka tsy nozakain'ny Kaominina izany. Ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Ben'ny Tanàna ny tentiny kanefa tsy azo atao mihoatra ny Ar 50.000.

7. Fepetra iombonana :

Ny Ben'ny Tanàna, ireo Lefitry ny Ben'ny Tanàna, ny Filoha sy ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Kaominina izay mamita iraka anatin'ny asa anatiny na ivelan'ny tanim-pirenena dia misitraka ny rafi-pitsipika momba ny tambin-karama fampihatra amin'ireo mpiasam-panjakana.

TSARA HOMARIHINA : Ny tentin'ireo tombontsoa sy tambin-karama voatanisa etsy ambony dia ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Kaominina ao anatin'ireo fetra feran'ny didim-panjakana. Na manao ahoana na manao ahoana, ny fitambaran'ny tentin'ireo tombontsoa sy tambin-karama omena ireo tompon'andraikitry ny Kaominina dia tsy mahazo mihoatra ny 15% ny vokatry ny kaontim-panjakan'ny Kaominina farany.

TSARA HO TADIDY

Ireo fandaniana vokatr'ireo tombontsoa sy tambin-karama samihafa voatanisa teo aloha dia zakain'ny Kaominina arakaraka ny fahafahany ara-tetibola sy ara-bola. Tsy tafiditra anatin'ireo fandaniana tsy azo ihoarana akory izy ireo. Anjaran'ny Kaominina tsirairay no mitsinjo mba tsy hanelingelina ny fifandanjana ara-bolan'ny Kaominina ny fandraisana an-tànana ireo fandaniana ireo.

TOKO

VII

Fitantanana ireo fananan'ny Kaominina

VII.1 | TANIM-PANJAKANA TSY AZO AMIDY SY TANIM-PANJAKANA AZO AMIDY

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 36 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ; Lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana tsy azo amidy ; Lalàna laharana faha-2008-014 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny mifehy ny tanim-panjakana azo amidy misoratra amin'ny fanjakana sy amin'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary amin'ireo fikambanana mizaka zo aman'andraikitra fehezin'ny lalana ifampitondran'ny daholobe

VII.1.1 Tanim-panjakana tsy azo amidy

Ny andininy voalohany amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 dia mamaritra ny tanim-panjakana tsy azo amidy toy *« ny fitambaran'ireo fanana-mifaka izay, na noho ny karazany, na noho ny fanokanana izay nomen'ny manam-pahefana azy, dia natokana ho amin'ny fisitrahana sy ny fiarovana ny rehetra, ka tsy azo atao ho fananan'olon-tsotra, fa mijanona amin'ny toetran'izy ireo ».*

Na dia tsy feno aza izao lisitra izao, ny andininy 3 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 dia mitsinjara ireo fananana tafiditra anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy eo amin'ny :

- **ireo tanim-panjakana tsy azo amidy voajanahary**, izay ahitana ny ranomasina anatin'ny tany, ireo moron-dranomasina, ny kamory sy farihy fakan-tsira ka mifandray amin'ny ranomasina, ny ony mankany amin'ny ranomasina, ny renirano, lakan-drano, ny farihy ary ny kamory : mifaka amin'ny Fanjakana hatrany izany ;
- n**y tanim-panjakana tsy azo amidy nataon-tànana** : ahitàna ireo seranam-tsambo an-dranomasina, ireo fotodrafitr'asa fiarovana ny moron'ireo rian-drano, ireo lavadrano nohajariana hampiasain'ny besinimaro,ireo lakan-drano fampidiran-drano sy fanamainan-tany, ireo lalam-panjakana rehetra amin'ny karazany avy, ireo fanajariana sy fampitaovana seranam-piaramanidina, ireo lalam-by sy ireo tany miankina aminy ilaina amin'ny fikojakojana azy ireo, ireo foto-drafitr'asam-pifandraisan-davitra, fifandraisana amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra, ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana ary toerana voajanahary natao hiarovana ny tany, ireo trano fivavahana lehiben'ny Fanjakana, ireo tsangambato tafiditra anatin'ny vako-pirenena, ireo fasana sy toeram-pandevenana nomen-dàlana : izy ireo dia miankina amin'ny Fanjakana na ny Kaominina arakaraka ny tetibola hetsehina amin'ny fametrahana azy ireo ;
- **ny tanim-panjakana tsy azo amidy araka ny didy amam-pitsipika** : vokatry ny paikady manokana fanakilasiana : ny sora-draharaha anaovana ny fanakilasiana no mametra fa miankina amin'ny Fanjakana na ny Kaominina izy ireo.

VII.1.2 Tanim-panjakana azo amidy

Ny tanim-panjakana azo amidy dia ahitàna ireo fananana sy zo mifaka na tsia izay azon'ny olon-tsotra ananana noho ny karazan'izy ireo na ny fampiasana natokana ho azy ireo.

Ny lalàna laharana faha-2008-014 tamin'ny 23 jolay 2008 dia manavaka ny fanana-mifaka azo amidy sy ny fanana-manaraka azo amidy. Ny Kaominina no mitantana ny fanana-mifaka azo amidy ananany, izay ahitàna :

- ireo fanana-mifaka notsoahina tamin'ny kilasin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy ;
- ireo tany vita soratra amin'ny Kaominina, novidiana na natolotra ;
- ireo fanana-mifaka azo tamin'ny alàlan'ny fandroahana ;
- ireo fanana-mifaka azo taorian'ny takalo teo amin'ny Kaominina andaniny sy ny Fanjakana na ny olon-tsotra, ankilany ;
- ireo tany voasoratra azo noho ny fanomezana na tolotra.

VII.2 | PAIKADY FANOKANANA NA FANESORAM-PANOKANANA

Ny paikady fanokanana tany anatin'ny tanim-panjakana azo amidy ho amin'ny tanin'ny Kaominina dia tsy omen-dàlana noho ny fanapahana raisin'ny Filankevitra ka tondroina amin'izany ny toerana tena misy ny sombin-tany sy ny fanokanana heverina.

Eo am-pahitana ny fanapahana, ny Ben'ny Tanàna dia mandefa taratasy amin'ny Ministera miadidy ny Fananan-tany miaraka amin'ireo taratasy heverina ho ilaina hanamafisana ny fangatahana. Ataon'ny Sampan-draharahan'ny Fandrefesan-tany ny sarin-tany manara-pitsipika. Ny Vaomiera fitsirihan-tany dia manao ny fitsirihana ny tany. Anaovana peta-drindrina ao amin'ny Biraon'ny Kaominina ny filazana fitsirihan-tany mba ho fampahafantarana. Rehefa vita ny fitsirihana, dia atao eo no ho eo ny fitànana an-tsoratra ny fitsirihana ary ampitaina aorian'izany amin'ny Sampan-draharaham-paritry ny Fananan-tany eo amin'ny toerana misy ny tany ary koa any amin'ny Ministera miadidy ny Fananan-tany. Marihina anatin'ny fitànana an-tsoratra ireo mety ho fanohanana natao mandritra ny fitsirihana.

Atokana ho an'ny Kaominina ny tany nangatahina ka izany dia atao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny Fanana-tany.

Toy izany ihany koa ny paikady ampiharina amin'ireo fanesoram-panokanana.

VII.3 | PAIKADY FANAKILASIANA SY FANESORAM-PANAKILASIANA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 19 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana tsy azo amidy

Izany dia tsy mahakasika afa-tsy ny tanin'ny Kaominina tsy azo amidy. Misy tranga roa mety hiseho :

- tany iray tafiditra anatin'ny tanin'ny Kaominina azo amidy nokilasiana ho tanim-panjakana tsy azo amidy ;
- tany iray tafiditra anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy nokilasiana ho tanin'ny Kaominina azo amidy. mampitombo ny tanim-panjakana azo amidy noho izany ireo sombin-tany nanaovana fanesoram-panakilasiana.

Aorian'ny fanakilasiana na ny fanesoram-panakilasiana, ireo tany vaovao nokilasiana na nanaovana fanesoram-panakilasiana dia afaka mahazo fanokanana vaovao indray. Ireo tany notsoahina avy amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy dia tsy maintsy anaovana mialoha fanesoram-panokanana avy amin'ny fampiasan'ny daholobe azy ireo.

Ny vokatry ny fanesoram-panakilasiana ny tanim-panjakana tsy azo amidy araka ny lalàna dia ny fahafaha-mivarotra, ny fahazoa-manao fanagiazana, ny fahafaha-mamindra ny tanim-panjakana tsy azo amidy nanaovana fanesoram-panakilasiana. Mifanohitra amin'izany, ny fanakilasiana tany anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy dia miteraka ny tsy fahazoa-mivarotra, ny tsy fahazoa-manao fanagiazana sy ny tsy fahazoa-manao famindrana azy.

Azo raisina ho ohatra ny fanamboaran-dàlana ho an'ny Kaominina. Ny sombin-tany nesorina avy tamin'ny tanim-panjakana azo amidy mankamin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy natao hanorenana ny làlana ary koa ireo tany miankina ahitàna ireo tany natokana ho amin'ny fanitsiana dia miankina amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy. Aoriana, raha toa ny Kaominina voakasika ka manapa-kevitra ny hivarotra ireo ambiny, izany dia tsy maintsy anaovana fanesoram-panakilasiana avy amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy mialoha ny hivarotana azy ka ireo tompony teo aloha noroahina no laharam-pahamehana amin'izany raha toa ka mbola iriny ny hamerina izany ho azy ireo, noho ny zo maha-lohalaharana *(droit de préemption).*

Ny fanesoram-panokanana ny fampiasan'ny daholobe, ny fanakilasiana sy ny fanesoram-panakilasiana dia mitaky ny fanapahan'ny Filankevitra ary tsy azo atao afa-tsy ny mahakasika ny tanin'ny Kaominina.

VII.4 | FAMINDRAM-PITANTANANA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 13 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana tsy azo amidy

Ny fitantanana ireo fananana anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy dia azon'ny Fanjakana afindra amin'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na ny mifanohitra amin'izany ka misy fepetra sasantsasany tsy maintsy arahina :

- ny famindrana dia tsy maintsy atao noho ny tombontsoan'ny besinimaro ;
- ny famindrana dia atao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny raharahan-tany raha toa ka famindrana maimaim-poana ary amin'ny alàlan'ny didim-panjakana raisina amin'ny Filankevitry ny Minisitra raha toa ka famindrana sandaim-bola.

Ny tanim-panjakana tsy azo amidy nafindra noho izany dia tsy maintsy ampiasaina hanomezana fahafahampo ny tombontsoan'ny besinimaro toy ny fanorenana fotodrafitr'asa na fampitaovana.

Ny fangataham-pamindrana dia atolotry ny Ben'ny Tanàna amin'ny Ministera miadidy ny Fananan-tany. Ny fangatahana dia tsy maintsy manolotra ny fampiasana noheverina.

Ny Ben'ny Tanàna dia tsy maintsy mampiasa ny tany izay nafindra ho amin'ny fanatanterahana ny tetikasa nampitaina amin'ny Ministera miadidy ny Fananan-tany mandritra ny fangatahana.

VII.5 | NY FANOKANANA HO AN'OLON-TSOTRA NY TANIM-PANJAKANA TSY AZO AMIDY

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana tsy azo amidy

Mety maka endrika roa izany :

- **ny fifanaraham-piantohana *(contrat de concession)*** : voafetra ho telopolo taona azo havaozina farafahelany,izy dia manome ny mpisitraka ny zo hitrandraka tany miankina amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy izay efa mifanaraka amin'ny hampiasana azy na tany miankina amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy natsangan'ny orinasany izay manome azy ny fahafahana mandray ny vokatra ara-potoana, eo amin'ny toreran'ny manam-pahefana mpampiantoka.
- **ny fanomezan-dàlana hampiasa vonjimaika** : omena vonjimaika ary azo sintonina amin'ny fotoana rehetra, izy dia manome ny mpisitraka ny zo hampiasa ho an'ny tombontsoany samirery ny sombin-tany voafaritra tafiditra anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy kanefa andoavana tamberim-bidy izany. Ny mpampiasa noho izany dia tsy afaka manorina afa-tsy fanorenana maika sy azo ravaina. Ny fanorenana trano fivarotana madinika eny amin'ny toera-malalaka akaiky tsena dia azo raisina ho ohatra fampiasana manokana ny tanim-panjakana tsy azo amidy.

Na ho an'ireo tanim-panjakana tsy azo amidy na ho an'ireo tanim-panjakana azo amidy, ireo fanomezan-dàlana manokana voafetra ho telopolo taona dia azo omena ka andoavana tamberim-bidy ireo fitondran-draharaham-panjakana, ireo orinasa sy ireo olon-tsotra izany mba :

- hioty ireo vokatry ny tany toy ny fanjerana na fangalana ireo hazo ;
- hitrandrahana ireo fitaovana toy ny tany, vato, na fasika ;
- hahazoana misintona rano ;
- hampiasana ny zo hihaza na hanjono ;
- hanangana na hitantana raharaham-panjakana.

Mikasika ny fanomezan-dàlana fampiasana vonjimaika, dia mety manana endrika sora-draharaha ara-panjakana izany na fifanarahana. Tsy maintsy ambarany ny anton'ny fampiasana, ny anaran'ny mpisitraka, ny tentin'ny tamberim-bidy ho takalon'ny fampiasana, ny faharetan'ny fampiasana ary koa ny maha-vonjimaika ny fampiasana, ny fitsarana mahefa raha toa ka misy fifanolanana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
_____

FARITRA .....
KAOMININA .....

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA- .....
ankatoavana ny fanomezan-dàlana hampiasa vonjmaika ho an'Andriamatoa/Ramatoa .....

NY BEN'NY TANANAN'NY KAOMININA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fepetra fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ireo fitantanana ny raharaha manokan'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ireo loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ireo rafitra ao amin'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 mikasika ny tanim-panjakana tsy azo amidy ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-9060 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny Lehiben'ny Mpanatanterak'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny fangatahna nataon'ny voakasika tamin'ny……..

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

Andininy voalohany.- Omen-dàlana Andriamatoa/Ramatoa ……. hampiasa vonjimaika sy azo sintonina ny toerana ……. *[fanondroana ireo toerana]* anatin'ny tanin'ny Kaominina tsy azo amidy mba ……. [*asa hatao]*.

Ny faharetan'ny fampiasana dia tsy mahazo mihoatra ny ……. *[andro, herinandro na volana]*.

Andininy 2.- Izao fanomezan-dàlana izao dia omena eo ambany rafi-pitsipiky ny fampiasana vonjimaika ireo tanim-panjakana tsy azo amidy ary tsy miteraka zo momba ny fananana ara-barotra.

Natokana ho an'ny mpisitraka izany ary tsy azo amidy, ampindramina na anaovana fampanofana raha tsy izany dia foanana avy hatrany.

Andininy 3.- Ny mpampiasa dia tsy maintsy mandrotsaka amin'ny kitapombolan'ny Kaominina sarany izay mitentina ……. isan'andro [herinandro na volana] aloa mialoha, raha tsy izany dia foanana avy hatrany.

Ankoatra izany dia tsy maintsy mandrotsaka antoka mitentina ……. izy. Ny antoka dia haverina aorin'ny famerenana amin'ny laoniny ny toerana aorian'ny fanatsoahana ireo saram-pamerenana amin'ny laoniny sy ireo trosa raha misy izany.

Andininy 4.- Izao fanomezan-dàlana izao miaraka amin'ireo taratasy fanamarinam-pandoavana ny sarany sy ny antoka dia tsy maintsy aseho ny Kaominina amin'izay fitakiana rehetra ataony momba izany.

Andininy 5.- Amin'ny vaninandron'ny fanafoanana, ny mpampiasa dia tsy maintsy mandao ny toerana ary mamerina izany amin'ny endriny teo aloha. Raha tsy izany, ny mpampiasa dia tsy maintsy mandoa sazy mitovy amin'ny ……. isaky ny andro fahatarana.

Andininy 6.- Azon'ny Kaominina atao ny manafoana amin'ny fotoana rehetra ka tsy ilaina fampandrenesana mialoha ny fampiasana vonjimaika nekena.

Andininy 7.- Ny ……. *[manam-pahefana miadidy ny fanatanterahana]* no miadidy ny fanatanterahana izao didim-pitondrana izao izay manankery ny…….

……, ny……..

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Ny fanafoanana ireo fanomezan-dàlana hampiasa vonjimaika dia tao mitovy endrika sy manaraka izany fepetra izany.

Raha toa ka misy fandavan'ny Ben'ny Tanàna, tsy voaporofon'ny tombontsoan'ny besinimaro, dia azon'ny Solontenam-panjakana, noho ny didy navoakan'ny Fitsarana mahefa, ny manome ireo fanomezan-dàlana vonjimaika sy azo sintonina eny amin'ny làlam-bahoaka izay manan'antony ny fanaovana anatin'ny tanin'ny làlam-bahoaka ireo tatatra natao handalovan'ny fantson-drano na entona, jiro na tariby.

VII.6 | FOMBA FITANTANANA NY TANIM-PANJAKANA AZO AMIDY

Ireo fananana anatin'ny tanim-panjakana azo amidy an'ny Kaominina dia apetraka eo ambany fitsipiky ny fitantanana iombonan'ny daholobe toy ny an'ireo olon-tsotra.

Ny andininy 15 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 dia milaza fa ny Filankevitra no manapaka momba ny fividianana, famindrana amin'olon-kafa sy fametrahana ho antoka ireo fananan'ny Kaominina ary koa ireo fepetra mikasika ny fampanofan-tany. Ao anatin'ireo fanomezan-dàlana omen'ny Filankevitra, ny Ben'ny Tanàna dia manao ny fividianana, ny famindrana amin'olon-kafa sy ny fanaovana ny fampanofan-tany.

Ankoatra izany, ny Ben'ny Tanàna diamiadidy ny fikojakojana sy ny fitantananaandavanandro ny tanim-panjakana azo amidy ananan'ny Kaominina.

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 15.3, 29.5 sy 30.7 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny lalàna laharana faha-2014-020 dia manambara ao amin'ireo andininy 29.5 sy 30.7 fa ny Ben'ny Tanàna dia afaka, eo ambany fanarahamaso na noho ny fanomezan-dàlan'ny Filankevitra, manao fifanarahana fampanofan-tany.

Ny fampanofana dia ny fifanarahana anomezan'ny mpampanofa ny fisitrahana ny fanana-mifaka na fanana-manaraka ka izany dia misy vidiny voafaritra ary voafetra ara-potoana.

Ny fanatanterahana izany dia tontosaina amin'ny fanaovana fifanarahana eo amin'ny mpampanofa syny mpanofa ka izany dia mety arahina bokin'andraikitra na tsia.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia anjaran'ny Filankevitra ny mamaritra ireo fepetra fampanofana ka ny Ben'ny Tanàna no manao ao aoriana ny fifanarahana fampanofana ho fanatanterahana ny fanapahan'ny Filankevitra.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....

FIFANARAHANA FAMPANOFANA

EO AMIN'NY

Kaominina .....……, tondroina etsy ambany hoe «ny Kaominina», soloin'ny Ben'ny Tananany, Andriamatoa/Ramatoa ..... tena,

amin'ny andaniny,

SY

Andriamatoa ....., tondroina etsy ambany hoe ny mpanofa

Karapanondrom-pirenena laharaha faha-..... nomena tao ..... ny ....., duplicata nomena tamin'ny ..... tao .....

Asa atao : ……..

Monina ao ……

amin'ny ankilany,

Dia natao izao fifanarahana fampanofana izao izay milaza :

Andininy 1 : ANTON'NY FIFANARAHANA

Ny Kaominina dia manome hampanofaina ny mpanofa, izay manaiky ny trano [na tany] tondroina ao amin'ny tovana, izay miankina amin'ny fananan'ny Kaominina azo amidy.

Andininy 2 : FANONDROANA IREO ZAVAMISY

Ny trano voatondro ao amin'ny andininy voalohany dia ahitàna ..... *[filazalazana momba ny trano].*

Ny mpampiasa dia tsy maintsy mampiasa ny rano ka mitandro tanteraka ny fikojakojana sy ny fanamboarana azy. Ny Kaominina dia afaka mitaky ny famerenana ny toerana amin'ny toetoetrany tany am-piandohana. Misy fizahana iombonana ny toeteotry ny toerana amin'ny fidirana sy ny famerenana izany.

Andininy 3 : FAMPIASANA NY TOERANA HOFAINA

Ny trano [na toerana]hofaina dia ampiasaina manokana ho amin'ny ..... [*fonenana, fivarotana, hotely].*

Andininy 4 : FAHARETANA

Izao fampanofana izao dia atao mandritra ny ..... *[volana na taona]* miantomboka ny .....

Andininy 5 : TENTINY

Ny tentin'ny hofany dia ferana ho ..... Ny hofany dia aloa mialoha ny voalohany amin'ny volana tsirairay ary ho an'ny voalohany dia ny..... ho an'ny fepotoana ..... hatramin'ny.....

Andininy 6 : ANTOKA

Ny mpanofa dia tsy maintsy mandrotsaka ain'ny fanaovan-tsonia izao fifanarahana izao ny antoka .... ka anomezan'ny Kaominina taratasy fanamarinam-pandoavana izany. Ny tentin'ny antoka dia averina amin'ny fiafaran'ny fampanofana aorian'ny fanesorana ireo sarany rehetra aloanny mpanofa amin'ny Kaominina.

Andininy 7 : HETRA SY HABA

Ny mpanofa dia mandoa ireo hetra, haba sy sarany rehetra mifandraika amin'ireo toerana ampiasaina sy ny asa tanterahina.

Andininy 8 : RANO SY JIRO

Ny mpanofa dia misoratra anarana amin'ny anarany ny amin'ireo fifanaraham-panjifana amin'ny tambajotra fanomezan-drano sy jiro ary hiantojka amin'ny fotoana ialany ny taratasy fanafahan-trosa (quitus) sy ny taratasy fanamarinam-pamaranana ireo fifanarahana natao tamin'ireo mpitantana izany raharaha izany.

Andininy 9 : FIKOJAKOJANA SY FANARENANA

Ny mpanofa dia tsy maintsy manatanteraka ireo fanarenana ny trano rehetra mba hitandroana ny toerana ho tsara kojakoja sy fampiasana hatrany.

Adidin'ny mpanofa ny mitandro ny fahadiovana sy ny fikojakojana ireo hazo sy voly eo amin'ny tany voatondro ao amin'ny tovana.

Ny Kaominina diatsy mitahiry ho vesatra iantsorohany afa-tsy ireo fanarenana lehibe ny rindrina sy ny tafo.

Andininy 10 : ASA FANARENANA

Ny mpanofa dia afaka manatontosa, aorian'ny fankatoavan'ny Kaominina, ireo asa fanarenana na fanajariana. Mialoha ny fandraisana ny asa na ny fanajariana, ny Kaominina sy ny mpanofa dia manao ny fizahana ny toerana. Ireo fanakianana tondroin'ny Kaominina dia tsy maintsy ambara mandritra ny fandraisana vonjimaika ny asa.

Aorian'ny fahataperan'ny asa, ny mpanofa sy ny Kaominina dia manao ny fizahana iombonana ny toerana ka anaovan'ny Kaominina fitànana an-tsoratra fanekena izany. Vantany vao vita izy ireo, ireo asa sy fanajariana rehetra dia manjary fananan'ny Kaominina ka tsy andoavany tambiny izany.

Ny Kaominina dia afaka manatontosa, mandritra ny faharetan'ny fampanofana, ireo asa fanarenana sy asa ilaina rehetra ary ny mpanofa dia tsy afaka mangataka tambiny na fampidinana hofany amin'izany. Ny mpanofa dia tsy maintsy mamela ireo mpiasan'ny Kaominina hitsidika ny toerana ampanofaina amin'ireo fotoana rehetra izay angatahany izany.

Ny mpanofa dia tsy maintsy mampahafantatra ny Kaominina ireo fahasimbana rehetra izay mitranga amin'ny toerana ampanofaina raha tsy izany izy dia tànana ho tompon'andraikitry ny fahasimbana vokatry ny antambo na ny fahatarana nanaovany ny fampahafantarana.

Andininy 11 : VESATRA SY FEPETRA (ho an'ireo toerana anaovana asa)

Ny mpanofa dia tsy maintsy mitazona ny toerana hofaina ho azo trandrahina amin'ny tokony ho izy.

Ny mpanofa dia tsy afaka mametaka takelaka, mari-pamantarana ny varotra na mitovy amin'izany eo ivelan'ny toerana hofaina na anatin'ny fanana-mifaka raha tsy nahazoana ny fankatoavana natao mialoha sy an-tsoratra avy amin'ny Kaominina izany.

Ny mpanofa dia manaiky ny hanaraka ny fitsipiky ny fanana-mifaka.

Ny mpanofa dia tsy afaka na mametraka na mampametraka entam-barotra na zavatra hafa eny amin'ny làlan-tsara, tokotany, na fivoahana ny fanana-mifaka.

Ny mpanofa dia manao ny asany manokana, amin'ny sarany izay zakainy, mizaka ny vokatr'izany, ny fahazoana ireo fanomezan-dàlana rehetra ilainy amin'ny asa ataony.

Andininy 12 : FIANTOHANA

Ny mpanofa dia manao fifanaraham-piantohana iadiana amin'ny haitrano, ireo fahasimbana vokatry ny rano, ireo zava-tsarotra sedraina momba ny fanofana, ireo fitarainan'ny mpiray vodirindrina, sy ny maha-tompon'andraikitra amin'ireo olon-kafa. Izany fiantohana izany dia tokony hahitana fanondroana ny tsy fitoriana ny Kaominina.

Raha toa ka misy loza, ireo fanonerana omena ny mpanofa dia harotsaka ao amin'ny Kaominina.

Andininy 13 : ANDRAIKITRA SY FITORIANA

Ny mpanofa dia tsy afaka manao fitoriana amin'ny maha-tompon'andraikitra ny Kaominina. Ny mpanofa dia manaiky tsy hanao na inona na inona izay mety hanelingelina ny fisitrahan'ny mpanofa hafa ny toerana na ny manodidina. Ny mpanofa dia manaiky tsy hametraka eo amin'ny toerana motera na fitaovana izay mety hiteraka tabataba raha tsy hoe nahazo ny fankatoavan'ny mpampanofa.

Andininy 14 : FAMPANOFANA AMPAHANY

Ny mpanofa dia manaiky fa hampiasa izy tenany ny toerana omena hampiasainy. Ny fanomezana izany olon-kafa, na sandaim-bola izany na maimaimpoana, dia raràna mafy ary miteraka ny fanafoanana avy hatrany ny fifanarahana.

Andininy 15 : FEPETRA FANAFOANANA

Raha toa ka tsy voaloa amin'ny fetra farany fandoavana azy ny hofany na raha toa ka tsy tontosan'ny mpanofa ny iray amin'ireo fepetra momba izao fampanofana izao, ary valo andro aorian'ny fampahatsiahivana handoa na ny fanerena hanatanteraka tsy nisy tohiny na feno na ampahany mandritra io fepotoana io, dia foanana avy hatrany tsy misy fepetra sy fombafomba hafa ny fampanofana.

Raha toa ka misy fanafoanana izao fampanofana izao avy amin'ny mpanofa, dia mitoetra ho an'ny Kaominina ny tentinny antoka mba ho fanonerana.

Andininy 16 : FAMERENANA NY TOERANA

Amin'ny vaninandro ifaranan'ny fifanarahana na ny fiantombohanan'ny fanafoanana, ny mpanofa dia mamerina ny ooerana malalaka tsy misy mpampiasa sy fitaovana, fanaka na entana intsony. Raha to aka tsy izany no mitranga, ny mpanofa dia mandoa sazy mitovy amin'ny ..... (ampahadiminy) hofany isam-bolana isaky ny andro fahatarana.

Andininy 17 : SARAM-PIRAKETANA AN-TSORATRA

Izao fampanofana izao dia apetraka eo ambany fombafomba firaketana an-tsoratry ny mpanofa.

Andininy 18 : FIFIDIANANA NY TRANO

Ho an'ny fanatanterahana izao sy ny ho avy, ireo roa tonta dia mifidy fonenana amin'ireo adiresy voatondro amin'ny fiandohan'izao.

Andininy 19 : FANAHANA NY FIFANOLANANA

Raha toa ka misy fifanolanana eo amin'ny mpanofa sy ny Kaominina, dia ambaran'ny mpanofa anaty fehiteny ny anton'ny fifanolanana.

Ny Kaominina dia manolotra amin'ny mpanofa ny sosokeviny hamahana anatin'ny folo andro izany. Raha lavin'ny mpanofa izany sosokevitra famahana natolotry ny Kaominina izany, dia azony atao ny mandray ny vaomiera fampihavanana misy mpikambana telo.

Ny mpanofa sy ny Kaominina dia manana folo andro mba hanendry isanisany mpampihavana iray. Ireo mpampihavana roa voatendry dia manendry miaraka anatin'ny folo andro mpampihavana fahatelo izay ho filohan'ny vaomiera fampihavanana.

Ny vaomiera raha vantany vao mitsangana dia manana folo andro hihainoana ny roa tonta sy hanolotra famahan'olana ifanarahana. Raha tsy mahazo ny fankatoavan'ny roa tonta izany, dia aroso eo anoloan'ny fitsarana mahefa eo an-toerana izany noho ny fangatahany iray amin'izy ireo izay tena maika.

Natao sosony roa mitovy tao .....

Ho an'ny Kaominina,
Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

Ho an'ny mpanofa,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TOKO

VIII | Fitantanana ireo raharaham-panjakana ifotony

Ny raharaham-panjakana dia faritana hoe ny asa tantanana na arahin'ny Kaominina maso mba hahafahana manome fahafahampo ny tombontsoan'ny besinimaro.

Ny andininy 36 amin'ny didim-panjakana laharana faha- 2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 dia milaza fa *« ny Ben'ny Tanàna, noho ny fanapahan'ny Filankevitra, dia afaka mifidy ny fomba fitantanana ireo tolotr'asa omen'ny Kaominina araka ny lalàna manan-kery, toy ny fampanofana, famoizana, famindram-pitantanana, sy ny itantanana mivantana, arakaraka ny fisian'ireo hoenti-manana » .*

Ny fisafidanana ny fomba fitantanana horasisina dia miankina amin'ny :

- fahafahan'ny Kaominina manatontosa ny fananganana ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny raharaham-panjakana sy hiantohana mivantana ny fitantanana ;
- ny fahafahan'ny Kaominina mahita ireo mpamatsy vola afaka hanorina ireo fampitaovana izay ilaina aoriana ho amin'ny fitantanana na ireo mpitantana azo ametraham-pitokisana hitantana azy ireo.

Raha ny tena marina, ny tena zava-dehibe dia ny ahafahana miantoka ny fanatanterahana ny raharaham-panjakana ka avy amin'izany ny fanomezana fahafahampo ny tombontsoan'ny besinimaro.

Izao toko izao dia hiresahana misesy :

- ny fitondran-draharaha ;
- ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina.

VIII.1 | FITONDRAN-DRAHARAHA

Ny fitondran-draharaha dia anondroana ny orin-draharaham-panjakana miadidy ny fitantanana ny raharaham-panjakana sy ny fomba fitantanana ny raharaham-panjakana. Izany dia fomba fandaminana ahafahan'ny Kaominina mandray an-tànana ny asa hoan'ny tombontsoan'ny daholobe tafiditra ao anatin'ireo lahasany.

VIII.1.1 Fitondran-draharaha mivantana

Ho an'ny fitondran-draharaha mivantana antsoina koa hoe fitondran-draharaha tsotra, ny Kaominina dia manatontosa ireo fampiasam-bola natao hamokarana ilaina mba hiantohana ny iraka raharaham-panjakana mifandraika ary mitsinjo anatin'ny tetibola ireo tentiny mifandraika. Ny Kaominina ihany noho izany no mitantanan ireo fitaovany, na ny olona na ny vola.

Izao endrika fitondran-draharaha izao dia tsy manome na zo sy andraikitra eken'ny lalàna na ny fizakan-tena ara-bola ho an'ny vondrona miadidy ny fitantanana ny raharaham-panjakana anaovana fitondran-draharaha. Ireo vola miditra sy fandanian'ny sampan-draharaha dia soratana anaty tetibolan'ny Kaominina. Mifandraika amin'ny fomba fitantanana mahazatra ireo raharaham-panjakana.

VIII.1.2 Fitondran-draharaha mahaleotena

Ho an'ny fitondran-draharaha mahaleotena, ny raharaham-panjakana dia miankina hatrany amin'ny Kaominina toy ny an'ny fitondran-draharaha mivantana, saingy manana tetibola manokana ankoatra ny an'ny Kaominina izy.

Ny fitondran-draharaha mahaleotena dia fitondran-draharaha mivantana izay manana fizakan-tena ara-bola. Ny tetibolany dia atovana amin'ny tetibola ankapoben'ny Kaominina ary ankatoavina toa ity farany. Tsy manana zo aman'andrikitra eken'ny lalàna kosa anefa izy.

Ny fitondran-draharaha mahaleotena dia manana ireo rafitra manokana fitantanana :

- ny Filankevi-pitantanana apetraka amin'ny alàlan'ny fanapahan'ny Filankevitry ny Kaominina ;
- ny Tale tendren'ny Ben'ny Tanàna.

Mananjo hanaramaso hatrany ny raharaha ny Kaominina.

TSARA HO TADIDY

Ny fanapahan-kevitra hanangana fitondran-draharaha, omena na tsia zo sy andraikitra eken'ny lalàna sy fizakan-tena ara-bola, dia mijanona hatrany ho fahefan'ny Filankevitry ny Kaominina amin'ny alàlan'ny fanapahana.

VIII.2 | NY FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA EO AMIN'NY FANJAKANA SY NY TSY MIANKINA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2015-039 tamin'ny 3 febroary 2016 mikasika ny fiaraham-iombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina ; Andininy 27 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015 ; Didim-panjakana laharana faha-2017-149 tamin'ny 2 martsa 2017 anaovana ny fampiharana ny lalàna laharana faha-2015-039 tamin'ny 3 febroary 2016 mikasika ny fiarahamiombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina momba ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra mikasika ny fanaovana fifanarahana fiarahamiombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina ; Didim-panjakana laharana faha-2017-150 tamin'ny 2 martsa 2017 anaovana fampiharana ny lalàna laharana faha-2015-039 tamin'ny 3 febroary 2016 mikasika ny fiarahamiombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina momba ny lasitra ara-pitondrana.

Ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina dia fifanarahana lavitr'ezaka, eo amin'ny vondrona ara-panjakana iray sy ny orinasa tsy miankina iray, ka amin'izany ny orinasa tsy miankina dia manaiky hanome fitambaran'asa mandravona ny famatsiam-bola, famolavolana, fanatanterahana, fitrandrahana sy fikojakojana fotodrafitr'asa ho an'ny daholobe. Ny orinasa tsy miankina dia karamaina amin'ny alàlan'ireo haba aloan'ireo mpanjifa mivantana, na amin'ny alàlan'ireo fandoavana ataon'y vondrona ara-panjakana, kanefa dia miankina amin'ny fanatratrarana lentan'ny fahombiazan'ny raharaha sasantsasany izany, na amin'ny fampitambarana azy roa.

Any amin'ireo Kaominina, dia mety maka endrika telo ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina :

- ny fampanofana ;
- ny fanomezan-dàlana hisahana ;
- ny fifanarahana fanorenana, fitrandrahana sy famindrana.

Ny fanomezam-pahefana hitantana raharaham-panjakana dia omen-dàlana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Kaominina (andininy 15.11 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014).

Fepetra iombonana ho an'ireo endrika fifanarahana telo :

Ireo fifanarahana *PPP* dia atao aorian'ny paikady nanaovana fifaninanana mangarahara mifototra amin'ireo fepetra mazava sy mitombina. Ho an'ny fakan-kevitra sy ny fanaovana ny fifanarahana *PPP*, ireo avy amin'ny Fanjakana dia ampian'ny Vondrona *PPP* apetraka eo ambany fahefan'ny Filohan'ny Repoblika.

Ireo tetikasa *PPP* dia tsy maintsy anaovana mialoha fanadihadiana ny fahafaha-manatanteraka ara-teknika, toekarena, fitantanam-bola, tontolo iainana, sosialy lalàna sy fitondran-draharaham-panjakana ary koa fanadihadiana ny fahafaha-manantanteraka sy ny fanadihadiana ny fizakana ara-pitantanam-bola ary angatahana ny fanehoan-kevitra fankatoavana avy amin'ny Ministera miadidy ny Fitantanam-bola (andininy 9 amin'ny lalàna laharana faha-2015-039). Ireo tetikasa madinika dia tsy ampanaovana fanadihadiana mialoha sy angalana ny fanehoan-kevitry ny Ministera miadidy ny Fitantanam-bola (andininy 10 amin'ny lalàna laharana faha-2015-039). Amin'ireo tranga ireo, dia azon'ny Rafi-panjakana atao ny mampanao avy hatrany fitaomana hanao tolo-bidy misokatra na voafetra, miaraka na tsia amin'ny fahafaha-manao mialoha ary tsy toy ny mahazatra ifanarahana. Ny fitaomana hanao tolo-bidy voafetra dia ahazoana ny fanehoan-kevitra fankatoavna avy amin'ny Manamahefa mpandrindra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana *(ARMP)*. Ireo fepetra fanomezana ireo fifanarahana *PPP* dia :

- ny tenti-bidy manontolon'ny tolo-bidy, ny tentin'ny famatsiambola atolotra izay ahitàna ny tenti-bidin'ireo asa sy ireo fandanianam-pitrandrahana, ny tentin'ireo sarany, haba, sns. aloan'ireo mpanjifa na ny Rafi-panjakana manao ny fifanarahana ;
- ireo tanjona momba ny fahombiazana ;
- ny fiorenam-paka mafy momba ny fanaganana ara-pitantanam-bola.

Ny fifanarahana *PPP* dia fifanarahana ara-panjakana izay mamaritra :

- ireo zo sy andraikitry ny roa tonta ;
- ny faharetana ;
- ireo fepetra ahafaha-miantoka ny fitohizan'ny raharaham-panjakana, ny fitovian'ireo mpanjifa manoloana ny raharaham-panjakana ;
- ireo sarany, haba, karama, hofan-trano, sandan'ireo tolotr'asa sy antom-pamaritana ny valin-kasasaran'ny tompony ;
- ny rafi-pitsipika momba ny fizaka-manana ireo fotodrafitr'asa sy fananana ;
- ireo andraikitra ara-kaonty sy ny fampitàna ireo kaonty ;
- ireo mety ho antoka farafahakeliny momba ny fifamoivoizana, ny fidiram-bola,...omen'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ireo fepetra fanafoanana sy fanomezana fanonerana.

Ny fampanofana :

Ny fampanofana dia fifanarahana izay ahafahan'ny Kaominina manankina ami'ny olon-tsotra, ny mpanofa, ny fitantanana ny raharaham-panjakana iray. Ny rafi-panjakana dia miantoka ny famatsiam-bola sy ireo fanarenana lehibe. Ny mpanofa dia mitrandraka ny raharaha ka mizaka izay mety ho vokany ary karamaina amin'ny vidiny aloan'ireo mpampiasa ny raharaha. Ny mpanofa dia mandrotsaka amin'ny Kaominina ny sarny mahazatra. Amin'ny fiafaran'ny fifanarahana, ny mpanofa da mamerina amin'ny Kaominin ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana nampanofaina ka mbola mihodina tsara izany.

Ny fampanofana dia ahafahan'ny Kaominina mamindra amin'ny mpiara-miombon'antoka tsy miankina ny mety ho vokadratsin'ny fitantanana ny raharaha.

Ny fanomezan-dàlana hisahana :

Ny fanomezan-dàlana hisahana dia fifanarahana izay ahazoan'ny Kaominina manankina amin'ny olon-tsotra, ny nomen-dàlana hisahana, ny fitrandrahana ny raharaham-panjakana sy ny fanatanterahana ireo fampitaovana ilaina ho fampandehanana azy. Ny nomem-pahefana hisahana dia mitrandraka ny raharaha ka mizaka izay mety ho voka-dratsiny ary karamaina amin'ny sarany aloan'ny mpampiasa ny raharaha. Amin'ny fiafaran'ny fifanarahana, ny nomem-pahefana hisahana dia mamerina amin'ny Kaominina ireo fotodrafitr'asa sy fampitaovana ka mbola mihodina tsara izany.

Ny fanomezan-dàlana hisahana dia ahafahan'ny Kaominina dia afaka mametraka raharaha vaovao hafa ka tsy misy famatsiam-bola mialoha sy tsy misy trosa ary koa mamindra amin'ny mpiaram-miombon'antoka tsy miankina ireo mety ho voka-dratsin'ny fitrandrahana ny raharaha.

Ny fifanarahana Fanorenana, Fitrandrahana, Famindrana *(CCET)* :

Ny *CCET* dia fifanarahana izay ahafahan'ny Kaominina manankina amin'ny olon-tsotra ny famatsiambola, ny fanorenana sy fitrandrahana fotodrafitr'asa. Ny nomem-pahefana dia karamaina ami'ny alàlan'ny sarany aloan'ireo mpanjifa. Amin'ny fiafaran'ny fifanarahana, ny nankilany dia mamindra amin'ny Kaominina ireo fotodrafitr'asa ka mihodina tsara izany.

Ny *CCET* dia ahafahan'ny Kaominina manatanteraka fotodrafitr'asa vaovao tsy mila famatsiambola mialoha sy trosa. Ny takalony dia ny ny fandoavan'ireo mpisitraka ny zo hampiasa mandritra ny fepotoana aharetan'ny fifanarahana.

TOKO

IX

Ireo raharaham-panjakana hefain'ny Kaominina

IX.1 | RAHARAHA ARA-PANJAKANA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 15.3, 29.5 sy 30.7 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014

Ny Ben'ny Tanàna na ny Lefiny, noho ny fanomezam-pahefana, dia miadidy ny fanamarinana ho to ireo sora-draharaha amin'ny alàlan'ny fanamarinan-tsonia sy ny fanamarinana araka ny lalàna ary koa ny fanomezana ireo fanomezan-dàlana ara-panjakana samihafa toy ny fanomezan-dàlana handevina na hamadika.

IX.1.1 Fanamarinan-tsonia sy fanamarinana araka ny lalàna

Ny Ben'ny Tanàna na ny Lefiny, noho ny fanomezam-pahefana, dia afaka manao fanamarinana araka ny lalàna ireo sonia napetraka teo imason'izy ireo ary mifanaraka amin'ny sonia anaty kara-panondrom-pirenena na amin'ny maodelin-tsonia napetraky ny voakasika anatin'ny rejisitra manokana eo anivon'ny Biraon'ny Kominina.

Amin'ireo tranga voalohany, ny mpiasan'ny Kaominina dia manamarina ny fifanarahan'ny sonia, ary mametaka sy mameno ny fitomboka etsy ambany ary manolotra izany hosoniavin'ny Ben'ny Tanàna.

Hita mba hanaovana fanamarinana ny sonian' .....
[anarana sy fanampiny, asa atao, fonenana] **napetraka tetsy ambony teo imasonay.**

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

Amin'ny tranga faharoa, ny Kaominina dia manokatra rejisitra izay natokana hametrahana ireo maodelin-tsonia. Ny olona maniry hanao fanamarinan-tsonia eo anivon'ny Kaominina dia tsy maintsy misoratra anatin'ny rejisitra izay ahitàna ireto angom-baovao manaraka ireto :

- ny laharana mifanjohy izay omena ny voakasika ary takiana ho an'ny fanamarinan-tsonia rehetra hataony ;
- ny daty nisoratana anaty rejisitra, ny anaran'ny voakasika sy ny fanampiny ;
- ny laharana, ny daty sy toerana nanomezana ny kara-panondrom-pirenena ary raha toa ka efa nosoloina izany, ny daty sy toerana nanomezana ny solony ;
- ny adiresin'ny voakasika ;
- ny maodelin'ny sonia na ny lavotondro.

MAODELIN'NY REJISITRA

LAH°	DATY	ANARANA SY FANAMPINY	LAHARAN'NY KARAPANONDROM-PIRENENA, DATY SY TOERANA NANOMEZANA AZY	ADIRESY	SONIA SY LAVOTONDRO

Ny fisoratana anarana anatin'ny rejisitra dia hefain'ny mpiasan'ny Kaominina eo imason'ny voakasika miaraka amin'ny kara-panondrom-pireneny.

Isaky ny fangatahana fanamarinana, ny mpiasan'ny Kaominina :

- mangataka amin'ny mpangataka ny laharam-pisoratany anaty rejisitra fanaovan-tsonia ary manamarina fa efa voapetraka anaty rejisitra ny soniany. Raha toa ka tsy izany no mitranga dia tsy maintsy ataony ny fisoratana anaty rejisitra ;
- manamarina fa ny sonia amin'ny antontan-taratasy hohamarinina araka ny lalàna dia mitovy amin'ny sonia anaty rejisitra ;
- mametraka ny fitomboka mifandraika amin'ny zava-misy hita :

Ho an'ireo fanamarinana araka ny lalàna tsotra :

Hita mba hohamarinina araka ny lalàna ny sonian'.....
[Anarana, fanampiny, asa, fonenana] **voarakitra anaty rejisitra amin'ny laharana ..... *[lah° rejisitra]* ary apetraka etsy ambany.**

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

Ho an'ireo raharahan-tany :

Hita mba hohamarinina araka ny lalàna ny sonia :

Andriamatoa ....., voasoratra anaty rejisitra amin'ny laharana ..... tamin'ny .....

Andriamatoa ....., voasoratra anaty rejisitra amin'ny laharana ..... tamin'ny .....

voatondro anatin'izao sora-draharaha izao, izay nitranga teto alohanay, nanamarina ny mombamomba azy ireo ary nanamafy ny faneken'izy ireo tsy nisy teritery.

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

Ho an'ireo lavotondro :

Ny manao sonia etsy ambany ..... Ben'ny Tanànan'ny Kaominina ..... dia manamarina fa ireo lavotondro etsy ambony dia napetrak'Atoa ..... *[Anarana, fanampiny, asa, fonenana]* teo imasony izay misoratra anaty rejisitra aminin'ny laharana ..... *[lah° rejisitra]* ary apetraka etsy ambany.

Tao ....., ny.....

Ny Ben'ny Tanàna,

Ny voakasika dia mandoa ao amin'ny fitondran-draharaha famoriam-bolan'ny sampan-draharaha ny tentin'ny saran'ny fanamarinn-tsonia araka ny lalàna ary mametraka ny taratasy fanamarinam-pandoavana amin'ny mpiasan'ny Kaominina. Atolotra hosoniavin'ny Ben'ny Tanàna na ny Lefiny ny antontan-taratasy hohamarinin-tsonia araka ny lalàna ka izany dia ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinam-pandoavana ny sarany.

Aorian'ny fanaovan-tsonia, ny antontan-taratasy vita fanamarinan-tsonia araka ny lalàna dia averin'ny mpiasan'ny Kaominina amin'ny voakasika.

Ny saran'ny fanamarinan-tsonia araka ny lalàna dia ferana main'ny alàlan'ny fanapahan'ny Filankevitry ny Kaominina. Tsy maintsy aloa izany isaky ny fanamarinan-tsonia atao araka ny lalàna.Maimaimpoana ny fametrahana ny sonia anatin'ny rejisitra.

NY MOMBA IREO KAOMININA MANANA SATA MANOKANA

Ho an'ireo Kaominina manana sata manokana, ny Delegen'ny Ben'ny Tanàna eo anivon'ireo Boriborintany monisipaly dia afaka manao ny fanamarinan-tsonia araka ny lalàna mitovy endrika amin'ny an'ireo Kaominina hafa.

IX.1.2 Fanomezan-dàlana handevina sy hanao famadihana

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 42.4 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015

Ny Ben'ny Tanàna dia mizaha fototra ireo anton'ny fahafatesana ary mitaky ireo antontan-taratasy nataon'ny mpitsabo mialoha ny fanomezan-dàlana handevina rehetra :

- ny taratasy fanamarinam-pahafatesana na ny fanambaram-pahafatesana nataon'ny mpitsabo nikarakara aorian'ny fizahana lalina sy feno ny olona maty ;
- ny taratasy fanamarinam-pahafatesana nataon'ny mpitsabo avy amin'ny Fanjakana, ny mpitsabo avy amin'ny Birao monisipaly momba ny fahadiovana *(BMH)* na ny mpitsabo miasa amin'ny tobim-pitsaboana ara-panjakana.

Raha toa ny fahafatesana ka ara-boajanahary, dia anomezana taratasy fanamarinam-pahafatesana izany izay atolotra ny Ben'ny Tanàna.

Raha toa ny fahafatesana ka vokatry ny areti-mifindra izay efa nandraisana fepetra ara-pahasalamana manokana, toy ny pesta, ny nendramboalavo na ny *choléra*, dia anaovana fanombinana ny faty mba hanatontosana ny fitiliana amin'ny laboratoara :

- raha toa ny fitiliana ka naneho soritr'aretina ahiahiana, dia tondroin'ny mpitsabo anatin'nytaratasy fanamarinampahafatesana izany. Tokony hatao faran'izay haingana ny fandevenana ary atokam-pasana ny maty fa tsy atao am-pasana iombonana ary tsy azo atao ny manao famadihana anatin'ny telo taona ;
- raha tsy nahinana inona ny fitiliana, ny mpitsabo dia manome taratasy fanamarinam-pahafatesana.

Raha nisy herisetra ny antom-pahafatesana, dia tsy maintsy ambaran'ny mpitsabo amin'ny mpitsara na ny mpitsara amin'ny fampanoavana izany.

a. Fanomezan-dàlana handevina :

Omen'ny Ben'ny Tanànan'ny toerana nahafatesana izy eo am-pahitàna ny taratasy fanamarinam-pahafatesana. Raha toa ka tsy nisy taratasy fanamarinam-pahafatesana nomena noho ny antony maro samihafa, dia tsy maintsy omen'ny Ben'ny Tanàna anatin'ny 48 ora ny fanomezan-dàlana.

Ny Ben'ny Tanàna dia afaka ihany koa manome faritra anatin'ny toeram-pandevenana iombonan'ny Kaominina natao hoan'ny daholobe ka anjaran'ny fianakaviana misitraka ny manorina ny fasana anatin'ny iray taona aorian'ny nanomezana ny faritra.

Takiana ny fanomezan-dàlan'ny Ben'ny Tanàna ho amin'ny fisokafan'ny fasana.

Ho an'ireo olona maty tsy fantatra ny momba azy na tsy manana fianakaviana, dia baikon'ny Ben'ny Tanàna ny fandevenana azy amin'ny fomba mendrika any amin'ireo toeram-pandevenana ho an'ny daholobe.

MAODELIN'NY FANOMEZAN-DÀLANA HANDEVINA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA .....
KAOMININA .....
LAH°.....

FANOMEZAN-DALANA HANDEVINA

Omen-dàlana Andriamatoa ....., handevina ny fatin'ny ....., izay maty ny ..... tao .....

Ny fandevenana dia hatao ny ..... ao amin'ny Fokontany ....., Kaominina ....., Distrika ....., Faritra .....

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

b. Fanomezan-dàlana hanao famadihana :

Ny fanomezan-dàlana hanao famadihana sy ireo fomba fanao ara-drazana dia andoavana haba izay ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitra ny tentiny.

Toy ny amin'ny fandevenana, ny fanokafana ny fasana dia ekena noho ny fanomezan-dàlana omen'ny Ben'ny Tanàna.

Ho amin'ny famindrana razana anatin'ny fasana hafa ivelan'ny Kaominina, ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina anaovana ny fanokafam-pasana dia tsy maintsy manao fanomezan-dànana ary ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina hanaovana ny famindrana ny razana dia manome fanomezan-dàlana handevenana indray.

Misy Solontenan'ny Fotondran-draharaham-panjakana manatrika ny fanokafana ny fasana mandritra ireo fombafomba fanaovam-pamadihana. Andefasana dika mitovin'ny fanomezan-dàlana izy.

MAODELIN'NY FANOMEZAN-DÀLANA HANAO FAMADIHANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
_____

FARITRA .....
KAOMININA .....
LAH°.....

FANOMEZAN-DALANA HANAO FAMADIHANA

Omen-dàlana Andriamatoa ..... *[asa]*, monina ao ....., hanatanteraka ny famadihan-drazana izay hotanterahina ny ..... ao ..... *[Fokontany]*, Kaominina ....., raha toa ka iantohany amin'izany ny fandriampahalemam-bahoaka.

Omena azy izao fanomezan-dàlana izao amin'izay rehetra mety hilàna azy.

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

c. Fitaterana ny vatan'ireo olona maty :

Ny fitaterana dia azo atao avy hatrany aorian'ny fahafatesana, raha toa ny maty ka halevina amin'ny Kaominina ivelan'ny Kaominina nahafatesany, na aorian'ny famadihana raha toa ny maty ka efa nalevina.

MAODELIN'NY FANOMEZAN-DÀLANA HANAO FITATERANA RAZANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana
_____

FARITRA .....
KAOMININA .....
LAH°.....

FANOMEZAN-DALANA HAMINDRA RAZANA

Ny Ben'ny Tanàna izay manao sonia etsy ambany, dia manome alàlana ny famindrana ny fatin'ny ....., avy ao amin'ny Kaominina ..... *[Kaominina iaingana]* ho any amin'ny Kaominina *[Kaominina hamindrana]*, ka tsy maintsy hajaina amin'izany ireo lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery.

Omena azy izao fanomezan-dàlana izao amin'izay rehetra mety hilàna azy.

Tao ....., ny .....

Ny Ben'ny Tanàna,

[Sonia]
[Anarana sy fanampiny]

TOKO

X

Ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana

X.1 | FITANDROANA NY FILAMINANA ARA-PITONDRANA

RIJAN-TENY FITSIAHY	Andininy 37 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960tamin'ny 16 jona 2015

Ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana dia fitandroana indrindra ny filaminana ho fisorohana izay natao mba hitandroana ny fandriampahalemam-bahoaka amin'ireo sehatra rehetran'ny fiainana ara-tsosialy.

X.1.1 Ny Ben'ny Tanàna, manam-pahefana miadidy ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana

Eo anivon'ny Kaominina, dia ny Ben'ny Tanàna no manam-pahefana miadidy ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana. Ny fahefan'ny Ben'ny Tanàna hitandro filaminana dia miendrika fahefana hametraka fitsipika, fanomezan-dàlana sy fandraràna (andininy 20 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015). Ny fahefana hitandro filaminana dia fahefana manokan'ny Ben'ny Tanàna, izay ampiasainy ka tsy ilaina fanomezan-dàlana mialoha avy amin'ny Filankevitra, ary apetraka eo ambany fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna hefain'ny Solontenam-panjakana. Amin'izany, dia izy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny filaminana, ny fahatoniana, ny fahasalamam-bahoaka ary koa ny fiarovana ny saim-bahoaka eo anivon'ny Kaominina. Ny Solontenam-panjakana dia mitoetra hatrany ho tompon'andraikitry ny fandriampahalemana sy ny filaminam-bahoaka (andininy 28 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014) ary manome ireo fanomezan-dàlana mikasika ireo fihetsiketsehana momba ny toe-karena, ny politika sy ny kolotsaina eny an-dalambe (andininy 28 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-129 tamin'ny 23 desambra 2014).Raha toa ka tandindomin-doza ny fandriampahalemam-bahoaka ao anatin'ny Kaominina roa na maromaro mifanolobodi-rindrina, dia afaka misolo ny toeran'ireo Ben'ny Tanàna voakasika ny Solontenam-panjakana ho amin'ny fampiasana ny fahefana hitandro filaminana (andininy 45 andàlana farany amin'ny lalàna laharana faha-2014-20 tamin'ny 27 septambra 2014). Na dia izany aza anefa, ny Ben'ny Tanàna dia afaka manao fanoherana ny fepetra fitandroana ny filaminana raisin'ny Solontenam-panjakana eo anoloan'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana.

Ho amin'ny fampiasana ny fahefana hitandro filaminana izay omena azy, ny Ben'ny Tanàna dia manam-pahefana amin'ny polisy monisipaly na kaominaly. Raha toa ka laina izany, dia azony atao ny mangataka amin'ny Solontenam-panjakana ny fanatrehan'ny mpitandro ny filaminana ka izany dia atao an-taratasy izay manamarina ny antony ilaina ny fanomezan-tànana. Ny Ben'ny Tanàna tokoa mantsy dia tsy manana fahefana hanerena ireo mpitandro ny filaminana raha toa ka ny Solontenam-panjakana dia afaka mibaiko ireo mpitandro ny filaminana mitoby anatin'ny fari-piadidiany (andininy 20 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014) mikasika ny fisoloantenam-panjakana). Ireo mpitandro filaminana mandray andraikitra ao anatin'ny fitandroana ny filaminana ara-pitondrana dia mitoetra hatrany eo ambany fiahian'ny lehiben'izy ireo manokana, na eo anivon'ny fijerena ireo fitaovana hampiasaina na eo anivon'ny fandrindrana ireo fidirana an-tsehatra.

X.1.2 Ireo sampan-draharahan'ny polisy monisipaly sy kaominaly

Miasa eo anivon'ny Kaominina ambonivohitra ny polisy monisipaly ary ny polisy kaominaly dia eo anivon'ny Kaominina ambanivohitra. Ny fananganana ny sampan-draharahan'ny polisy dia tsy maintsy omen'ny Filankevitra alàlana ary ny isan'izy ireo dia tsy maintsy tafiditra anatin'ny tetibolan'ny Kaominina.

Ireo mpiasa mandrafitra ny polisy monisipaly na kaominaly dia raisina toy ireo mpiasan'ny Kaominina hafa ary apetraka eo amban'ny fahefan'ny Ben'ny Tanàna. Tsy maintsy anaovana fifanarahana arak'asa izay fehezin'ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 anaovana Fehezan-dalàna momba ny Asa izy ireo.

Ireo polisy monisipaly sy kaominaly no miadidy ny fanatanterahana ireo fepetra momba ny filaminana noraisin'ny Ben'ny Tanàna. Tandrovany indrindra amin'izany ny fanajana ireo fitsipiky ny tsena, ny fihantsonana sy ireo fampitaovana anatin'ny fari-piadidian'ny Kaominina.

Na dia izany aza anefa, dia tsy manan-jo hitondra fitaovam-piadiana izy ireo.

X.1.3 Andraikitry ny Ben'ny Tanàna mikasika ny filaminana, ny fahatoniana sy ny fahasalamam-bahoaka

Mba hiantohana ny filaminana eo an-toerana sy ny fahasalamam-bahoaka, ny Ben'ny Tanàna dia afaka mandray fepetra momba ny filaminana indrindra amin'ireto sehatra manaraka ireto :

1. ny fisorohana ny loza tsy hihatra sy ny fahatsaran'ny fandalovana amin'ireo arabe, fihantsonana, kianja ary làlana falehan'ny besinimaro indrindra ny fandraisana didy amam-pitsipika momba ny varotra mivezivezy, ireo fivorivoriana sy ireo asa hafa izay mety manelingelina ny fifamoivoizana ;
2. ny famaizana izay mety hanohintohina ny fandriampahalemam-bahoaka toy ny ady saritaka sy fifamaliana, savorovoro eny an-dàlana na fivorivoriana amin'ny andro alina ;
3. ny fitandroana hisian'ny filaminana manin'ireo foara, tsenabe, koranam-pifaliana sy lanonam-bahoaka, fety fampisehoana, sy ireo toerana hafa falehan'ny besinimaro ;
4. ny fomba fitaterana olona maty, ireo fandevanana sy famadihan-drazana, ny fitandroana ny filaminana sy ny fahamendrehan'ireo vondrom-pasana ;
5. ny fanamarinana ny taratasim-pifanojoana ireo fitaovam-pandanjana sy fandrefesana amin'ireo fenitra takiana ary ny fisafoana mikasika fitandroam-pahasalamana mikasika ireo zava-pihinana atolotra hamidy ;
6. ireo fepetra fisafoana sy fanaraha-maso ny famonoam-biby, ireo toeram-pivarotana sy fitaterana ny hena (didim-pitondrana iombonan'ny Ministera laharana faha-24.657/2004 mikasika ny fitandroam-pahasalamana sy ny kalitaon'ireo vokatra sy sakafo azo avy amin'ny biby) ;
7. ireo fepetra momba ireo olona mpirenireny sy adala izay mety hanimba ny saim-bahoaka, ny filaminan'ny olona ary indrindra ny fitadiavana ireo akaiky azy ireo na raha tsy misy izany ny fampidirana azy ireo amin'ny toeram-pitsaboana ireo adala ;
8. ny fitsinjarana ireo famonjena ilaina raha sendra misy loza sy antambo ;
9. ny fiarovana ny olona amin'ny firenirenin'ireo biby mampididoza indrindra ny famonoana ireo alika mirenireny, ireo fepetra hamongorana ny voalavo, sns...

X.1.4 Fitandroana ny filaminana mikasika ireo làlana

Ny Ben'ny Tanàna no miantoka ny fitandroana ny filaminana mikasika ireo làlana ao anatin'ny tanàna. Ho amin'izany, dia raisiny ireo fepetra momba ny fitandroana ny filaminana ary apetrany ireo takelaka fanondroana ho amin'ny :

1. famaritana ny farafetran'ny tanàna ;
2. ny famerana ny hafainganam-pandeha farany ambony rehefa mamakivaky ny tanàna ;
3. ny fanondroana ireo sampanan-dàlana ao anatin'ny tanàna ;

4. ny famerana ny fampiasana ireo anjomara fanairana ;
5. ny fanaovam-pitsipika mikasika ny toeram-pihantsonana ho an'ny sokajin'ny fitaovam-pifamoivoizana sasantsasany (toy ny fiara vaventy) na ny sokajy rehetra ary ho amin'ny fotoana rehetra na voafetra ara-potoana (ohatra mandritra ny zava-mitranga manokana) ;
6. ny famerana na ny fandraràna ny fivezivezena anatin'ireo làlan'ny Kaominina amin'ireo sasantsasany na ireo sokajin'ny fitaovam-pifamoivoizana rehetra (ohatra sarety, fiara vaventy,sns) maharitra na voafetra ara-potoana (ohatra mandritra ny zava-mitranga manokana) ;
7. ny famerana ny lanja na ny fandraràna ny fandalovana amin'ireo tetezana sy baka.

X.1.5 Ny famaizana ireo fandikan-dalàna

Azon'ireo Kaominina atao amin'ny alàlan'ireo mpiasany ny mampitarika sy mampanao ny fanagiazana ireo fitaovam-pifamoivoizana, biby sy zavatra nilaozana teny an-dàlambe, tsena sy teorana fivezivezen'ny besinimaro (Didim-panjakana laharana faha-95-291 tamin'ny 18 aprily 2015 anaovana fandaminana ny fanagiazana). Ireo saram-pitaterana sy fiambenana amin'ny fanagiazana dia ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Kaominina ary angonina ka anomezan'ny fitonrdran-draharaha famoriam-bolan'ny Kaominina.

Azon'ny Kaominina atao ihany koa ny manasazy ireo fandikana ny fitsipiky ny Kaominina mikasika ny fitandroana ny filaminana, ny fitehirizana sy ny fampiasana ny tanim-pajakana azo amidy ananany (làlana, toerana hoa n'ny besinimaro, zaridaina, tsena, toerana famonoam-biby, sns). Ny fetra ambany sy ambony amin'ireo lamandy dia ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Kaominina araka ireo fetra faritan'ny andininy 12 amin'ny lalàna laharana faha-2008-013 tamin'ny 23 jolay 2013 mikasika ny tanim-panjakana azo amidy : Ar 100.000 farahafahakeliny ary Ar 1.000.000 farafahabetsany. Anaovana fitànana an-tsoratra izany ary ireo lamandy voaangona dia anomezan'ireo mpiasan'ny Kaominina vita fianianana taratasy fanamarinam-pandoavana. Ny vokatr'ireo lamandy dia arotsaka ao amin'ny fitondran-draharaha famoriam-bolan'ny Kaominina.

Ireo fandikan-dalàna hafa dia sazian'ireo mpiandraikitra ny fikarohana fandikan-dalàna.

Ireo lamandy voaangona, na dia nataon'ireo mpiasan'ny Polisim-pirenena aza, izay tafiditra anatin'ny fampiasan'ny Ben'ny Tanàna ny fahefany momba ny fitandroana ny filaminana, dia ampidirina anatin'ny tetibolan'ny Kaominina ka izany dia tsy misakana ireo zon'ireo mpiasa.

TSARA HOMARIHINA : Ireo fepetra fitandroana ny filaminana dia tsy maintsy mifototra amin'ny fitadiavana ny tombontsoan'ny besinimaro fa tsy natao hiarovana tombontsoan'olon-tsotra. Ohatra : ny famerana ny lanja na ny tsy fahazoan'ireo fiara vaventy mivezivezy dia tsy natao hiarovana ny tombontsoan'ireo mpanangom-bokatra madinika akory.

TOKO

XI

11 Fisoloantenam-panjakana eo anivon'ny Kaominina

RIJAN-TENY FITSIAHY	Lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenan'ny Fanjakana ; Didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenan'ny Fanjakana

Fintinina ato anatin'izao tabilao manaraka izao ireo Solontenam-panjakana eo anivon'ny Kaominina :

KAOMININA	SOLONTENAM-PANJAKANA
Kaominina ambonivohitra Antananarivo, Nosy Be sy Sainte Marie	*Préfet de Police*
Kaominina renivohitry ny Prefektiora	Prefe
Kaominina hafa	Lehiben'ny Distrika

Adidin'ireo Solontenam-panjakana no :

1. miantoka ny fanarahamaso ny fanarahan-dàlana ireo sora-draharahan'ny Ben'ny Tanàna sy ireo fanapahan'ny Filankevitra ;
2. manatrika ireo fivorian'ny Filankevitra ary mandray anjara amin'ireo adihevitra. Raketina anatin'ny fitànana an-tsoratry ny fivoriana ireo fandraisam-pitenenan'ny Solontenam-panjakana ;
3. noho ny fangatahana an-tsoratry ny Lehiben'ny Mpanatanteraka, manatrika ireo fivorian'ny rafitra mpanatanteraka mba hitondra fanazavana mikasika ireo fepetra entin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika ;
4. manolo-kevitra ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ny sehatra ara-panjakana, ara-tetibola sy fitantanam-bola, ara-tsosialy, ara-toekarena, ary momba ny politikam-pampandrosoana ;
5. noho ny fangatahana an-tsoratry ny Lehiben'ny Mpanatanteraka, manentana ireo tompon'andraikitr'ireo sampan-draharaham-panjakana anapariaham-pitondrana mikasika ireo fangatahana tantsoroka ara-teknika atolotr'ireo mpanatanteraka ifotony ;
6. noho ny fangatahana an-tsoratry ny Lehiben'ny Mpanatanteraka, manaika ireo mpitandro ny filaminana ;
7. mampahafantatra ireo olom-boafidy ifotony sy ny mponina ireo fandaharan'asan'ny Governemanta ho amin'ny fanatanterahana ny politika ankapoben'ny Fanjakana ;
8. mibaiko ireo iraka fanarahamaso sy fisafoana eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Fahotana bevava mety hitarika fanonganana ny tsy fanaovana miverimberina ny fampitana ireo sora-draharaha amin'ny Solontenam-panjakana (andininy 69 sy 258 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014.